


# *FANONTANIANA SY VALINY*

## *MIKASIKA AN'IREO TOMBOKASE*

 [Miteny amin'ny fiteny hafa ny rahalahy iray. Manome fandikana iray ny rahalahy hafa iray. Mivavaka mafy be ny fiangonana—Mpand.]

Rainay any An-danitra, mankasitraka tokoa an'ity fotoana izay ahafahanay miombona indray manodidina ny Tenin'Andriamanitra ity izahay, ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Tena mankasitraka izahay fa miaraka aminay Ianao, izao maraina izao, mba hanampy anay sy hitahy anay. Mangataka ny famelàna ny fahotanay izahay, mba ho feno Diloilo ny fanilonay, ary ho voadio sy hirehitra, mba Hampiasanao anay ankehitriny hanaja Ny Anaranao lehibe. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'ny Zanaka malalan'Andriamanitra izahay, Jesosy Kristy. Amena.

Afaka mipetraka ianareo.

<sup>2</sup> Vao niditra mihitsy aho rehefa nandre an'ilay hafatra izay nivoaka. Noho izany aho dia . . . Marina fa mila mihazona ny fanilontsika ho feno isika, mihazona ny . . . Fantatrareo, rehefa ny . . . Arakaraky ny hirehetanareo, no tsy ahafahanareo miankina eo amin'izay efa nataonareo, ankehitriny. Hitanareo? Satria, ny afo, izay ampirehetin'ny diloilo, dia manao arina iray. Koa izany no anton'ilay fanadiovana ny . . . hanaovana ny fanilonareo hadio, nohon'ny arina eo an-tampon'ilay—an'ilay lahany. Maro aminareo olona eo amin'ny taonako, rehefa nampiasa isika fahiny ny—ny fanilo solika, hitanareo, izy ireo . . . Izany—izany dia—izany dia nisy arina teo an-tampony, izay nirehetany, ary noho izany dia mampanjavozavo an'ilay hazavana ilay izy. Noho izany dia tsy maintsy diovinareo hiala ilay arina rehetra, sy mba ahafahantsika “manohy mandroso, mankany amin'ilay mariky ny antso any ambony ao amin'i Kristy.”

<sup>3</sup> Ankehitriny, izao dia—izao dia maraina lehibe, tsara tarehy, any ivelany sy ato anatiny, raha manatona io vanim-potoan'ny Paska io ankehitriny.

<sup>4</sup> Ary—ary ho tonga eo amin'ilay Tombokase farany isika ankehitriny, rahariva, raha sitraky ny Tompo. Ary Tombokase iray tena mahagaga Izany, tena, tena, satria Izany aza dia tsy—Izany aza dia tsy voalaza akory ao anatin'ireo Soratra na aiza na aiza, tsy misy mari-pamantarana, na inona na inona hiankinana. Izany dia tsy maintsy tonga mivantana mihitsy avy any Andanitra.

<sup>5</sup> Ary ilay izy—ilay izy dia—dia karazana ora iray misintona mafy ho ahy. Efa izany ilay izy, nandritry ny herinandro rehetra. Ankehitriny dia ity no . . . ho androko fahavalo tao amin'ny efitra iray. Ary voamariko eto, fa maro, ao amin'ireto fangatahana ireto, ka tsy maintsy nifantina kely aho. Misy maro amin'izy ireo no nila fifampiresahana. Ary izaho—tiako izany. Tiako ny—ny hanome an'izany ankehitriny, hitanareo, saingy izaho—tsy afaka aho izao ankehitriny izao. Satria, azonareo, fa ilay—ilay manontolon'izay ezahantsika hatao ankehitriny dia ny mahita ny fanambaran'ny—an'ny sitrapon'ny Tompo, hitanareo. Noho izany rehefa manana fifampiresahana ianareo, amin'izay fotoana izay dia izany no misintona anareo hivoaka, mankany amin'ny lafin-javatra hafa iray, hitanareo.

<sup>6</sup> Ary, avy eo, ary tahaka ny vavaka ho an'ny marary, hafa daholo izany. Ianareo. . . Izany dia ireo fahitana sy ny sisa; hafa no ianaranareo, ary ianareo—ianareo dia voahosotra hafa. Izany dia tahaka ny nolazain'ny Baiboly mihitsy eo hoe, “Ny—ny hazo izay nambolena eo akaikin'ireo—ireo reniranon-drano.” “Reniranon-drano,” hitanareo, rano iray ihany, saingy misy fivoahana amin'ity lâlana ity, ity lâlana ity, ary ity lâlana ity. Miankina amin'ilay fivoahana izany. Ilay Fanahy iray ihany izany.

<sup>7</sup> Paoly, Korintiana Voalohany 12, dia nanao an'ilay zavatra iray ihany, niresaka mikasika ny hoe, “Misy maro ireo fanomezam-pahasovana, saingy ilay Fanahy iray ihany izany.”

<sup>8</sup> Noho izany, hitanareo, raha miasa ianareo, ohatra, eo amin'ny zavatra anankiray, avy eo dia miova ka tonga eo amin'ity zavatra hafa eto ity. Fantatrareo ny tiako lazaina. Ianareo—mianatra eo amin'io faritra io ianareo, mitondra ny olona ianareo. . . Ary ankehitriny ny fon'izy ireo dia tafapetraka tanteraka hoe, “Inona ireto Tombokase ireto?” Ny fifantohan'izy ireo hoe, “Inona Izany?” Isan-kariva, rehefa tonga eto aho, dia misy fanerena iray tahaka an'izany, hany ka tsy maintsy miresaka mikasika zavatra hafa aho; hanao kely fotsiny—hanao an'izany hitony, hitanareo, ary, avy eo, mandra-pamahan'ny Fanahy Masina an'ilay Tombokase. Ary avy eo—avy eo aho dia tsy maintsy manao, isan-kariva tahaka an'izany. Noho izany rehefa manova an'izany mankany amin'ny fanasitranana ianareo na zavatra iray, hitanareo, ianareo. . . Tafapetraka tanteraka eo amin'ny zavatra anankiray ny olona. Zara ianareo raha afaka hanova an'izany mankany amin'ilay hafa, avy hatrany.

<sup>9</sup> Ary—ary avy eo, ihany koa, ny mahafantatra fa eo anivonareo mihitsy dia misy zavatra mitranga, hitanareo, izay izaho—izaho fotsiny no. . . Izaho—izaho no mahafantatra. Fantatro fa ianareo—tsy mahita an'izany ianareo, hitanareo. Pozitifa mihitsy aho fa tsy mahita an'izany ianareo, hitanareo. Dia hoy ianareo hoe, “Rahalahy Branham, zavatra sarotra ho anao ny milaza an'izany.” Fantatro fa izany ilay izy.

<sup>10</sup> Fa, jereo, mamelà ahy fotsiny hilaza an'ity ankehitriny. Ataoko fa ity dia horonam-peo ho antsika irery, sy ny sisa. Fa mamelà ahy hilaza azy, hitanareo. Hoe, ianareo—ianareo tsy...Tsy azonareo ilay izy, hitanareo, ary tsy natao hahazo azy ianareo. Noho izany dia aza miezaka mandika na inona na inona, hitanareo. Aza miezaka mametraka ny fandikanareo eo amin'izany; ianareo fotsiny—ho lasa hanalavitra fotsiny ianareo. Raiso fotsiny ny toro-hevitro, raha mino ahy ianareo ankehitriny, raha Andriamanitra no—no nampahita fitia ahy eo imasonareo.

<sup>11</sup> Ary fantatrareo, fa, ireo fanambarana sy ny sisa. Izaho—efa niaraka taminareo teto nandritry ny fotoana ela aho, hitanareo, ary efa marina foana izany. Ary ankehitriny mba hanaporofoina an'izany indroa, marina, dia miraikitra tsara amin'ny Teny izany. Hitanareo? Noho izany, fantatrareo fa Izany no HOY NY TOMPO HOE. Marina izany. Hitanareo, voaporofa taminareo Izany.

<sup>12</sup> Ankehitriny dia raiso ny toro-hevitro, amin'ny maha-rahamahinareo. Aza mametraka ny fandikanareo manokana amin'ny inona na inona. Manohiza fotsiny ianareo ary miainà fiainana Kristiana tsara. Satria, hampivily ny tenanareo fotsiny hanalavitra an'ilay tena zavatra ianareo raha manao an'izany. Hitanareo? Ianareo, hampivily ny làlanareo fotsiny indray hanalavitra an'ilay zavatra ianareo.

<sup>13</sup> Ary ianareo rehetra dia mahalala tsara sy mahafantatra fa misy zavatra mahagaga izay eo am-pitrangana. Ary eo am-pitrangana izany. Ary fantatro hoe inona izany. Ankehitriny, tsy milaza fotsiny an'izany aho; ny fahasovan'Andriamanitra no mamela ahy hahafantatra hoe inona izany. Izany dia zavatra iray goavana. Ary lasa izany izao ankehitriny izao, ka tsy misy fomba mihitsy hahitanareo an'izany. Ary izany dia...izaho... Fa, mianiana aho, miaraka amin'ity Baiboly eo an-tanako ity, fa fantatro hoe inona izany. Efa notenenina taminareo izany, tany aloha. Noho izany fotsiny—aza miezaka mametraka fandikana iray fotsiny, fa minoa ahy fotsiny, amin'ny maha-rahamahinareo. Hitanareo? Miaina ao amin'ny ora lehibe iray isika. Miaina ao amin'ny fotoana iray isika izay misy ny... Eny, isika dia...

<sup>14</sup> Ankehitriny, aoka ianareo ho tena manetry tena fotsiny, aoka ho Kristiana iray, ary miezaha miaina ho an'Andriamanitra. Ary miainà mahitsy fo amin'ny olona namanareo, ka tiavo ireo izay tsy tia anareo. Aza miezaka manao...Hitanareo, raha manao ianareo, dia manao an'ilay izy ho zavatra mahagaga iray fotsiny, ka manakorontana an'ilay tena fandaharan'Andriamanitra. Hitanareo?

<sup>15</sup> Omaly tolakandro, dia nisy zavatra nitranga tao amin'ny efitro, izay izaho—tsy ho afaka mihitsy aho ny—ny hiala amin'ilay izy, hitanareo. Ary noho izany ianareo...Ary teo amin'ny roa herinandro lasa izay, dia nisy zavatra nitranga, izany dia tsy ho afaka mihitsy... Raha mbola velona eto amin'ity

tany ity foana aho, izaho—tsy ho afaka mihitsy aho ny hiala amin'izany, hitanareo. Ary, noho izany, fa . . .

<sup>16</sup> Ary ny—ny fiangonana, tsy natao hahafantatra an'ireto zavatra ireto ianareo, noho izany dia aza mametraka fandikana amin'ny inona na inona mihitsy. Hitanareo? Mandrosoa fotsiny ianareo ary tsarovy fotsiny izay notenenina taminareo. Miaina fiainana Kristiana iray. Mandehana any am-piangonanareo. Aoka ho tena hazavana na aiza na aiza misy anareo, ary mireheta fotsiny ho an'i Kristy, ka teneno amin'ny olona hoe toy ny ahoana no itiavanareo Azy. Ary aoka fotsiny ny fanambaranareo ho amin'ny fitiavana, isan'andro, eo amin'ny olona. Hitanareo? Satria, raha tsy izany ianareo, dia mampiditra ny tenanareo ao amin'ny zavatra iray ianareo eo, ary amin'izay fotoana izay ianareo dia—miala amin'ilay làla-masaka ianareo. Hitanareo, isaky ny niezaka nanao an'izany ianareo, dia izany no nataonareo. Hitanareo? Noho izany fotsiny dia aza, aza, aza miezaka manao fandikana mihitsy.

<sup>17</sup> Ary indrindra, rahariva, rehefa tonga eo anoloanareo io Tombokase io, hitanareo, dia aza miezaka mandika Azy mihitsy. Mandrosoa fotsiny ianareo ka aoka hanetry tena fotsiny, ary manohiza avy hatrany miaraka amin'ilay Hafatra mazava.

<sup>18</sup> Ankehitriny hoy ianareo hoe, “Rahalahy Branham, izany ve . . . Isika ve, izay ilay Fiangonan'Andriamanitra velona, isika ve tsy tokony . . .”

Eny, araka ny niezahako . . . Jereo eto, tiako ny hilaza . . .

Hoy ianareo, “Eny, nahoana aho no tsy afaka? Izaho tokony hanana . . .”

Tsia. Ankehitriny, aza manao.

<sup>19</sup> Tsarovy, milaza an'izao aho hahasoa anareo. Hitanareo, milaza an'izao aho mba hahazoanareo. Raha mino ahy ianareo, ankehitriny, dia henoy izay teneniko aminareo. Hitanareo? Hitanareo?

<sup>20</sup> Ankehitriny, indro, ankehitriny indro misy fitaovana iray, ary, izany dia, hantsointsika hoe fitaovam-pihainoana iray, hitanareo. Ary ao anatin'ny dia misy, misy radio, hitanareo, ary misy an'ireo fampitandremana sy ireo zavatra mety ho vita. Tahaka ny sabatra iray eny an-tànanareo, hitanareo, mety mandray avy amin'ilay ratsy izany na mandray fotsiny araka ny . . . mandray ny hafany izy, hitanareo.

<sup>21</sup> Ankehitriny, fa ankehitriny, ohatra, ho an'ny olon-tsotra iray, dia efa nisy sekta sy antoko betsaka nitsangana, teo amin'ireo firotsahana kely an'ny Fanahy, hany ka lasa mikorontana tanteraka ao amin'ny andiana karazan-javatra iray ny olona, mandeha ary manomboka hetsika kely iray hafa, sy, fantatrareo, sy—sy ny sisa. Hitanareo? Tsy te-hanao an'izany

ianareo ankehitriny. Hitanareo? Ankehitriny, tsarovy fotsiny, mijanòna fotsiny amin'izay maha-izy anareo.

22 Ary hoy ianareo hoe, “Eny, ny Tompo dia naneho. . .” Tsia. Mitandrema tsara fotsiny ankehitriny, hitanareo.

23 Jereo eto. Mamelà ahy haneho zavatra iray aminareo, hitanareo. Efa fantatrareo ve fa misy feo aman'aliny ato amin'ity efitra ity izao ankehitriny izao? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Ara-bakiteny, dia feon'olona izay tonga amin'ny alàlan'ny onja elektronikan'ny radio! Nahoana no tsy renareo izy ireo? Feo izy ireo. Marina ve izany? [“Amena.”] Mitety manerana eto mihitsy izy ireo ankehitriny. Eny, misy endrika sy vatan'olona mihetsika mihitsy manerana an'ity efitra ity ankehitriny. Marina ve izany? [“Amena.”] Eny, nahoana no tsy hitanareo izy ireo? Hitanareo? Eto izy ireo, tena feo tahaka ny feoko. Eny, nahoana no tsy renareo izany? Hitanareo? Tsy maintsy mifandray amin'ny zavatra iray aloha izany, mba hanambara azy. Hitanareo? Azonareo ve ankehitriny? [“Amena.”]

24 Ankehitriny dia aza mandika na inona na inona fotsiny. Raha tian'Andriamanitra hahafantatra zavatra ianareo, dia Halefany ho anareo izany. Hitanareo? Noho izany dia aoka ho tena, tena mafy ankehitriny. Mihazòna tsara, nisy zavatra nitranga. Ary ankehitriny dia aoka fotsiny ho tena. . . Azonareo izay tiako lazaina, sa tsy izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Ary aoka fotsiny. . . Aza miezaka manao ny tenanareo ho mahatsikaiky, mba ho Kristiana iray, satria ianareo—mitondra ny tenanareo hanalavitra an'Andriamanitra ianareo. Ary ianareo—ianareo—ianareo. . .

25 Raha afaka mahazo an'izany ianareo, dia izao ilay Sintona Fahatelo. Hitanareo? Ianareo—tokony ho nahatakatra an'izany ianareo, indray andro. Hitanareo? Koa noho izany, tsarovy fotsiny, tsy hisy fakan-tahaka intsony tahaka ny nisy tamin'ireo roa hafa. Hitanareo? Noho izany, dia hatreo ihany ianareo—no tokony ho fantatrareo ankehitriny. Izao fotsiny—tsarovy fotsiny fa. . .

26 Hitanareo, ankehitriny, dia misy zavatra miseho ato amin'ity efitra ity, ary misy Zavatra iray eto. Misy—misy, tokoa, ato amin'ity efitra ity, ireo Anjely, ny Feon'Andriamanitra. Hitanareo? Fa ahoana ianareo no. . . Ianareo tsy afaka. . . Raha tsy afaka mandre an'ilay feo ara-boajanahary ianareo, raha tsy misy zavatra mandefa azy, dia ahoana no handrenesanareo an'ilay Feo ara-panahy?

27 Ankehitriny dia mety mody mino ianareo fa misy olona izay mihira an'ity hira anankiray ity. Mety tsy eto akory mihitsy aza izy ireo, hitanareo. Fa rehefa mandona tokoa an'ilay kristaly izay natao ho dominy ilay izy, dia izany no manome fandikana iray marina, sy maneho, manamarina azy amin'ny alàlan'ny

fanehoana an'ilay sary. Hitanareo ve izay tiako lazaina? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

<sup>28</sup> Ankehitriny, ny Fanahin'Andriamanitra, rehefa miteny amin'ny alàlan'ny Teny marina Izy, dia Izy no manamarina ny Tenany, mba haneho ny Tenany, fa marina Izany. Azonareo ve ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry.

Ankehitriny dia ndao isika hivavaka, indray fotsiny.

<sup>29</sup> Ray any An-danitra, izahay dia eo am- . . . am-panokafana an'ireo saron'ity Boky ity, sy arak'ilay ampahany ara-batana mba—mba hiezaka hanome indray an'izay Nosokafanao ho anay tao amin'ilay faritra ara-panahy. Ary mivavaka aho ankehitriny, Andriamanitra, mba Hanampianaohy hanome ny fandikana marina ho an'ireto fanontaniana ireto. Mba ho voalaza anie fa—fa izy ireo dia . . . Mba hanampy ny olona izy ireo. Mba hanome azy ireo ny fahazoana izy ireo. Ary mivavaka aho mba Hanomezanaohy ny fahazoana, mba ahafahako mandefa an'Izany amin'ny Olonaohy, mba ahafahan'izy ireo hanana fahazoana, mba ahafahanay miaina miaraka ho an'ny voninahitra sy haja an'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

<sup>30</sup> Ankehitriny, te-hilaza an'izany fotsiny aho.

<sup>31</sup> Ary nihevitra aho fa ity zavatra *eto* ity no nibaiko an'ireo horonam-peo, saingy tsy izany ilay izy, hitanareo. Fa ity dia—dia jiron'ny birao. Ary nihevitra aho fa ny fibaikona ny horonam-peo dia teto taloha. Saingy nilaza aho mba hanao fihetsehana kely fotsiny amin'ireo rahalahy ao amin'ny—ao amin'ny efitra ao, ilay efitra fandraisam-peo, dia ho fantatr'izy ireo hoe oviana no hanajanonana ny horonam-peo, ary oviana no tsy hanajanonana.

<sup>32</sup> Hitanareo, ireo horonam-peo dia asam-panompoana maneran-tany iray hatraiza hatraiza, hitanareo, hatraiza hatraiza. Voadika amin'ny karazana fiteny rehetra sy ny sisa izany. Noho izany dia misy zavatra izay ho lazainay mihitsy eto, fa tsy ho lazainay any an-kafa any ho any, hitanareo, ary izany no antony anajanonanay azy.

<sup>33</sup> Ankehitriny, ny famaliana an'ireo fanontaniana dia ny . . . zavatra iray tokoa. Noho izany, izaho—izaho ankehitriny . . . Ao—ao amin'ny . . . ao amin'ny valin'ity, ny ankamaroan'izy ireo, ny ankamaroan'ireo fanontaniana, ankoatry ny . . . Ankehitriny, ny tsirairay avy . . . Ny sasany amin'izy ireo aza dia tsy misy ifandraisany amin'ny Hafatra akory, mihitsy, saingy izaho dia, na, amin'ireo Tombokase mihitsy, saingy hiezaka aho ny hamaly azy ireny. Fa nomena ahy izy ireo, ary araka ny nolazaina tamin'izy ireo. Nilazana aho fa ny ankamaroan'izy ireo. Na, ny ampahany betsaka amin'izy ireo dia saiky fangatahana ho an'ny vavaka, sy ny marary sy ny ory. Ary—ary ireo zavatra

samihafa tahaka an'izany, izany no misy, ary noho izany dia tsy nisy zavatra iray nifandraisany tamin'ny fanontaniana ho valiana ilay izy. Ary avy eo izy ireo . . . nomena andiany iray aho izay—izay nikasika an'ireo zavatra samihafa, ny Soratra sy ny sisa; saingy angamba, raha manam-potoana isika, dia hiezaka hamaly azy ireo amin'ny tsara indrindra izay vitantsika isika. Ankehitriny, ary raha manao fahadisoana iray aho, nahoana, tsarovy, tsy iniana ny hanao fahadisoana.

<sup>34</sup> Noho izany dia mahatsapa ho tsara ve ny olona rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Amena. Tsy tahaka an'izao ve. . . Miresaka ny amin'ireo toeran-Danitra ao amin'i Kristy Jesosy, toerana iray mahafinaritra toy ny inona, fotoana iray mahafinaritra toy ny inona!

<sup>35</sup> Tamin'ireo fotoana rehetra izay nisy ahy tao ambadiky ny polipitra tato amin'ny tabernakla, izaho dia tsy mbola mihitsy, mihitsy, tamin'ny fotoan'ny asam-panompoako rehetra, mba niasa tao anatin'ireo faritr'Andriamanitra sy ireo faritra ara-panahy tahaka an'ity fotoana ity; any ankoatry ny zavatra rehetra izay hany nataoko tamin'ny fotoan'ny asam-panompoako rehetra, tao amin'ny fivoriana rehetra na taiza na taiza, tahaka an'ity. Ny ankamaroany, dia teo amin'ny fanasitranana izany. Ity dia manambara an'ireo Fahamarinana, amin'ny alàlan'ilay Fanahy iray ihany, Fanahy iray ihany.

<sup>36</sup> Ary izaho—efa nitokana irery aho, tanteraka, ary misakafa any amin'ny toerana iray, na handeha hihinana any amin'ny toerana iray. Ary efa irery fotsiny aho, noho izany dia tena fotoana iray lehibe izany.

<sup>37</sup> Ary ankehitriny, izao ankehitriny izao, na amin'ny maraina, na ny maraina manaraka, izaho. . . Angamba, raha afaka mahavita ara-potoana isika, dia hivavaka ho an'ny marary fotsiny aho izao maraina izao, raha tsy maharitra ela loatra ireto fanontaniana ireto.

<sup>38</sup> Noho izany aho—tsy maintsy mikarakara ny tenako vetivety aho, hitanareo. Voafetra ihany ny tantin'ny fisainan'olombelona. Hitanareo? Ary rehefa tonga eo amin'ny toerana iray izay ipetrananareo mandritry ny adiny iray ianareo, ngolin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, ka mihantona eo anoloanareo eo ny Andry Afo iray, ianareo—tsy afaka hijanona ela loatra tahaka an'izany ianareo, hitanareo. Ny olombelona tsy afaka, tsy afaka mahatanty an'izany.

<sup>39</sup> Ary noho izany, ankehitriny, dia mahafinaritra ireto fanontaniana ireto. Mankasitraka aho, ary ny fahendrena sy ny sisa izay ampiasain'ny olona. Ankehitriny, ho an'ilay anankiray voalohany. Ary hiezaka aho ny hamaly azy ireo. Ary avy eo aho raha—tsy mety ny anaovako an'ilay izy, eny, ianareo—mamelà ahy ianareo amin'izay fotoana izay.

<sup>40</sup> Ary raha manana fandikana iray hafa ianareo, ka mino fa marina ny hevitrareo mikasika an'ilay izy, eny, mandroso avy hatrany mihitsy. Tsy hampaninona izany, satria tsy misy mihoatra ny iray na roa amin'izy ireo no misy zavatra ifandraisany amin'ny famonjena. Ilay izy fotsiny dia . . .

<sup>41</sup> Ny ankamaroan'ireo fanontaniana dia, nanontaniana, eo amin'ity lafin'ny faho-. . .na eo amin'ny Fampakarana ny Fiangonana. Noho izany, hitanareo, izany ireo fanontaniana eto, dia ny ho avy sy ny hiseho, eo amin'ireo ampahany hafa. Satria, any ankoatr'ilay taom-piangonana isika ankehitriny, ao amin'ireo fampianarantsika ao—ao amin'ny Boky. Any ankoatra isika, amin'ilay fotoan'ny fiantsoana an'ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy. Ankehitriny ilay anankiray voalohany eto:

**173. Ireo virijiny dimy hendry ve, an'ny Matio 25, dia mpanompo ho an'ny—ho an'ny Ampakarina, sa ny Ampakarina izy ireo? Hitanareo? Raha mpanompo ho an'ny Ampakarina ireo virijiny hendry ireo, dia aiza no misy ny Ampakarina?**

<sup>42</sup> Hitanareo, ankehitriny, amin'ny tsara indrindra amin'ny fahazoako, ireto virijiny dimy ireto. . . Nisy folo tamin'izy ireo, fantatrareo, izay nivoaka, hitanareo. Ary ity eto ity dia mari-pamantarana iray fotsiny, na fanoharana iray, hitanareo, izay—izay hoteneniko aminareo. Hitanareo, nisy folo tamin'izy ireo. Mazava ho azy, nisy nihoatra ny folo. Io fotsiny no isa nomena. Fa, noho izany, ireo—ireo virijiny hendry dia nanana Diloilo tao amin'ny fanilony. Ireo tsy hendry dia tsy nanana Diloilo tao amin'ny fanilony.

<sup>43</sup> “Noho izany raha io folo eo io, an'ny Matio, raha . . .” Izao no—no fanontanian'ilay olona. “Raha ireo folo, eo ireo, nidika ve izany fa izany dia ho ireo. . .na ireo dimy ireo, raha ny marina, izany dia ho dimy fotsiny, hitanareo, olona dimy fotsiny?” Tsia, tsy midika an'izany io.

<sup>44</sup> Mari-pamantarana iray fotsiny izany, an'ireo virijiny, hitanareo, an'ilay virijiny izay nivoaka niaraka tamin'ny Diloilo tao amin'ny fanilony. Ampahany iray an'io Ampakarina io izy ireo. Ary amin'ny fahazoako . . .

<sup>45</sup> Ary avy eo dia voamarikareo, ankehitriny, fa virijinin'ilay fiambenana farany izy ireo. Tonga nifandimby ireo fiambenana, nisy fiambenana fito. Ary tamin'ny fiambenana fahafito, ilay ora misasak'alina, izay misy antsika ankehitriny, hitanareo. Ankehitriny, tao amin'io fiambenan'ny misasak'alina io, no nifoha ireto virijiny ireto ka nanadio ny fanilony, ary niditra; raha mbola ilay virijiny natory . . .

<sup>46</sup> “Ankehitriny ity ampahany eto ity ve, ity dimy ity,” raha izany no dikan'ilay fanontaniana, ny dikany, “dia nisy dimy fotsiny?” Ary manana fanontaniana maro isika ato, mikasika an'ireo—ireo fito arivo, sy ny sisa. Ankehitriny, izany, izany



dia mari-pamantarana iray fotsiny, ny ampahan'izy ireo. Ary ny rehetra izay nifoha tao amin'ity taona farany eto ity, ilay fiambenana fahafito, izay...“Raha tsy nisy afa-tsy—afa-tsy dimy no nifoha tamin'io fotoana io, izay nakarina, niditra niaraka tamin'ny Ampakarina, sy ny sisa, ilay Mpampakatra? Ankehitriny raha izy ireo irery...”

47 Tsy midika izany fa hisy dimy fotsiny ihany. Satria, natory izy ireo, nanerana ny taona rehetra; araka ny hitantsika tamin'ity herinandro ity, hitanareo.

48 Tamin'ny andron'i—i Paoly, ilay anjelin'ny fiangonana tao Efesosy; Paoly, izay nanorina an'io fiangonana io, izay iraka ho an'izany. Tsarovy, Paoly, izay nanorina ny fiangonana tao Efesosy, dia lasa ny iraka ho an'io fiangonana io. Ary ny Fanahy, izay tao amin'ilay firenena tamin'io fotoana io, dia Fanahin'ny liona iray. Ary ilay liona dia ny Lionan'ny fokon'i Joda, izay Kristy, ary Kristy no Teny. Paoly, niaraka tamin'ny Teny ho an'io taona io! An'arivony no natory tao amin'io taona io. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

49 Avy eo dia tonga ny taona manaraka, sy ny fotoana niaretan'ilay fiangonana tao amin'ny—tao amin'ny taona maizina, dia nivoaka ilay Fanahin'ny omby; asa, asa mafy, sy fanatitra, ka nanolotra ny ainy. An'alinaliny no lasa natory, teo ambanin'ny fanaovana maritiora sy ny sisa. Miandry izy ireo, hitanareo.

50 Avy eo, ary tonga ilay taona manaraka, ny Loterana, ilay taonan'ny fanavaozana. Teo no nivoaka ireo hendry indrindra, tao amin'ny fahaiza-manaon'ny olona. Raha mahamarika ianareo, dia nivoaka niaraka tamin'izany ny olona, ary, rehefa nivoaka izy, dia nanampy ny fahakingan-tsainy manokana. Izany no nampanambady azy tamin'ilay ampahany hafa, hitanareo. Hitanareo? Raha nijanona fotsiny tamin'ny fahendren'Andriamanitra izy, nanavao sy namoaka fotsiny... Saingy inona no nataony? Taorian'io lehilahy io izay nanana ny hafatra, Luther; taorian'ny fahafatesan'i Luther, dia nanana rafi-pandaminana Loterana iray izy ireo.

51 Taorian'ny fahafatesan'i Wesley, dia nanana rafi-pandaminana Metodista iray izy ireo. Hitanareo? Eo, dia manohy mandeha tahaka an'izany ianareo. Izany—izany fotsiny... Izany no ataon'ilay izy. Ankehitriny dia tiako ianareo mba—mba—mba hanamarika an'ity, hitanareo. Ankehitriny dia mety hanontany mikasika ny Pentekotista ny olona iray, izay ny—ny taona fahatelo.

52 Hitanareo, ny tsirairay avy tamin'ireo taona ireo dia nitsoboka kely fotsiny tao amin'ny Fanahy Masina. Ny fanamarinana dia asa iray an'ny Fanahy Masina; ny fanamasinana dia asa iray an'ny Fanahy Masina; fa ny batisa *dia* ny Fanahy Masina. Izany no antony nilaina Mpaminany ara-

paminaniana iray hidina. Tsy nisy iraka ho an'ilay taona, satria ny Fanahy Masina Izy tenany no tonga, tao amin'ny Fahafenoany, an'ny batisa.

<sup>53</sup> Fa amin'ny faran'ilay taona, tahaka ny iafarany foana teo amin'ireo hafa, dia hitantsika eo, fa tamin'io fotoana io, no nalefa ilay iraka. Ary ireo korontana rehetra sy ny sisa dia tsy maintsy tafapetraka eo amin'ny toerany tahaka an'izany, avy eo dia tonga ny Fampakarana ho an'ilay Fianganana.

<sup>54</sup> Fa maro no mametraka an'ireo zavatra hafa rehetra ireo hoe, “Hivadika ho aizina ny masoandro, ny volana . . .” Apetrak'izy ireo eto aoriana lavitra eto ao amin'ny taonan'ny Kristiana izany. Diso tamin'ny fahitana an'ireo fanontaniana telo izay nanontaniana ny Tompontsika eo ireo izy ireo, hitanareo, rehefa namaly azy ireo Izy.

<sup>55</sup> Ankehitriny, omaly hariva, dia heveriko fa tsy misy fanontaniana intsony mihitsy. Nalaintsika ny tsirairay avy tamin'ireo fanontaniana ireo ka napetratsika teo ambanin'ireo Tombokase avy hatrany izy ireo. Ary ireo Tombokase dia ilay Boky manontolo miaraka, Izy tenany.

Mino an'izany ve ianao, dokotera? [Hoy ny rahalahy iray hoe, “Eny.”—Mpand.]

<sup>56</sup> Hitanareo, ilay zavatra manontolo dia voarakotra miaraka mihitsy. Ary nalaintsika izay nolazain'i Jesosy teo. Nametraka fanontaniana telo izy ireo, hitanareo, “Rahoviana no hisy ireo zavatra ireo? Inona no ho famantaran'Ny Fihavianao? Ary inona no fiafaran'izao tontolo izao?” Ary nidina avy hatrany Izy . . . Ary navoakantsika izy ireo, ny tsirairay avy, teo ambanin'io, afa-tsy ny anankiray. Inona izany? Ny Tombokase Fahafito. Nahoana? Hitanareo, tsy fantatra izany. Izay ilay izy. Ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia nivoaka tsara mihitsy. Nataoko mirazotra izy ireo, tena marina tokoa, aloha sy aoriana.

<sup>57</sup> Ary, izaho, rehefa nanoratra aho omaly hariva, ka naka tao ary tonga tao . . . Niverina aho mba hijery ny naotiko fahiny izay nalaiko tany—tany aoriana tany. Eny, hitako fa napetrako tao amin'ny toerany hafa ilay anankiray, tahaka an'izany. Nampifamadihako izy ireo, aloha sy aoriana. Izany no nataoko. Ataoko fa takatrareo ilay izy. Ianareo, takatrareo ve ilay izy? Hitanareo?

<sup>58</sup> Nosoratako teto izay saika ho soratako eto amin'ity ilany hafa ity, ary nanoratra an'izany teto. Nametraka—nametraka azy roa, 9, 11, na 9, 6, na izay . . . na 6 sy 11, ary—ary—ary 9 sy 11, nefa tsy tahaka an'izany ilay izy. Nifamadika ilay izy, ilay andininy manaraka teo ambanin'izany. Hitanareo? Ary izany ilay izy, ilay—ilay valiny, teo anelanelan'ilay areti-mifindra sy ilay ady, hitanareo. Teo no nisy an'izany.

<sup>59</sup> Noho izany dia tena faly fotsiny aho! Taitaitra fotsiny aho tahaka ny—ny . . . Nankasitraka an'ilay fampiantanana avy

tamin'ny fanambarana aho. Noho izany, izaho—napetrako ilay izy, teto amin'ity eto ity. Nipetraka teo aho niaraka tamin'ny pensily iray, na penina iray, ka nanoratra 11 teo amin'ny toerana roa, nefa tsy tokony ho teo ilay izy. Heveriko fa izany dia 9 raha tokony ho 11 ho an'ilay ilany hafa.

<sup>60</sup> Fa ankehitriny dia hitanareo ve hoe nirazotra tanteraka tokoa toy ny ahoana izy ireo? Ankehitriny, dia aza adino izany. Mirazotra izy ireo hatrany amin'ilay Fahenina, dia nijanona, hitanareo. Ary diniho ny—diniho ny fanokafana an'ireo Tombokase; tonga hatrany amin'ny Fahenina ilay izy, dia mijanona. Izao fotsiny, “Fahanginana tany An-danitra,” izay ihany no voalaza, “nandritry ny fotoana antsasaky ny ora.”

<sup>61</sup> Ankehitriny—ankehitryny, ao amin'ireto, hitanareo, izaho . . . Tsy maintsy mandeha haingana aho ka hamaly an'ireto. Satria, hitanareo, ny tsirairay avy amin'izy ireo dia toriteny iray, mandritry ny herinandro efatra, hitanareo, eo—eo amin'ny tsirairay avy, ka lasa mivoaka fotsiny eo amin'ny zavatra iray hafa ianareo. Saingy izaho—tsy fanahy iniako ny mana an'izany, satria tiako ny hamaly ny fanontanian'ny olona rehetra, arak'izay vitako.

<sup>62</sup> Ireo virijiny ireo, hitanareo, izy ireo dia vita avy amin'ny . . . Ampahan'izy ireo fotsiny io, tao amin'io taona io, hitanareo. Ny taona tsirairay dia manana an'ireo virijiny. Hitanareo? Ny—ny Tombokase iray . . .

Tonga ao amin'ny fiangonana ilay anjely. “Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonan'i Efesosy.” Hitanareo?

<sup>63</sup> Avy eo dia tonga eto, avy eo aorian'ilay soratra ho an'ny fiangonan'i Efesosy, dia miverina mampitaha an'izany, nisokatra ny Tombokase iray. Tahaka an'izany mihitsy no itondrantsika azy, miezaka ny hanome azy rehetra ho anareo, (hitanareo ve izay tiako lazaina?), raha sitraky ny Tompo.

<sup>64</sup> Inona no azon'izy ireo aloha? Ireo taom-piangonana. Marina ve izany? Ny zavatra manaraka, dia ny hafatra ho an'ireo taom-piangonana. Mazava amin'ny olona rehetra ve izany ankehitriny? Hitanareo?

<sup>65</sup> Voalohany, dia naka an'ireo taom-piangonana isika, ary naka ny tantara, nametraka an'ireo fivoriamben'i Nise sy ireo fivoriambe talohan'i Nise, sy ny zavatra rehetra izay azontsika nojerena tao amin'ny tantara, ka nahita fa ny fandikana marina ny Teny dia nifanaraka marina tokoa tamin'ny tantara. Ary mitondra an'izany hatramin'ity andro ity, ao amin'ity Laodikia ity. Ary ianareo—tsy mila ny hanana ny tantaran'izany ianareo; eo am-panaovana ny tantara io ankehitriny, hitanareo. Io izy. Ary, avy eo, dia naneho an'izay hisy ao amin'ity taona ity.

<sup>66</sup> Ankehitriny dia miverina amin'ireo Tombokase isika, ary manokatra an'io Tombokase io. Andriamanitra no manokatra an'io Tombokase io ho antsika. Inona izany? Voalohany, dia

misy iraka iray, taom-piangonana; ny manaraka dia ireo Tombokase Fito.

<sup>67</sup> Ankehitriny, dia hitantsika ilay fahalòvana izay mipetraka ao anatin'ilay taom-piangonana fahafito. Saingy ilay Tombokase Fahafito dia tsy manambara na inona na inona, izay hitranga amin'izany. Hitanareo? Satria, amin'ny faran'io taom-piangonana io no tsy maintsy tonga ny fanomezam-pahasoavana ara-paminaniana iray mba hanambara an'ireo zavatra ireo. Hitanareo? Manaraka an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry. Mariho ankehitriny hoe toy ny ahoana ny tsirairay avy amin'ireo Tombokase ireo . . .

<sup>68</sup> Avy eo dia tonga teto aho, dia ireo fanontaniana telo nanontaniana an'i Jesosy Kristy hoe, "Inona, rahoviana no hisy ireo zavatra ireo hoe, 'Tsy hisy vato iray eo ambonin'ny iray hafa'? Rahoviana no ho rava io, io foibem-pivavahan'izao tontolo izao io, ka ho tafapetraka ilay iray hafa? Hitanareo, rahoviana no hisy izany?" Ilay fitaingenan'ny antikristy! Hitanareo? Ary inona no nivoaka hitsena azy? Ny Teny, ny Teny manohitra ny teny.

<sup>69</sup> Avy eo dia tafapetraka tao amin'ireo politika sy ny zavatra hafa rehetra izany, ary teo no nivoaka ilay asa mafin'ny omby. Hitanareo? Izany marina tokoa ilay faharoa eto. Ary Jesosy no niteny an'izany, ao amin'ny Matio 24, hitanareo. Avy eo isika dia tonga avy teo amin'izany, tao amin'ilay fahaiza-manaon'ireo mpanavao, ilay Zava-manan'aina olona no nivoaka hitsena azy. Izany no niseho. Avy eo dia tonga isika, ny manaraka, teo amin'ny Tombokase Fahafatra, rehefa lasa vondrona goavana iray ny antikristy, ka nanana anarana iray hoe, "Fahafatesana."

<sup>70</sup> Diniho ankehitriny izay nolazain'i Jesosy hoe, "Ary izy hanipy azy ao amin'ny afo, ka hamono ny zanany mihitsy aza." Izany no fahafatesana, izay mitaingina. Izany dia ny Protestanta sy ny Katolika, mariky ny fahafatesana no eo amin'ny tsirairay avy amin'izy ireo. Hitanareo, "Ho potehina izy sy ireo zanany." Noho izany raha miankina amin'ny anaram-piangonanareo ianareo, dia tsaratsara kokoa ho anareo ny miala lavitra an'izany izao ankehitriny izao.

<sup>71</sup> Ary avy eo rehefa tonga eo amin'ny Tombokase Fahafito ilay izy, dia nijanona teo mihitsy Jesosy. Nanokatra ny Tombokase Fahenina Izy, tamin'ny filazana hoe, "Hivadika ho rà ny volana, ary ny aizina sy ny zavatra rehetra." Hiseho ireo zavatra ireo. Tonga eo mihitsy isika ka manokatra ny Tombokase Fahenina. Rehefa avy nisokatra ny Tombokase Fahenina, tamin'izay fotoana izay dia niverina avy hatrany isika ka naneho an'ilay zavatra iray ihany.

<sup>72</sup> Eo ianareo izao, miaraka amin'ireo toerana telo samihafa ao amin'ny Soratra, namatotra azy ireo niaraka tamin'ny fanambarana. Hitanareo? Diniho. Ilay toerana izay nolazain'i Jesosy; ilay toerana izay Nanokafany ny Boky, izany dia fafenina

hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao; ary avy eo dia ny fanambarana an'ity andro eto ity, izay mametraka azy tsara ao, mamatotra an'ireo telo miaraka. Ary ny telo dia vavolombelona iray. Noho izany, dia marina ilay izy. Tena marina tanteraka tokoa izany.

<sup>73</sup> Ankehitriny, ireto virijiny izay tonga eto ireto, ireo ilay natory, ary noho izany ilay vatana manontolo dia vita miaraka avy amin'io vondrona io. Io no manao an'ilay... hitanareo, manao an'ireo—ireo virijiny hendry. Ary ireo virijiny tsy hendry dia ireo nanomboka tany tamin'ilay fotoana iray ihany izay nanombohan'ireo virijiny hendry, antikristy, ary izy ireo ilay miezaka hividy Diloilo.

<sup>74</sup> Jereo fotsiny eto ankehitriny dia hitanareo hoe tanteraka toy ny ahoana, na aiza na aiza alehanareo. Raha afaka mitsangana eto aho ka miresaka an'ireo zavatra izay voambara tao amin'io efitra io, teneniko aminareo, fa hanodinkodina ny lohanareo izany. Fa ahoana no hanaovanareo an'izany, nefa manana zavatra iray manontolo ianareo eto?

<sup>75</sup> Ary avy eo ianareo, na ahoana na ahoana, rehefa miala lavitra ny olona ianareo, amin'izay fotoana izay dia izany no manomboka manokatra an'ireo zava-miafina. Avy eo ianareo dia mahita an'ireo zavatra izay tsy sahinareo lazaina amin'ny olona, ihany koe. Satria, hitanareo, raha ho lazaina izany, dia hanomboka an'ireo isma kely izy ireo.

<sup>76</sup> Ary noho izany dia ndao isika hijery an'izay nataon'ity fanomezam-pahasovana kely an'ny fanasitranana ity, toy ny ahoana no nanakorontanany ny fiangonana. Ny olona rehetra dia nanana fahatsapana iray, ny olona rehetra dia nanana an'ity; nefa ato am-poko ato mihitsy, (Andriamanitra no mahafantatra fa izany no fahamarinana), fantatro fa tsy marina ilay izy, satria Izy no niteny tamiko an'izany. Hitanareo? Fa fakan-tahaka sandoka iray izany, mba hampivily ny olona fotsiny ihany. Ankehitriny, marina izany. Ankehitriny, fa, hitanareo, tsy afaka milaza an'ireo zavatra ireo ianareo. Ny tsara indrindra dia ny mamela an'izany hipetraka tsara fotsiny.

<sup>77</sup> Ary tsaroanareo ve ilay Sintona Fahatelo? Hoy Izy hoe, “Aza miteny amin'ny olona.” Inona no nolazaiko ny amin'izany? Firy no mahatsiaro an'izany? Azo antoka. Tsaroanareo, nitsangana tany, niezaka ny nampiditra an'ilay tadin-kiraro tao amin'io kiraro kely io, tao amin'ilay fahitana? Hoy Izy hoe, “Tsy afaka mampianatra zavatra ivelan'ny voajanahary an'ireo zazakely Pentekotista ianao.”

<sup>78</sup> Hoy aho hoe, “Izany dia ho ilay Sintona Fahatelo, ary tsy ho fantatra Izany, mianiana aho, nohon'ny fahasovan'Andriamanitra.”

Ankehitriny—ankehitriny, isika dia—eo amin'ny andro farany mihitsy isika ankehitriny. Tsy ho ela loatra intsony izany

hany ka ho Seza Fitsarana ny Sezan'ny Famindrampo. Raha mbola mahita an'ireo zavatra ireo tonga ianareo, ary miditra ireo olona ireo, dia tsaratsara kokoa ho anareo ny miditra, ihany koa, raha tsy efa tafiditra ianareo. Hitanareo?

<sup>79</sup> Ankehitriny, “Miangona ao amin'ireo toeran-Danitra,” hitanareo, midika mihoatra lavitra noho ny hoe mifaly fotsiny ihany koa izany. “Ao amin'ireo toeran-Danitra,” raha mikambana ao amin'i Kristy marina tokoa ianareo, dia zava-mahatahotra iray izany.

<sup>80</sup> Ny mitsangana eo akaikin'ny...io Anjelin'ny Tompo io, mihevitra ve ianareo fa hikiakiaka sy hiantsoantso fotsiny ianareo. Izany, tsy izany ilay izy. Manao anareo ho fatin'ny tahotra izany, saiky. Hitanareo? Noho izany, hitanareo, misy—misy fahasamihafana iray eo amin'ny mifaly fotsiny sy ny mandihy tondra-pifaliana, izay mety tsara, ary avy eo dia tonga eo amin'ilay tena zavatra. Hitanareo? Hitanareo? Eo no misy ny tahotra. Zava-mahatahotra iray izany. Tsy hoe matahotra ianareo fa very; fa eo anatrehan'ny Vatan'anjely marina tokoa, ary ny Fanahy Masina Izy tenany no mitsangana eo.

<sup>81</sup> Ankehitriny, ho ampahan'ny Ampakarina io. Io no hanamboatra azy, hitanareo, ireo rehetra izay matory ireo. Ary tsy afaka mahita tanteraka tokoa ve isika...

[Simba ny fitaovana fandraisam-peo. Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.]...mivavaka ankehitriny mba Hanekenao ny fahasitranan'ny olona, amin'ny alàlan'ireto mosara ireto, izay apetraka eo amboniny. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Ankehitriny, mety tsara ve ilay izy ankehitriny? [Hoy ireo rahalahy hoe, “Amena.”—Mpand.] Misaotra anareo. Nisy olona nanitsaka teo amin'ny zavatra iray ve? [Hoy ny rahalahy iray hoe, “Misy fandraisam-peo be loatra eo amin'ilay laharana.”] Ireo fandraisam-peo be loatra no mametraka fisintonana betsaka eo amin'ilay izy. Hitanareo? Eny àry, mindrama fotsiny. Mitondrà horonam-peo iray dia indramo ilay horonam-peo, ary ataovy avy amin'izany ilay izy. Ankehitriny, mariho ankehitriny ilay fanontaniana manaraka.

#### **174. Tokony hanohy eny amin'ny saha ve ireo evanjelista?**

<sup>82</sup> “Ao amin'ity ora ity,” mazava ho azy, no tian'izy ireo lazaina. Izany tokoa, eny marina tokoa. Aza manova zavatra iray. Raha tonga amin'ny maraina Jesosy, dia mitoria teny androany tahaka azy tamin'ny folo taona lasa nanomboka androany, fa miainà toy ny hoe ho amin'ity ora ity izany.

<sup>83</sup> Aza—aza mihanahana ankehitriny. Izany no ezahako ampitandremana anareo, hitanareo. Aoka tsy ho mahatsikaiky fotsiny, ho hafa. Aza manova na inona na inona. Fa raha manao zavatra diso ianareo na manao ratsy, dia mibebaha, hitanareo, miverena amin'Andriamanitra. Tohizo ny asan'ny evanjelista anareo tahaka ny nataonareo foana mihitsy.

84 Raha manorina trano iray ianareo, dia atsangano ilay izy. Raha tonga rahampitso Jesosy, dia ho hita mahatoky eo amin'ilay andraikitra ianareo. Raha manorina fiangonana iray ianareo, manohiza, atsangano ilay izy. Aleoko mametraka ny volako ao amin'ny zavatra tahaka an'izany, toy izay hita miaraka amin'izany ao anatin'ny paosiko. Hitanareo?

85 Noho izany fotsiny—manohiza fotsiny, manohiza tahaka ny ataonareo. Mahazo ve ny olona rehetra ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Manohiza hatrany, ary manohiza hatrany fotsiny tahaka ny ataonareo. Ankehitriny, izao fotsiny—aza mijanona fotsiny. Aza manao na inona na inona. . . Manohiza hatrany fotsiny tahaka ny ataonareo. Manohiza manompo ny Tompo.

86 Ankehitriny, ohatra, raha ianareo no—raha niasa ho an'ny olona iray ianareo, ka fantatrareo fa dimy ambin'ny folo minitra alohan'ny fotoana fikatonana ilay izy. “Eny,” hoy ianareo, “ah, dimy ambin'ny folo minitra fotsiny sisa, noho izany dia mety tsara amiko ny handeha fotsiny ka hipetraka.” Ho esorina amin'ny karamanareo io dimy ambin'ny folo minitra io.

87 Raha mamboly vary ianareo; dia amboleo ny varinareo. Raha manongotra ovy ianareo; manohiza, ongoty izy ireo. Hoy ianareo, “Eny, tsy hisy olona hihinana azy ireo ve”? Tsy manao fahasamihafana izany. Ongoty izy ireo, na ahoana na ahoana. Hitanareo? Hia. Manohiza fotsiny tahaka ny ataonareo.

88 Naharay taratasy iray avy tamin'ny olona iray aho indray andro. Nisy olona iray niteny tamin'izy ireo, nanao hoe, “Eny, antomotra ny fotoana. Amidio ilay toeram-pambolena. Ankehitriny ianareo dia tsy hila an'ilay sakafo izay ivelomanareo, eo amin'ilay toeram-pambolena,” hoy izy, “satria hanomboka io Arivo taona io, ka tsy hila an'izany ianareo. Noho izany dia mandrosoa fotsiny. . . Ary raha mbola miseho ny vanim-potoan'ny Fahoriambe, satria tsy voavonjy ny zanakareo, noho izany dia avelao fotsiny izy ireo. . . Avelao—avelao ireo zanaka no hazazo an'ilay toeram-pambolena, mba ahafahan'izy ireo hihinana avy amin'izany, fa ianareo rehetra amidio ny toeram-pambolenareo,” ary—ary, na zavatra tahaka an'izany. Ary, oh, izy ireo dia nanana an'izany. . .

89 Hoy aho hoe, “Oh, oadray!” Raha fantatro fa ho avy rahampitso Izy, ka mpamboly iray aho, dia hamafy ny vokatro aho androany. Azo antoka. Raha nanao ahy ho mpamboly iray Izy, dia hijanona tsara eo amin'ny andraikitra aho. Marina izany. Raha nanao ahy ho mekanisiana iray Izy, nilaza hoe iza. . .

90 Nilaza ny olona iray, indray andro, hoy izy hoe, “Tonga ny lehilahy iray ka nanao hoe, ‘Hono ho’aho, rahalahy, mba fantatrao moa?’ Hoy izy hoe, ‘Homeko anao ilay fanalahidy faharoa. Nividy fiara iray vaovao aho.’ Hoy izy hoe, ‘Homeko anao ilay fanalahidy faharoa,’ niteny tamin'ny pasiterany. Hoy

izy, 'Homeko anao ilay fanalahidy faharoa, satria mety ho tonga ny Fampakarana, fantatrao, ka,' hoy izy, 'tsy hilaiko intsony ilay izy.'" Ho diso an'izany ilay pasitera, hitanareo. Oh! Izany no atao hoe mivonona, sa tsy izany? Eny àry. Fa izany no—tahaka an'izany ilay izy, hitanareo, tsy tokony ho tahaka an'izany isika.

<sup>91</sup> Isika dia tsy maintsy ho—ho Kristiana iray milamin-tsaïna, mafy, hitanareo, hoe napetraka eto aho mba hiasa hatramin'ilay minitra farany. Manana asa iray hatao aho, ka ho hita mahatoky mihitsy eo amin'ilay toeran'andraikitra aho. Raha tonga izao maraina izao Izy, dia te-hitsangana eto amin'ny polipitra eto aho.

<sup>92</sup> Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, raha ho tonga izao maraina izao Izy, dia tsy tokony ho *any* ve ianao?" Tsia, tempoko!

<sup>93</sup> Ity no toeran'andraikitra. Hitsangana eto mihitsy aho, mitory teny, rehefa tonga Izy, milaza an'ilay zavatra iray ihany izay lazaiko. Amin'izay fotoana izay, rehefa tonga Izy, dia handeha hiaraka Aminy fotsiny aho, hitanareo.

<sup>94</sup> Raha mangady ovy aho, dia hangady hatrany fotsiny, mafy mihitsy arak'izay vitako. Rehefa tonga Izy, dia halatsako fotsiny ilay angady dia hiainga.

Tsaroanareo ve tao amin'ilay taon-jobily? Raha nangady izy ireo—nangady tamin'ny angady iray, dia nanohy nangady fotsiny izy ireo. Fantatr'izy ireo fa mbola nisy folo minitra sisa angamba ilay taon-jobily, ka haneno ny trompetra amin'ilay taon-jobily. Nanohy namatratra mololo fotsiny izy ireo, na inona na inona nataon'izy ireo. Fa rehefa naneno ny trompetra, tamin'izay fotoana izay dia nalatsak'izy ireo ilay angady famatrarana, dia lasa. Hitanareo? Izay ilay izy, manohiza fotsiny namatratra mololo mandra-panenon'ilay trompetra. Eny àry.

[Misy tabataba iray heno avy amin'ny zavatra iray teo akaiky—Mpand.] Fanontaniana, "Araka ny fanokafana..." Izany ve...? Misy zavatra mitranga? Hah? Ilay izy—nanao tabataba iray ilay izy teto. Fanontaniana iray:

**175. Araka ny fanokafana ny Fahadimy — Tombokase Fahadimy, Mosesy sy Elia dia — dia tsy maintsy maty. Ahoana ny amin'i Enoka?**

<sup>95</sup> Tsy fantatro. Hitanareo? Izaho—izaho... Raha tsy fantatro, dia hoteneniko aminareo fotsiny hoe tsy fantatro. Hitanareo? Izaho—izaho tsy—tsy mahafantatra ny valiny rehetra aho, ry havana. Izaho—tsy fantatro. Ary raha tsy fantatro, dia ho teneniko aminareo hoe tsy fantatro. Raha fantatro... Tsy hiteny aminareo aho raha tsy tena fantatro, hitanareo. Fa izaho—tsy fantatro.

<sup>96</sup> Nanontany matetika ny amin'izany aho, ny tenako. Nisy an'i Enoka... Mahita an'i Mosesy tonga aho, ary Elia miverina,



ary novonoina izy ireo, hitanareo, saingy ankehitriny Enoka dia nakarina talohan'ny fotoana. Nieritreritra matetika aho, ary nanontany, ny tenako hoe, “Eny, ahoana, ahoana ny amin'izany?”

<sup>97</sup> Fa, avy eo, indro ny fiononana tokana izay azoko lazaina, dia ity. Mariho ankehitriny, Mosesy dia nanompo an'Andriamanitra nandritry ny efaolo taona fotsiny. Hitanareo? Izy dia—roapolo amby zato taona izy. Fa roapolo taona... Ireo efaolo taona voalohany, no tiako lazaina, dia nahazo ny fianarany izy. Marina ve izany? Ireo efaolo taona faharoa, dia namoaka an'izany avy tao aminy Andriamanitra. Ary ireo efaolo taona fahatelo, dia nanompo an'Andriamanitra izy. Hitanareo? Eny àry. Fa Enoka dia nandeha teo anatrehan'Andriamanitra nandritry ny dimanjato taona, ary tsy nanan-tsiny. Hitanareo? Hitanareo? Noho izany, dia miverina i Mosesy mba hanompo fotoana vitsy amboniny; izy sy Elia.

<sup>98</sup> Ankehitriny, izany, tsy milaza aho hoe marina izany, hitanareo. Omeko anareo ho fisainana iray fotsiny izany, hitanareo. Fa ny miteny marina hoe ampahany inona, dia tsy fantatro. Tsy afaka miteny aminareo marina tokoa an'izay—izay nitranga teo aho, na izay hataon'Andriamanitra.

**176. Iza no—no anaran'ny...izay ho eo amin'ireo olon'ny Apokalypsy 3:12?**

<sup>99</sup> Izaho—tsy fantatro. Hia. Hoy Izy hoe, “Manome azy ireo anarana iray vaovao.” Izaho—izaho—tsy fantatro hoe inona izany, hitanareo. Ho fantatra angamba izany rehefa tonga any isika, saingy izaho—tsy fantatro hoe inona izany ankehitriny, hitanareo. Hitanareo, hanao an'izany Izy. Hitanareo? Hanome azy ireo anarana iray vaovao Izy izay—izay izy ireo ihany no nahafantatra, ny tenan'izy ireo. Hitanareo?

**177. Ankehitriny, Rahalahy Branham, misy Soratra iray ve mamela hanambady aorian'ny fisaraham-panambadiana? Tena zava-dehibe ity.**

<sup>100</sup> Izao no voalaza hoe, “Zava-dehibe.” Eny, izany no antony... Tsy nikasika an'ity izao. Araka ny azoko jerena, ry rahalahiko, na anabaviko, na mety ho iza na iza ilay izy, dia tsy misy, raha tsy maty ilay sakaizanao. Satria, hoy ny Baiboly hoe, “Isika dia voafatotra amin'izy ireo raha mbola velona foana izy ireo.” Hitanareo?

<sup>101</sup> Noho izany, raha—raha ny amin'ny hoe “Soratra iray?” Izany no nanontaniana eto hoe, “Misy Soratra ve?” Hitanareo? “Misy Soratra iray ve?” Tsy misy araka ny mety hitako, hitanareo, tsy misy araka ny mety hitako.

Satria, Paoly no nilaza fa ny—ny olon-droa mpivady, “Raha maty ilay sakaiza, amin'izay fotoana izay dia afaka izy ireo avy eo hanambady an'izay tiany ao amin'ny Tompo.” Fa mandra-pahatongan'izany, fa, diniho, raiso ilay izy, “Mandra-

pahatongan'ny fahafatesana hampisaraka antsika.” Izay ilay izy. Nanao voady iray teo amin'izany ianareo, hitanareo.

<sup>102</sup> Noho izany, tsy mihevitra aho fa misy. Ankehitriny, raha misy... Raha nahita anankiray ianareo, ka marina mihitsy, nahoana, dia mety—mety tsara. Fa, raha ny tenako, izaho—tsy mahita anankiray aho.

**178. Inona no dikan'ny “hitanao aza manimba ny diloilo sy ny divay ianao,” ao amin'ny Apokalypsy 6:6?**

<sup>103</sup> Izany dia ny Fanahy Masina. Hitanareo? Vao avy nojerentsika izany. Angamba olona iray, fantatrareo, izay tonga tara kely tamin'ilay Hafatra, izy ireo...eny, tamin'ireo horonam-peo hafa, hitanareo.

**“Aza manimba ny diloilo sy ny divay.” Inona no dikan'ny diloilo sy divay?**

<sup>104</sup> Ny Diloilo, araka ny nandraisantsika azy tao amin'ny mari-pamantarana, dia midika hoe ny Fanahy Masina. Hitanareo? Ny divay dia ny...sy ny diloilo, dia mifandray miaraka, ao amin'ny Baiboly, amin'ny fanompoana. Hitanareo? Ary ny divay, araka ny nasehontsika, teo no nahazoako an'ilay hevitra hoe, “Ny fampientanana.” Mampientana ny divay. Ary ny divay, ao amin'ny—ny tandindony mialoha an'ny ara-boajanahariny, avy amin'ny fampientanana, dia fanambarana.

<sup>105</sup> Eritrereto fotsiny ankehitriny. Inona no mampientana ny Fiangonana? Ny fanambarana. Hitanareo? Noho izany, ny divay, ilay divay vaovao, dia ho...Diniho ankehitriny. Ny diloilo sy ny divay dia nandeha niaraka, tao amin'ny fanatitra; nandeha niaraka, tao—tao amin'ny fanompoan'ny fiangonana. Mariho ankehitriny, mari-pamantarana miaraka, mifandray miaraka.

<sup>106</sup> Raha manana konkordansa iray ianareo, dia jereo fa hahita lisitra iray manontolo ianareo izay misy ny divay sy ny diloilo mandeha miaraka ao amin'ny fanompoana. Raha manana ny—ny Cruden's ianareo, nahoana, dia voalaza ao izany.

<sup>107</sup> Mariho ankehitriny eo amin'ity. Fa ankehitriny, hitanareo, ny diloilo dia ny Fanahy Masina foana. Hitantsika ao amin'ny Ezekiela izany. Ary hitantsika ao amin'ny Testamenta Taloha izany. Hitantsika manerana ny Testamenta Vaovao rehetra izany.

<sup>108</sup> Nahoana isika no manosotra diloilo ny marary? Manosotra diloilo ny marary isika satria izany dia manao mari-pamantarana ny fandrarahana ny Fanahy Masina eo amin'izy ireo. Hitanareo? Izao koa, ilay virijiny dimy hendry dia nanana Diloilo; ilay tsy hendry dia tsy nanana Diloilo, Fanahy, hitanareo. Ankehitriny, izany ilay Diloilo. Ary avy eo ny divay, izany—izany dia...Raha ny diloilo no maneho, maneho an'Andriamanitra. Andriamanitra dia Fanahy. Hitanareo?

<sup>109</sup> Andriamanitra dia ny Teny. “Tamin’ny voalohany ny Teny; ny Teny tao amin’Andriamanitra. Ny Teny dia tonga nofo, ary Andriamanitra izany.” Ankehitriny, noho izany, raha ny Teny ankehitriny ao...no mipetraka eto ao amin’ny endrika ara-boajanahary ankehitriny, ny divay dia tahaka ny rano, izay, na ny fanambarana izay manambara an’ily fandikana ny Teny, izay mampientana an’ily mpino, hitanareo. Oadray, hoy fotsiny izy ireo hoe, “Tsy mbola nahita an’Izany mihitsy aho tany aloha! Oadray! Voninahitra!” Inona izany? Hitanareo, fampiantanana, hitanareo, an’ny fanambarana.

<sup>110</sup> Tsy fantatro izany raha tsy tamin’ily indray andro, nipetraka tany, ihany koa. Hitanareo? Ankehitriny, izany dia, “Inona ny diloilo sy ny divay...?” Izany no, “Hitanao aza manimba ianao.” Izany dia ilay mpitaingina soavaly mainty. Ary izany dia nandritr’ily fotoan’ny taona maizina, ilay taona fahatelon’ny—an’ny fianonana. Mariho. Ary, ao anatin’ny ao, “Misy kely fotsiny amin’Izany tavela, kely fotsiny, saingy aza manimba an’Izany.”

<sup>111</sup> Ary mino aho fa raha azonareo izany, ny—ny Tombokase Fahatelo, eo amin’ny horonam-peo, ianareo dia...ho hitanareo ao izany, izay nanazavantsika azy tamin’ireo antsipiriany, na tamin’ny antsipiriany, raha ny marina.

**179. Rahalahy Branham, ny Bokin’ny Fiainan’ny Zanak’ondry, sy ny Bokin’ny Fiainana ve, dia Boky iray ihany?**

<sup>112</sup> Azo antoka, hitanareo, satria ao no voasoratra ny fanavotana rehetra, ao amin’io Boky io. Hitanareo? Ny anaran’izy ireo dia ao...Hoy ianareo hoe, “Eny, ny anaranay dia napetraka tao amin’ny Bokin’ny Fiainan’ny Zanak’ondry, Rahalahy Branham. Izaho—nahita azy napetraka tao aho, indray hariva.” Tsia, tsy nahita ianareo. Tsia, tsy nahita ianareo. Vao avy nahita fotsiny ianareo fa teo izany, omaly hariva, izany dia...hitanareo, satria ny anaran’izy ireo dia efa voasoratra talohan’ny fanorenana an’izao tontolo izao. Hitanareo? Izany dia, ilay Boky iray ihany io rehetra io, hitanareo.

**180. Ankehitriny, Rahalahy Branham, marina ve fa—fa ny Jiosy rehetra, teraka hatramin’ny nahatongavan’i Kristy, dia ho voavonjy? Ary iza ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy? Izy ireo ve no ireo voafidy mialoha izay ho voaisy tombokase amin’ny Fanahy Masina? Ary inona no asan’izy ireo?**

<sup>113</sup> Misy eo amin’ny fanontaniana telo ao anatin’ny anankiray, eo. Fa, eto, ny iray voalohany:

**Marina—marina ve fa ny Jiosy rehetra teraka hatramin’i Kristy, izay tonga teto amin’izao tontolo izao, dia ho voavonjy?**

<sup>114</sup> Tsia. Tsy misy na iza na iza ho voavonjy, fa ireo izay manana ny anarany napetraka eo amin’ny Bokin’ny Fiainan’ny

Zanak'ondry irery ihany talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, Jiosy na Jentilisa. Hitanareo? Izay ihany. Ilay Boky no mihazona an'io zava-miafina io, ary ilay Boky dia manambara azy fotsiny ankehitriny; tsy ny anaran'ny tsirairay avy, fa hoe inona ny zava-miafin'ilay Boky, raha eo am-piantsoana an'ireo anarana ireo izy. Azonareo ihany ve izany amin'ny farany ankehitriny? Hitanareo?

<sup>115</sup> Ilay Boky dia tsy milaza hoe, “Ankehitriny, Lee Vayle dia ho voavonjy amin'ny fotoan'ity taom-piangonana ity, na—na Orman Neville,” na—na iza na iza. Tsia, tsy milaza an'izany izy. Izy dia maneho fotsiny an'ily zava-miafina, manambara an'ily zava-miafina hoe inona ilay zavatra. Fa isika, ny tenantsika, amin'ny finoana, dia mino an'izany. Izany no nolazaiko indray hariva.

<sup>116</sup> Hoy ny olona iray hoe, “Eny, tsy ilaina ny hanandramako an'izany. Rahalahy Branham no nilaza fa anankiray ihany no ho voavonjy avy ao Jeffersonville.” Hitanareo? Ankehitriny, hitanareo, maneho fanoharana iray izany. Izany—izany—tsy izany, izany—tsy izany ilay izy. Mety hisy an'arivony ho voavonjy. Tsy fantatro. Manantena aho fa voavonjy ny tsirairay avy amin'izy ireo, hitanareo, saingy tsy fantatro.

Fa ity no fomba izay tiako hinoana azy hoe, “Izaho io anankiray io.” Mino an'ily zavatra iray ihany koa ho anareo. Raha tsy mino ianareo, dia misy zavatra tsy mety amin'ny finoanareo; tsy mahazo antoka amin'izay ataonareo ianareo.

<sup>117</sup> Ahoana no ahafahanareo—ahoana no ahafahanareo mandeha eo amin'ny fanatrehan'ny fahafatesana, nefa tsy mahazo antoka loatra ianareo na voavonjy na tsia? Hitanareo? Ahoana no ahafahanareo hidina eto ka hilaza amin'io lehilahy kilemaina mipetraka eto io, jamba sy mandringa hoe, “HOY NY TOMPO HOE. Mitsangàna! Jesosy Kristy no manao anao ho salama”?

<sup>118</sup> Ahoana no ahafahanareo mitsangana, eo amin'ily vatana antitra mihenjana mangatsiaka mandry eo, izay maty, ary efa maty nandritry ny ora sy ora, ary mandry eo, mangatsiaka sy mihenjana; ka manao hoe, “HOY NY TOMPO HOE, mitsangàna amin'ny tongotra”? Tsaratsara kokoa aminareo, tokony ho fantatrareo izay resahanareo. Hitanareo?

<sup>119</sup> Eny, hoy ianareo, “Mitaky ny zavatra rehetra ny fahafatesana. Lasa ny rehetra.” Hia, saingy rehefa voambara ny Tenin'Andriamanitra, ka fantatrareo fa Andriamanitra izany, dia izany no manova an'ireo zavatra. Marina izany.

<sup>120</sup> Ankehitriny, eny, ireo Jiosy ireo dia tsy...Tsy ny Jiosy rehetra no ho voavonjy. Tsia, tompoko. Tsy ho voavonjy izy ireo; ireo fotsiny izay...Rehefa miresaka Izy ny amin'ny—ny Jiosy, “Jiosy,” dia anarana iray fotsiny izay nomena azy ireo taorian'ny nialan'izy ireo...Mino aho, fa i Nebokadnezara, tany, no nanomboka niantso azy ireo hoe “Jiosy,” voalohany, satria

nentina tany ny fokon'i Joda. Ary nomena anarana iray izy ireo hoe “Jiosy,” ankehitriny, satria tonga avy tany Jodia izy ireo, ary nitondra ny anarana hoe Jiosy.

<sup>121</sup> Fa, ankehitriny, Isiraely dia samihafa. Isiraely, sy ny Jiosy, dia samihafa tanteraka. Ny Jiosy rehetra—tsy ny Jiosy rehetra no Isiraelita, hitanareo. Tsia, Jiosy iray fotsiny izy. Fa, noho izany, Isiraely. . . Paoly dia tsy nilaza mihitsy hoe ny Jiosy rehetra dia ho voavonjy. Hoy izy hoe, “Ny Isiraely rehetra dia ho voavonjy.” Nahoana? Ny anaran'i Isiraely, izany dia—izany dia ilay anarana ho an'ny fanavotana, hatrany aoriana rehetra tany. Hitanareo? Ary ny Isiraely rehetra dia ho voavonjy, fa tsy ny Jodia—Jodaisma rehetra no ho voavonjy. Hitanareo?

<sup>122</sup> Tahaka an'ireo Jentilisa, hisy ny. . . Misy an'alinaliny amin'ireo—amin'ireo olona, eny, an-tapitrisany ara-bakiteny, ao amin'ireo rafi-pandaminana ireo, ary izy ireo dia miantso hoe “Kristiana, fiangonan'i Kristy,” ary ireo anarana rehetra tahaka an'izany. Tsy midika na inona na inona izany. Tsy. . . Tsy midika izany fa ho voavonjy izy ireo.

Hoy ny olona hoe, “Ankehitriny, tokony hikambana amin'ity na *itsy* ianareo, rafi-pandaminana iray, rafi-pandaminana anankiray. Raha tsy ao amin'ny bokinay ny anaranareo, dia very ianareo.” Ankehitriny, sekta izany. Hitanareo? Sekta izany. Hitanareo?

<sup>123</sup> Fomba anankiray ihany no ahafahanareo ho voavonjy, ary, izany dia, “Tsy izay maniry, na izay mihazakazaka, izay. . . Noho izany, dia Andriamanitra Izay maneho famindrampo izany.” Ary Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny Fahalalany mialoha, dia nifidy mialoha Fiangonana iray ho an'ny Voninahiny, ary izany dia ireo izay voavonjy. Marina. Ankehitriny, ny finoanareo dia tena mifikitra Eo!

<sup>124</sup> Hoy ianareo hoe, “Eny, ny finoako dia mifikitra Eo.” Dia jereo hoe karazana fiainana inona no iainanareo. Hitanareo fa tsy mendrika akory ny ho Eo ianareo. Diso ny vatofantsikareo. Nametraka azy teo amin'ny fasika ianareo raha tokony ho eo amin'ny vatolampy iray. Ny onja kely voalohany dia hanongotra azy. Ah-hah.

<sup>125</sup> Avelao ny Teny ho voambara ao amin'ny zavatra iray. “Tsy mampianatra an'Izany ny fiangonako!” Izany no maneho eo no ho eo fa tsy nifikitra mihitsy teo amin'ny vatolampy ianareo. Ao anatin'ny fasika ianareo. Ah-hah. Marina izany. Noho izany, ankehitriny dia hitanareo, ankehitriny.

**Ary ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, izy ireo ve no voafidy mialoha?**

<sup>126</sup> Eny, tompoko. Isiraely izany, Isiraely ara-panahy.

<sup>127</sup> Eritrereto fotsiny, hisy an-tapitrisany amin'izy ireo any. Tsy fantatro hoe firy no any ankehitriny; ataoko fa vondrona iray

manontolo, saingy tsy ho voavonjy izy rehetra satria hoe any Jodia izy ireo. Hitanareo?

Manana hevitra ve ianareo hoe firy no any ankehitriny? Tsy fantatro. Fa izy ireo angamba dia . . . Aorian'ny hanombohan'io fanenjehana manaraka io hiseho . . . Mitombo izy ireo amin'ny . . . Fantatrarero, manana horonam-peo mikasika azy ireo aho, ho entiko miaraka amiko any andrefana ankehitriny ho—ho an'ny iray amin'ny—ny—ny fiangonana Covenant izay any . . .

<sup>128</sup> Izany dia ilay fahiny fotsiny . . . Oh, adinoko ankehitriny. Izany no nanomboka an'ilay . . . Manana azy izy ireo any Afrika any. Dutch Reform. Izany dia ilay fiangonana Dutch Reform, ilay Covenant izany. Ankehitriny, raha misy aminareo izay mipetraka eto, dia ho teneniko aminareo hoe nahoana. Mbola mihazona foana an'ilay Heidelberg Catechism tranainy ianareo, ary izany marina tokoa no antony mbola mahatonga anareo foana ao amin'ilay . . . Dutch Reform foana. Noho izany, mety mampamiratra amin'ny alàlan'ny anarana Amerikana iray ianareo. Izany dia—izany ilay zavatra ao ambadik'ilay izy, satria mampianatra avy amin'io katesisma iray io ihany ianareo, ilay Heidelberg tranainy. Anontanio ny pasiteranareo raha tsy marina izany. Hitanareo? Noho izany, ankehitriny, mariho ity.

**Ny efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, izy ireo ve no ireo voafidy mialoha ho voaisy tombokase amin'ny Fanahy Masina?**

<sup>129</sup> Eny, tompoko. Marina tokoa izany. Eny àry. Ankehitriny raha misy . . . Ankehitriny aho raha . . .

Raha tsy namaly aho, mba hety aminareo, nahoana, angamba aho . . . Mety ho diso aho, hitanareo. Fa, ity, izany no tsara indrindra amin'ny fahalalako, hitanareo. Ity no tsara indrindra amin'ny fahalalako.

**181. Bahalahy Branham, satria ianao niasa na nia- . . . teo amin'ny taranaky ny menarana . . . (Ah-oh, tsy voamariko mihitsy ity anankiray ity. Nanampoka ahy ity anankiray ity.) . . . taranaky ny menarana tamin'ity herinandro ity, mety ve ny hametrahana an'ity fanontaniana ity? Nangataka ahy ireo sakaizako mba hanazava ny Genesisy 4:1, nefa tsy vitako. Hanampy ahy ve ianao?**

<sup>130</sup> Izany dia—any ivelan'ilay lohahevitra izany. Saingy, na ahoana na ahoana, izaho dia—izaho dia—hiezaka ny tsara indrindrako aho, nohon'ny fanampian'Andriamanitra. Ndao jerentsika ankehitriny. Mamelà ahy hitsofoka tsara, mandritry ny vetivety fotsiny. Heveriko fa izany dia eo amin'izay nilazany hoe, “Nahazo zanaka avy tamin'ny Tompo aho.” Izaho—mino aho fa izay ilay izy. Heveriko fa i Eva no nilaza an'izany eo. Hanamarina aho, mba hahazo antoka.

131 Satria, nilaza aho, indray hariva hoe, fito...raha tokony ho...fitonjato raha tokony ho fito arivo. Koa izany no manao ahy hikorontan-tsaina, hitanareo, ary tokony hitandrina fotsiny ianareo. Ary ilay fahavalo eo amin'ny lafiny rehetra, ary ianareo—fantatrareo tsara izany, hitanareo. Eny, izay ilay izy.

*Ary Adama nahalala an'i Eva vadiny; ary nanan-  
anaka izy, ka niteraka an'i Kaina, ary nanao hoe, Izaho  
efa nahazo lehilahy avy tamin'ny Tompo.*

132 Ankehitriny, hamaly anareo amin'ny fanontaniana iray fotsiny aho, ry rahalahiko, na anabaviko. Ary ankehitriny, tsarovy, tsy—tsy hoe mikendry anareo, tsia. Miezaka hanampy anareo aho, hitanareo. Tiako ianareo, ary tiako ny olona izay mety efa mpitsikera teo amin'izany. Nefa tsy mihevitra aho fa mitsikera ity olona ity. Hoy izy ireo hoe, “Ampio aho,” hitanareo, satria mino an'izany ireo olona, saingy tsy voapetraka ampy tsara fotsiny izy ireo, tamin'ny alàlan'ny Fanahy, mba hahafantatra an'izay ho lazaina amin'ilay olona izay nanontany an'izany tamin'izy ireo.

133 Ankehitriny, milaza izy eto ny amin'ilay fanontaniana, tsy isalasalana, izay lazain'izy ireo hoe, “Nilaza i Eva fa nahazo an'ity lehilahy ity avy tamin'ny Tompo.”

134 Ahoana no hany iheveranareo ahafahan'ny fiainana ho tonga raha tsy avy amin'ny Tompo izany, na tsara na ratsy ilay izy? Iza no nandefa—iza no nandefa an'i Jodasy Iskariota teto amin'izao tontolo izao? Teneno amiko izany. Ny Baiboly dia nilaza fa izy dia teraka ho “ny zanaky ny fahaverezana.” Anontanio azy ireo fotsiny io anankiray io; ho toy ny kankana iray ao anatin'ny voasary makirana izany, hitanareo. Hitanareo? Ankehitriny, hitanareo, izy ireo tsy afaka—tsy afaka... Izay ilay izy.

135 Mariho, avy eo, raha te-hanao teknika kely amboniny amin'izy ireo ianareo. Jereo. Niresaka i Eva eto, raha tianareo ny handray an'izany ao amin'ilay fiteny izay misy eto, izay voasoratra mba ho voaafina amin'ny maso, an'ny hendry sy ny manan-tsaina. Eva, eto, ny fomba nampianarana an'ilay izy, hoe Andriamanitra no Anankiray izay nahazoany an'ity zanaka ity. Nefa Izy dia Fanahy iray, ka tsy afaka manao an'izany. Hitanareo? Diniho eto ankehitriny, raha tianareo ny hanamarika an'izany. “Izaho dia nahazo le—lehilahy iray avy tamin'ny Tompo.” Hitanareo, ianareo dia tsy afaka handika an'izany amin'ny... Saingy tsy maintsy manana an'ilay fandikany marina izany, hitanareo. Eny, tompoko. Tsia, tompoko, raha izany, amin'izay fotoana izay ilay fanahy... .

136 Ary isika dia manaraka foana ny natioran'ny raiamandrenintsika. Fantatrareo izany. Jereo ilay zazakely, ilay natiora. Eny, noho izany, Adama dia zanakalahin'Andriamanitra iray; Eva dia zanakavavin'Andriamanitra iray; marina, ilay zavatra voalohany amin'ny famoronan'Andriamanitra, izay tsy

afaka nanana pentina iray avy amin'ny—avy amin'ny ratsy na taiza na taiza mikasika an'izany. Tsy fantatra akory aza ny ratsy.

<sup>137</sup> Noho izany dia nahoana i Kaina no mpandainga iray, mpamono olona iray, sy ny zavatra hafa rehetra? Avy taiza izany? Apetraho amin'ny tenanareo fotsiny izany fanontaniana izany. Izany ilay taranaky ny menarana. Hitanareo? Tsy miteny an'izany ve ny Baiboly? Diniho hatramin'ny farany ny taranany. Tao amin'io, izy dia lasa . . .

<sup>138</sup> An'iza izao tontolo izao? Ny devoly. Iza no mifehy azy ankehitriny? Ny devoly. Marina tokoa. Ny devoly no mifehy an'izao tontolo izao. Niteny tamin'i Jesosy izy, nanao hoe, “Hitanao ve hoe tsara tarehy toy ny ahoana izy, ny voninahitra rehetra? Homeko Anao izy raha hiankohoka amiko Ianao.” Hitanareo, izy no mpifehy azy. Ankehitriny dia izy no tompon'izany.

<sup>139</sup> Diniho ankehitriny, hendry ireo zanany; ireo zanaky ny devoly. Na, raiso ireo zanak'i Kaina, raha tianareo, ka ento manerana an'ireo laharan-taranaka avy hatrany izany, dia hitanareo fa olona manan-tsaina izy ireo, ny tsirairay avy amin'izy ireo.

<sup>140</sup> Fa avy eo rehefa namono an'i Abela izy; ka nanome azy indray an'i Seta Andriamanitra, dia tandindona iray an'ilay marina, mba hanavotra; satria maty, ary nitsangana indray. Ary avy teo . . . Diniho ankehitriny. Tsy avy tamin'ilay taranaka voalohany, an'ilay ara-boajanahary; maty izy ireo. Ankehitriny manana ny fisainanareo misokatra ve ianareo? Hitanareo? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Ilay taranaka voalohany, an'ilay taranaka ara-boajanahary, dia tsara araka ny mahazatra fotsiny, izany dia nanao tandindona an'ilay fiangonana moderina, Abela. Mba hitehirizana an'io laharana izay ho avy io, dia maty io anankiray io mba ahafahan'ny iray hafa hitsangana, hitanareo. Noho izany, ilay izy dia tsy maintsy ho fahaterahana vaovao, indray. Azonareo ve ilay izy? [“Amena.”] Eny àry, mba ahazoanareo azy fotsiny, hitanareo. Hitanareo?

<sup>141</sup> Eo ianareo izao, ilay tandindona tanteraka. Noho izany na dia ilay olona ara-boajanahary aza, naterak'i—i Adama, ny rainy, dia maneho an'io firehana ara-boajanahary io. Tsy hety izany; tsy mahita an'ireo zavatr'Andriamanitra ilay olona ara-boajanahary. Noho izany dia nisy Lehilahy iray tonga ara-boajanahary, ary maty, mba hamerina an'izany indray; ary dia voaseho tamin'ny fahafatesan'i—i—i Abela, sy ilay fanoloana tamin'ny alàlan'i—tamin'ny alàlan'i Seta.

<sup>142</sup> Ary diniho hoe karazana vahoaka iray toy ny inona izany, ankehitriny, ilay fanahy izay nivoaka avy tao aminy; manetry tena, tantsaha, mpiandry ondry. Diniho izay avy



tamin'ity fahendren'izao tontolo izao eto ity; olona manan-tsaina, mpanorina, ary—ary miaraka amin'ny metaly, sy ny karazam-pahaizana manan-tsaina rehetra sy ny sisa. Jereo hoe taiza no niafaran'izy ireo, lavitra, lavitra, tany, ary Andriamanitra namotika ny tsirairay avy tamin'izy ireo, ny tsirairay avy tamin'izy ireo, ka namonjy an'ilay manetry tena. Tsy nilaza ve Jesosy, ao amin'ny Matio 5 hoe, “Ny malemy fanahy no handova ny tany”?

<sup>143</sup> Noho izany, hia, aza manahy. Tsy manana tongotra iray hifaharana izy ireo. Hitanareo? Tsy mino an'izany ho zanak'i Kaina izy ireo. Fa manana horonam-peo mikasika an'izany isika, raha tianareo ny handre azy voazava amin'ny antsipiriany. Hitanareo? Tsia, tempoko.

<sup>144</sup> Ary hitako fa nanana ampahany iray izy ireo tao amin'ny gazety tany, hoe hanaporofo ny siansa ankehitriny fa “Eva dia tsy nihinana paoma iray mihitsy. Nihinana paiso iray izy.” Hitanareo? Manana an'ilay gazety aho any an-trano any ankehitriny, hitanareo. “Paiso iray ilay izy.” Hatraiza—hatraiza no ahafahan'ny olona... Izany no fisainana ara-nofy iray, hitanareo.

“Avy eo, marina tokoa, fa tsy niampita an'ilay rano mihitsy i Mosesy. Niampita teo amin'ny ranomasin-jozoro izy; nitondra ny Isiraely teny amin'ny tendro ambonin'ilay Ranomasina Maty. Nisy andiana zozoro teo, ranomasin-jozoro manontolo, izay efa nisy rano fotsiny indray mandeha, nihena. Ary nanao hitsindalana i Mosesy ka nandeha nihodina tahaka an'izany.” Ary nanaiky an'izany ireo fiangonana Ortodoksa. Nahita an'izany ianareo. Nanaiky an'izany ireo fiangonana Ortodoksa, hoe izany ilay izy.

<sup>145</sup> Oh, ry olona, tsy afaka mahita an'io taranaky ny menarana io ve ianareo, io antikristy io, sy ilay zavatra manontolo izay mipetraka eo mihitsy? Azo antoka. Eny, tempoko.

**Rahalahy Branham, azafady mivavaha ho an'ny keliko . . .**  
 (Eny, fangataham-bavaka iray izany; hitako ilay izy.)  
**Mivavaha ho an'ny zafikeliko lahy, tena mararin'ny gripa.**  
**Ao amin'ny Riverview Hotel izy.**

<sup>146</sup> Tompo Jesosy, tsy nanoratra foana an'ity fotsiny ity olona mahantra eto ity. Nahita Anao nanaisotra haingana ny aretin-kozatra mahery mihitsy aza izy niala tamin'ilay zazalahy kely indray hariva. Fantany fa Ianao no ilay Andriamanitra lehibe, ary manolotra ny vavakay ho an'ilay zazalahy kely izahay. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie ho sitrana izy. Amena.

<sup>147</sup> Rehefa manoratra zavatra iray ny olona iray, dia tsy foana izany. Izy ireo—izy ireo—izy ireo dia manana ny... Tsy mampaninona na tsotra toy ny ahoana aza ilay izy amintsika, ary

firy amin'izany, fa—fa misy zavatra ao ambadik'izany, hitanareo; io ramatoa io, io zazalahy kely io, zavatra iray.

**182. Ilay Elia, izay tonga hitory teny amin'ireo Jiosy ve, dia ilay tena lehilahy izay niaina teto an-tany, sa ho ilay fanahin'i Elia ao anatin'ny lehilahy hafa iray izy?**

Ankehitriny, izany dia, izaho—matahotra aho ny hilaza. Tsy fantatro. Hitanareo? Mamelà ahy hamaky an'izany indray.

**Ilay Elia, izay tonga hitory teny amin'ireo Jiosy ve (oh, eny), dia ilay tena lehilahy izay niaina teto an-tany, sa ho fanahin'i Elia ao anatin'ny lehilahy hafa iray izy?**

<sup>148</sup> Ankehitriny, raha afaka hamaly an'izany marina tokoa aho, dia ho afaka hiteny aminareo mikasika an'i Enoka, hitanareo. Fa izaho—tsy afaka manao an'izany aho, hitanareo. Ny zavatra tokana fantatro dia, izao fotsiny, ny Soratra no milaza an'izany hisy. Ary ankehitriny izany dia mety hoe ilay... Ankehitriny, izaho—mirona kely aho... Ankehitriny dia mamelà ahy hilaza azy tahaka an'izao. Ary manantena aho fa ny horonam-peo, ireo rahalahy ao amin'ny horonam-peo, dia hahazo an'izao. Mirona hino aho fa ho lehilahy voahosotra izany, an'ny fanahin'izy ireo. Satria, hitanareo, hoy izy hoe, “Tsy...eo amin'i Elisa? Tsy ny fanahin'i Elia ve no mipetraka eo amin'i Elisa?” Hitanareo, “ny fanahin'i Elia.” Ary nanao tahaka ny nataon'i Elia mihitsy izy, hitanareo. Noho izany, aho, raha izaho...Fa tsy afaka milaza aho hoe marina izany. Izaho—tsy fantatro, hitanareo. Ary mahitsy fo aminareo aho. Tsy fantatro.

**183. Rahalahy Branham, hamaly an'ity anankiray ity ho ahy ve ianao azafady, mikasika ny batisa? Matio 28:19 dia mampianatra hoe, “ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.” Ary Petera, ao amin'ny Asa 2:38, “amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy.” Oviana no tonga tao amin'ny Asan'ny Apostoly io fanovàna io? Ankehitriny, izaho dia mino ny, “amin'ny Tompo Jesosy.”**

<sup>149</sup> Eny, rahalahy na anabavy, na iza no nanoratra azy, tsy—tsy nisy fanovàna tonga mihitsy, hitanareo. Izany...Ary i Petera dia nanao marina tokoa an'izay nolazain'i Jesosy mba hatao. Ankehitriny, raha misy olona iray tonga ka manao hoe, “Ampiasao ireo titran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina,” dia manao an'izay nolazain'i Petera tsy hatao izy ireo, fa izay nolazain'Andriamanitra tsy hatao. Hitanareo? Ankehitriny, Jesosy dia nilaza fa... .

<sup>150</sup> Isika fotsiny dia—handray kely fotsiny, izay, te-haneho zavatra iray aminareo fotsiny aho eto. Mariho. Mariho ankehitriny, raha eto ianao, ilay olona. Hametraka singan-javatra telo eto aho. Jereo ankehitriny. [Mametraka zavatra telo ho kisarisary Rahalahy Branham—Mpand.] *Ity* ny Ray, *ity* ny Zanaka, *ity* ny Fanahy Masina; araka ny hinoan'ny olona triniterana azy ireo, mino fa izy ireo dia isam-batan'olona

misaraka. Mino an'izany izy ireo. Hitanareo? Eny, noho izany, mamelà ahy ankehitriny. . .

<sup>151</sup> Ary avy eo ao amin'ny Matio 28:19. Hoy Jesosy hoe, “Mandehana ianareo mankany amin'izao tontolo rehetra izao, ka mitoria ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Izy. . .” Tsia, mamelà ahy. Manonona ny Asa aho ankehitriny, na ao amin'ny Asa 2, mino aho. Tsia, Lioka 24:49, manonona aho. Hoy Izy. . . Mamelà ahy hamaky an'izany, amin'izay fotoana izay dia alaiko ilay izy, hitanareo, ary avy eo. . . satria indray andro aho dia nilaza fa rehefa tsy nanao aho. . . Te-hahazo antoka aho fa manonona tsara an'ity. Izaho—fantatro ilay titran'izay lazainareo eo, saingy te-hanonona marina an'izay Nolzainy aho. Ndao isika hanomboka amin'ny andininy faha-16, an'ny faha-29. “Tamin'izany raha nipetraka hihinana ny iraika ambin'ny folo, ny. . .”

*Tamin'izany ny iraika ambin'ny folo. . . dia nandeha nankany amin'ny Galilia, nankany amin'ny tendrombohitra izay notondroin'i Jesosy tamin'izy ireo.*

*Ary rehefa nahita azy izy ireo, dia niankohoka taminy: fa ny sasany nisalasala.*

*Ary nanatona Jesosy ka niteny tamin'izy ireo, nanao hoe, Ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany dia efa nomena. . . Ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany dia efa nomena ahy.*

<sup>152</sup> Ankehitriny dia aiza ilay fahefan'Andriamanitra? Aiza Andriamanitra? Raha ny fahefan'ny Lanitra rehetra, sy ny fahefana rehetra ety an-tany, no efa nomena, ankehitriny dia aiza Andriamanitra? Io Izy, hitanareo. Izany no miresaka aminareo. Eny àry.

*Mandehana ianareo arak'izany, ka ampianaro ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo amin'ny anaran'ny Ray, sy ny Zanaka, ary, avy eo, ny Fanahy Masina.*

<sup>153</sup> Ankehitriny ilay fahazoan'ny trinitera an'izany dia hoe, “Izaho manao batisa anao amin'ny anaran'ny Ray, amin'ny anaran'ny Zanaka, amin'ny anaran'ny Fanahy Masina.” Tsy ao anatin'ny Soratra Masina akory aza izany. Hitanareo? Hoy Izy hoe, “Manaova batisa azy ireo amin'ny Anaran'ny Ray, sy ny Zanaka, ary ny. . .” Tsy amin'ny. . . ka mametraka anarana iray eo anoloan'ny tsirairay avy. Anarana anankiray! Diniho eto. Tsy nilaza hoe, “Manaova batisa azy ireo amin'ireo anarana.” A-n-a-r-a-n-a, Anarana anankiray, “Amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.” Hitanareo?

<sup>154</sup> Te-hanontany anareo aho ankehitriny. Ny “Ray” ve anarana iray? [Hoy ny fiangonana hoe, “Tsia.”—Mpand.] Ny “Zanaka” ve anarana iray? [“Tsia.”] Misy ray firy eto? Iza aminareo no manana anarana “Ray”? Firy ny zanaka eto? Firy ny olombelona

eto? Hitanareo? Eny, iza aminareo no manana anarana “Ray,” “Zanaka,” na “Olombelona”? Hitanareo?

155 Tahaka ny nolazain'ny vehivavy iray indray mandeha, hoy izy hoe, “Ranadahy Branham, ny ‘Fanahy Masina’ dia anarana iray. Olona iray Izany.”

156 Hoy aho hoe, “Eny, tompoko. Olona iray aho, saingy ny anarako dia tsy ‘Olona.’ Olona iray aho, hitanareo. Ny anarako dia William Branham; saingy olona iray aho.”

Ny Fanahy Masina dia Olona iray. Izany no maha-izy Azy. Tsy anarana iray izany; titra iray an'ilay maha-Olona an'Andriamanitra izany. Hitanareo? Izany dia titra iray ho an'ilay toetra manokana an'Andriamanitra, izay maha-izy Azy. Ankehitriny—ankehitry raha . . .

157 Hoy Izy hoe, “Mandehana ianareo arak'izany, ka ampianaro ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo amin'ny Anaran'ny Ray, sy ny Zanaka, ny Fanahy Masina.” Tsy hoe “amin'ny anaran'ny Ray, anaran'ny Zanaka, anaran'ny Fanahy Masina.” Na, tsy hoe “amin'ireo *anaran'*ny Ray, sy ny Zanaka, ny Fanahy Masina,” fa, “Amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.” Ary raha “Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina” dia tsy anarana, amin'izay fotoana izay dia ahoana ny amin'izany?

158 Atao hoe izany dia “anarana,” eny, iza? Raha te-hiantso ny iray amin'izy ireo ho anarana iray ianareo, dia iza amin'izany no anarana? Raha te-hiantso an'ilay titra ho anarana iray ianareo, amin'izay fotoana izay dia iza no anarana, titra inona no tianareo hanaovana batisa, ny “Ray” sa ny “Zanaka”? Tokana ilay izy, hitanareo.

Ankehitriny dia mamadika isika eto ao—ao . . . ary izany ilay boky farany an'ny Matio.

159 Tahaka ny efa nanazavako azy foana. Raha namaky tantaram-pitiavana iray ianareo, ka nanao hoe, “John sy Mary dia niaina sambatra taty aoriana.” Hitanareo, ilay izy dia satria ianareo tsy—tsy fantatrarao hoe iza i John sy Mary. Mandehana miverina any amin'ilay fiandohan'ny tantaranareo, jereo hoe iza i John sy Mary. Hitanareo?

160 Ankehitriny dia izany no ataonareo eto ao amin'ny Matio. Mamaky an'ilay ampahany farany an'izany fotsiny ianareo. Mandehana miverina any amin'ny fiandohan'i Matio dia vakio hoe inona ilay tantara. Izany dia ilay toko farany an'ny Matio, ary ireo andininy farany.

161 Mitovy amin'ny hoe maka boky iray ianareo, ka manao hoe, “John sy Mary dia niaina sambatra taty aoriana. Izany ve dia i John Jones sy—sy Mary *Ranona-sy-ranona*? Izany ve . . .? Tsia, izany ve dia i John . . .? Izany ve dia i John Henry ary izany ve dia i *Ranona-sy-ranona*? Ity ve dia i John *Ranona sy Ranona-sy-ranona*?” Tsia, tsy mbola mahafantatra ianareo,

hitanareo. Ny zavatra tokana hatao, mba hahazo antoka, dia ny miverina amin'ilay boky ka mamaky azy. Hitanareo, tsy afaka haka ampahany iray *eto* ianareo. Tsy maintsy mametraka an'ilay zavatra manontolo miaraka ianareo, mba hanao an'ilay sary.

162 Ankehitriny dia miverena amin'ny Matio, ny toko faha-1. Ary izany dia mandeha ka manome an'ireo laharan-taranaka, manomboka amin'ny toko faha-1. Avy eo dia tonga hatreo amin'ny andininy faha-18 izany, ka manao hoe, "Ankehitriny dia toy izao ny fahaterahan'i Jesosy Kristy." Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

163 Ankehitriny dia te-hanontany zavatra iray aminareo aho. Henoy indray ankehitriny. Ianareo, ianareo no miantso azy. [Manondro ny tsirairay amin'ireo zavatra telo ho kisarisary Rahalahy Branham—Mpand.] Iza *ity*? Andriamanitra ilay... [Hoy ny fiangonana hoe, "Ray."] Andriamanitra ilay... ["Zanaka."] Andriamanitra ilay... ["Fanahy Masina."] Ankehitriny dia iza no *ity*? ["Ray."] Iza no *ity*? ["Fanahy Masina."] Iza no *ity*? ["Zanaka."] Zanaka. Eny àry. Ankehitriny dia azontsika ilay izy ankehitriny. Ankehitriny dia inona no nilazanareo an'*ity*; Andriamanitra ilay *Iza*? ["Fanahy Masina."] Ny Fanahy Masina. Eny àry. Ankehitriny, eny àry.

*Ankehitriny ny nahaterahan'i Jesosy Kristy dia toy izao: Rehefa . . . nanaiky ho fofombadin'i Josefa i Maria reniny, talohan'ny hikambanan'izy ireo, dia hita fa efa nanana zanaka iray izy avy tamin'ny . . .*

164 [Hoy ny fiangonana hoe, "Fanahy Masina."—Mpand.] Ankehitriny, nihevitra aho fa nilaza ianareo hoe Andriamanitra No Rainy. Ankehitriny dia misy zavatra tsy mety *eto*; tsy afaka hanana Ray anankiroa Izy. Fantatrarao izany. Hitanareo? Ankehitriny dia misy zavatra tsy mety *ao*. Ankehitriny dia iza amin'ireo Lehilahy ireo, raha Olona telo izy ireo, iza amin'Izy ireo No Rainy? Ny Baiboly *eto* dia milaza, mazava hoe, "Hita fa efa nanana zanaka iray izy avy tamin'ny Fanahy Masina," tsy misy idiran'Andriamanitra ilay Ray amin'izany. Nefa Jesosy dia nilaza fa Andriamanitra No Rainy, ary fantatsika fa Andriamanitra No Rainy. Noho izany, dia nanana ray anankiroa Izy; ankehitriny dia zazasary iray Izy, azo antoka mihitsy. Ankehitriny dia jereo hoe tonga aiza ny tenanareo? Ankehitriny:

*Noho izany Josefa vadiny, izay lehilahy marina . . . tsy naniry ny hanala baraka azy, dia nikasa ny hametraka azy mangingina.*

*Fa raha mbola nieritreritra an'ireo zavatra ireo izy, . . .*

165 Tsarovy, lehilahy tsara iray izy, ankehitriny. Ary ny tanaan'ny Tompo dia tanaan'ny iray tahaka ny ankehitriny; ireo izay voafidy mialoha no hahatakatra an'izany. Hitanareo?

*Fa raha mbola nieritreritra an'ireo zavatra ireo izy, indro, niseho taminy tao amin'ny nofy ny anjelin'ny Tompo, . . .*

Manaraka ao amin'ny Baibolinareo ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry.

*. . . nanao hoe, Ry Josefa, ianao ry zanak'i Davida, aza matahotra . . . ny haka an'i Maria ho vadinao: fa izay . . . ao an-kibony dia avy amin'ny . . .*

166 "Andriamanitra ilay Ray"? Diso famaky an'izany ve aho? [Hoy ny fiangonana hoe, "Eny."—Mpand.] Azo antoka diso aho. "Izay ao an-kibony," dia tsy misy idiran'Andriamanitra ilay Ray, izany dia "ny Fanahy Masina." Nefa ankehitriny dia fantatsika fa Andriamanitra No Rainy. Marina ve izany? ["Amena."] Koa inona izany? Ny Fanahy Masina dia Fanahin'Andriamanitra, mazava ho azy. Ankehitriny dia azonareo ilay izy. Hitanareo?

167 Andriamanitra ilay Ray sy ny Fanahy Masina dia ilay Olona iray ihany, raha tsy izany dia nanana dada anankiroa Izy. Ary noho izany dia inona—karazana olona inona no tompoinareo? Karazana Andriamanitra inona no anananareo ankehitriny? Hitanareo? Hitanareo? Andriamanitra ilay Fanahy Masina, sy Andriamanitra ilay Ray, dia ilay Fanahy iray mitovy ihany.

*Ary izy hiteraka zanakalahy, . . . (ity Lehilahy eto ity) . . . ary ianao dia hiantso ny anarany . . .*

Inona? [Hoy ny fiangonana hoe, "JESOSY."—Mpand.] "Ny Anarany!" ["JESOSY."] Tsarovy ankehitriny.

*. . . ny anarany JESOSY: fa izy no hamonjy ny olony ho . . . amin'ny fahotany.*

*Ankehitriny izany rehetra izany dia natao, mba hahatanteraka an'izay nampilazain'ny Tompo ny mpaminany, izay ahatongavan'ny Teny, nanao hoe,*

*Indro, hitoe-jaza ny virijiny, ka hiteraka zazalahy, ary izy ireo . . . hiantso ny anarany hoe Imanoela, izay adika hoe, Andriamanitra miaraka amintsika.*

168 Iza no Anaran'Andriamanitra? Iza no anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina? [Hoy ny fiangonana hoe, "JESOSY."—Mpand.] Hoy ny Baiboly hoe "JESOSY" No Anarany.

Avy eo ilay olona eto izay niezaka niady hevitra an'izany indray mandeha, teto amin'ny tabernakla, nanao hoe, "Afaniala tamin'izy rehetra ireo Rahalahy Branham, fa tsy ho afaka izy amin'ity anankiray ity." Hoy izy, "Eto dia maneho olona telo samihafa ilay izy, marina tokoa, tanteraka tokoa." Hoy izy, "Matio, toko faha-3! *Eto i Jaona nitsangana, nitovy teny; eto tonga ilay Zanaka, nandroso mba hatao batisa. Niditra tao anaty rano Izy, nataon'i Jaona batisa; niakatra avy tao anaty rano. Ary, 'Indro,' voalaza hoe, 'nisokatra teo Aminy ny lanitra.'* Ary

voalaza hoe, 'Nidina avy tany An-danitra ny Fanahy Masina, tahaka ny voromailala iray nidina. Ary nisy Feo iray avy tany An-danitra, nanao hoe, "Ity ny Zanako Malalako, ao aminy . . ." Olona telo samihafa, tamin'ny fotoana anankiray mihitsy." Oh, oadray!

169 Hia. Izany no maneho fa ny olona tsy manana ny batisa, ary tsy nantsoina ho amin'ilay asan'ny—an'ny—ny asampanomboana iray, dia tsy manana raharaha ho eo amin'ny polipitra mihitsy. Marina izany.

Izaho—izaho—afaka mitondra ho an'io olona io aho, ankehitriny, nohon'ny fanampian'Andriamanitra, ka mamatotra azy ireo amin'ny vona iray izay hanao ny lohan'izy ireo ho fanina. Jereo, tsy ahoako izay. . .

Tsy hoe, ny tiako lazaina tsy hoe "izaho." Tsy maneno tsara izany. Mamelà ahy. Tsy izany no tiako lazaina, Tompo. Tsy te-hilaza aho, ankehitriny. Tsapako Izy nanajanona ahy teo amin'izany, hitanareo, noho izany dia tsy tahaka an'izany no tiako nilazana azy. Izaho dia—miala tsiny aho. Mino aho fa afaka hanambara tsiambaratelo iray amin'io olona io ny Fanahy Masina. Maneno tsaratsara kokoa izany. Hmm.

170 Izany dia tahaka ny mampifanaraka feo amin'ny zavamaneno iray, rehefa manao zavatra diso iray ianareo. Ary afaka miteny an'izany ianareo, amin'ny maha-Kristiana iray, raha nilaza zavatra diso. Tsy Tiany izany. Hitanareo, izany no nametraka ahy tao. Hitanareo? Izaho dia tsy ao anatin'ilay sary, mihitsy. Izaho fotsiny dia . . . tsy te-ho izany akory aza ny tenako na inona na inona. Izy fotsiny, aoka Izy no hanao an'ilay asa. Izy no manao an'ilay feo. Moana iray ilay trompetra; ilay feo ambadik'izany, no anankiray izay manome an'ilay feo.

171 Ankehitriny, jereo eto. Diso fandika ny Teny ilay lehilahy. Hitanareo, Izany dia . . . Tsarovy, "Izany dia nafenina tamin'ny mason'ny hendry sy manan-tsaina; nambara tamin'ireo zaza."

Ankehitriny, *eto* no misy an'ity Olona anankiray ity, Jesosy Kristy, mitsangana eto an-tany. Ankehitriny, ny lanitra; mazava ho azy, misy ireo rivotra eny ambony. Diniho ankehitriny, "Ary Jaona dia manambara . . ."

172 Ankehitriny dia tsy maintsy hilaza ity lehilahy ity hoe, "*Eto* no misy an'Andriamanitra ilay Ray; ary *eto* no misy an'Andriamanitra ilay Fanahy Masina, tahaka ny voromailala iray; ary *eto* no misy an'Andriamanitra ilay Zanaka; manao olona telo." Diso izany.

173 Jaona, izay nitsangana *teto*, dia nahafantatra fa *ity* dia ny Zanak'ondry. Hoy i Jaona hoe, "Manambara aho, fa nahita ny Fanahin'Andriamanitra tahaka ny Zanak'ondry. . ." *Eo* no misy an'Andriamanitra ilay Fanahy, tahaka ny voromailala, no tiako lazaina. Ankehitriny dia io ilay zavatra iray ihany izay nolazaiko indray hariva, hitanareo; raha tokony ho fitonjato, mi-. . .

Hitanareo? Ilay Fanahin'Andriamanitra! Ity ilay Zanak'ondry *eto*. Ary ny Fanahin'Andriamanitra, ilay Voromailala, dia Andriamanitra. “Ny Fanahin'Andriamanitra dia nidina avy tany An-danitra. Ary nisy Feo iray avy tany An-danitra, nanao hoe, ‘Ity ny Zanako Malalako, ao Aminy no Sitrako honenana.’”

“Ny fahefana rehetra any An-danitra sy eto an-tany dia efa nomena eto an-Tànako.” Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo? Izy izany. Ankehitriny dia iza No Anarany? [Hoy ny fiangonana hoe, “JESOSY.”—Mpand.] Izany tokoa. Hitanareo?

<sup>174</sup> Noho izany, raha araka ny foto-kevitra triniterana, ny amin'ny hoe Andriamanitra telo samihafa, dia fanompoantsampy izany! Tsy nampianarina ao amin'ny Baiboly mihitsy izany. Tsy nampianarina tao amin'ny Hafatry ny liona mihitsy izany, fa tao amin'ilay manaraka izany no nolania, dia ny antikristy izany. Anontanio ny olona rehetra izay tianareo, ny teoljiana rehetra. Tsy tonga mihitsy izany, raha tsy tamin'ny alàlan'ny foto-pampianaran'ny Nikolaita. Izany no antony nivoahan'izany niaraka tamin'i Martin Luther; izany no antony nitohizan'izany niaraka tamin'i John Wesley; ary niampita hatrany amin'ireo Pentekotista.

<sup>175</sup> Tamin'ny andro nivoahan'ny Pentekotista, no nanaovan'izy ireo an'ilay vondrona “Jesovy Irery.” Ankehitriny, izany dia diso, indray. Ahoana no ahafahan'i Jesovy ho Ny Rainy Manokana? Hitanareo? Koa izany no mandamina azy tanteraka.

<sup>176</sup> Fa natao hisy fotoan'ny voromahery iray ho tonga. Hitanareo? Izany ilay fotoana tsy maintsy hanitsian'Izany an'ireo zava-miafina rehetra ireo. Hitanareo?

<sup>177</sup> “Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina” dia titra an'i Jesovy Kristy Tompo. Diniho, izy telo rehetra ireo! Hoy i Matio hoe, “Ray, Zanaka, Fanahy Masina.” Hoy i Petera hoe, “Jesovy Kristy Tompo.” Iza no Ray? “Ny Tompo nilaza tamin'ny Tompoko hoe, ‘Mipetraha Ianao eo an-Tànako ankavanana.’” Marina ve izany? Ray; Zanaka, Jesovy; Fanahy Masina, ilay Logos izay nivoaka avy tamin'Andriamanitra. “Ray, Zanaka, Fanahy Masina” dia titra telo tanteraka tokoa an'ny maha-Olona an'Andriamanitra voaseho tamin'ny—tamin'ny—tamin'ny fomba telo samihafa, na toetra telon'ny Tenany.

<sup>178</sup> Ary mba hanaovana azy mazava, ho an'ny olona iray izay tsy hahazo, izany dia tahaka ny asa telon'ilay Andriamanitra iray ihany. Izany tokoa, izany dia toetra telo an'ilay Andriamanitra iray ihany. Andriamanitra mihetsika ao amin'ny telo, samihafa; eo ambanin'ny maha-Ray, eo ambanin'ny maha-Zanaka, eo ambanin'ny fizaram-potoan'ny Fanahy Masina. Andriamanitra dia tanteraka ao amin'ny telo. Tsaroanareo ve ilay isan'ny antikristy, efatra? Hitanareo? Andriamanitra, “Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina,” dia tanteraka tokoa “Jesovy Kristy Tompo.”



179 Rehefa manao batisa ianareo, amin'ny Anaran'i "Jesosy" fotsiny ihany, dia diso izany, izao fotsiny hoe, "Manao batisa anao amin'ny Anaran'i Jesosy," diso tanteraka izany. Mahalala an'ireo Jesosy maro aho. Nahoana, ireo firenena Latina dia feno azy ireo, ireo Jesosy.

180 Fa ity dia ilay "Jesosy Kristy Tompo," no miteny marina tokoa hoe Iza Izy.

181 Misy maro ireo Branham, raha tianareo ny hiresaka mikasika ahy manokana, saingy izaho no—izaho no William Marrion Branham tokana. Izany—izaho izany. Saingy misy maro ireo William Branham, sy ny sisa, manerana.

182 Fa ity dia fiantsoana miavaka Olona anankiray, Jesosy Kristy Tompo, hitanareo, ilay Anankiray voahosotra. Anankiray amin'ireo ihany no misy. Ankehitriny, marina izany.

Noho izany raha misy lavitra kokoa amin'izany, dia manorata taratasy iray na zavatra iray, na—amin'ny andro iray izay amaliako fanontaniana hafa. Te-hanandrana hisahana an'ity aho, mba ahafahako mahita raha afaka maka an'ireto olona marary izay mijaly ireto isika, mba hivavahana.

**184. Rahalahy Branham, raha ity fanontaniana ity no tsy—tsy mety, tsy mety amin'ny . . . dia aza valiana.** (Mahafinaritra izany. Mankasitraka an'izany aho.) **Ankizy iza—ankizy iza no handeha ao amin'ny Fampakarana, raha misy madinika kely? Misaotra anao.**

Tsy nanasonia anarana mihitsy izy ireo. Ankehitriny, raha tsy manasonia ianareo, tsy ilaina izany.

183 Fa, jereo. Rehefa mametraka anarana iray eo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry Andriamanitra talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia tsy misy eto amin'izao tontolo izao afaka hikosoka an'izany, satria nosoratana tamin'ny ranomaintin'ny Ràn'i Kristy izany. Aoka izany ho goavana tahaka an'ity, goavana tahaka an'itsy, na goavana tahaka an'itsy, na mety ho inona ilay izy, mandeha foana izy. Hitanareo? Ny ankizy rehetra, ny Fiangonana rehetra, ny zavatra rehetra izay misy, dia . . . Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny Fahalalany mialoha.

184 Ankehitriny, tsy mahafantatra isika. Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, afaka manaporofa ve ianao fa ao ianao?" Tsia, tompoko. Tsy afaka manaporofa an'izany aho. Andriamanitra dia afaka hampiasa ahy ho fitaovana iray ho an'ny zavatra hafa, ary hampiasa anareo tahaka an'izany ihany. Fa mino aho, ary amin'ny finoana, fa voavonjy aho. Tsy nohon'ny fahalalana no naha-voavonjy ahy; amin'ny finoana! Tahaka an'izany no naha-voavonjy anareo. Tahaka an'izany no naha-voavonjy antsika rehetra.

185 Fa, tsarovy, Andriamanitra dia tsi-manam-petra. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsi-manam-petra! Eny, satria tsi-manam-petra, dia izany no manao Azy... Ary, noho izany, dia faratampon'ny fahaizana Izy. Mino an'izany ve ianareo? ["Amena."] *Faratampon'ny fahaizana* dia midika hoe "Mahafantatra ny zavatra rehetra Izy." Izy dia tsy mety ho— Izy dia tsy mety ho faratampon'ny fahaizana raha tsy tsi-manam-petra. Hitanareo, tsy nisy na inona na inona mihitsy izay tsy Fantany. Fantany ny lalitra kely rehetra izay hany hisy eto ambonin'ny tany, ary impiry izy no manakimpy ny masonry, ary taimaso firy no hataony, firy amin'izy rehetra io no ataony miaraka. Fantany ny fofon'aina rehetra izay ho sintoninareo, ary toy ny ahoana ny halalina idinan'izany ao anatin'ny avokavokareo. Izany no tsi-manam-petra.

186 Ankehitriny, raha tsi-manam-petra Izy, dia izany no manao Azy ho faratampon'ny fahaizana. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary raha faratampon'ny fahaizana Izy, dia izany no manao Azy ho manerana, satria Fantany marina tokoa ny minitra, ora, fotoana, hatrany amin'ny dimy amby dimampolo ampaharivony an'ny segondra iray, an'ny fotoana hitrangan'izany. Hitanareo? Azonareo ve ilay hevitra ankehitriny? ["Amena."] Noho izany, dia Fantany ny zavatra rehetra. Ary izany no antony Ananany ny fahefana rehetra, ahafantarany ny zavatra rehetra, ary ahafahany manao ny zavatra rehetra.

187 Ankehitriny dia ndao isika hijery. Ankehitriny, "Ary ny ankizy rehetra izay Andriamanitra... Ny tsirairay avy izay Andriamanitra... Rehefa izy ireo..." Ankehitriny, tsarovy, oviana Jesosy no... Ny Baiboly no nilaza...

188 Ankehitriny dia fantatsika fa Jesosy dia novonoina teo amin'ny A.D. 30. Marina ve izany? Saiky, izany dia saiky teo afovoan'ilay taona, heveriko, A.D. 30.

189 Ankehitriny, fa ny Baiboly dia nilaza fa Izy dia voavono talohan'ny hany namoronana an'izao tontolo izao. Ary ny anaranareo, rehefa ilay Bokin'ny Zanak'ondry... Rehefa voavono ny Zanak'ondry, mba hanavotra an'ity Boky ity... Ity misy zavatra lehibe iray ankehitriny. Mety hiteraka fampiantanana izany. Jereo. Rehefa ny—rehefa ny—rehefa ny Zanak'ondry... Tsarovy ankehitriny, ny Baiboly dia nilaza fa ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry dia voasoratra talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ary ny anaranareo dia napetraka tao, tao amin'io Boky io rehefa voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao ny Zanak'ondry, mba hanavotra ny anarana rehetra izay voasoratra tao anatin'io Boky io. Hitanareo? Azonareo ve ilay izy ankehitriny?

<sup>190</sup> Hitanareo, tsy misy na inona na inona tsy milamina. Izany dia miasa marina tokoa tahaka ny famantaranandron'Andriamanitra goavana, hitanareo, tahaka ny fanjaitram-pamantaranandro iray mihodina tsara. Ny anaranareo dia efa napetraka tao anatin'ny tao talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, rehefa voavono ny Zanak'ondry mba hanavotra an'izay tao anatin'io Boky io. Ary ankehitriny dia mandroso Izy ka maka an'io Boky io, mba hitaky ny Fanavotany.

Tsy te-hanomboka eo aho; tsy hahavaly fanontaniana iray hafa mihitsy isika androany. Eny àry. Fanontaniana:

**185. Ny helo ve, sy ny farihy izay mirehitra afo sy ny solifara, dia iray ihany?**

<sup>191</sup> Tsia. Ny helo, ny fandikana ao amin'ny Baiboly, mino aho... Ankehitriny, dia misy mahay mipetraka eto, ary tehanaja an'izany aho. Ny Rahalahintsika Iverson mipetraka eto, sy Rahalahy Vayle, ary maro amin'ireo rahalahy izay teolojiana marina tokoa. Ny teny izay voadika, *hadesy*, dia midika hoe ny "fasana." Marina ve izany? Ny teny Grika ho an'ny fasana. Fa ny Farihy Afo dia zavatra hafa iray. Satria, any amin'ny Apokalypsy, "Izy roa, ny hadesy sy ny rehetra, dia natsipy tao anatin'ny Farihy Afo." Hitanareo? Eny àry. Ankehitriny dia ndao isika hijery.

**186. Raha tsy izany, ny Farihy Afo, sy ny helo ve, dia Mandrakizay?**

<sup>192</sup> Tsia, tompoko. Tsia, tompoko. Ny zavatra rehetra izay noforonina dia tsy Mandrakizay. Tsia. Ny zavatra rehetra izay noforonina... Izany no antony tsy mety hisian'ny helo Mandrakizay iray. Raha misy olona hany miteny aminareo fa handeha ho may ao anatin'ny helo Mandrakizay iray ianareo, dia mila Soratra ho an'izany aho. Hitanareo? Tsy misy ny zavatra tahaka an'izany.

<sup>193</sup> Ny helo dia noforonina ho an'ny devoly sy ireo anjeliny, ho an'ilay antikristy sy ny olony; ny devoly izany, devoly nitsofoka. Izany dia noforonina ho an'izany, mba hamotika. Ary ny zavatra rehetra izay nanana... Ny zavatra rehetra...

<sup>194</sup> Zavatra anankiray ihany no misy, amin'ny rehetra, avy amin'ny zavatra rehetra izay misy, izao tontolo rehetra izao sy ny zavatra hafa rehetra, dia zavatra anankiray ihany no Mandrakizay, ary izany dia Andriamanitra. Talohan'ny nisian'ny atoma iray, na electron, na talohan'ny nisian'ny hazavana kosmika mihitsy aza, ireo electron na zavatra iray, dia efa Andriamanitra Izy. Mpamorona iray Izy.

<sup>195</sup> Ary izany ihany no fomba tokana ahafahanareo ho Mandrakizay, dia ny mandray Fiainana Mandrakizay. Io Teny Grika eo io, heveriko, dia *Zoe*. Marina ve izany? *Zoe*. *Zoe*. Ary avy eo, io—io Fiainana io, dia Andriamanitra no mampita aminareo. Tahaka ny ray, ny rainareo, mampita ny fiainany

aminareo, amin'ny alàlan'ny—ny voadim-panambadiana amin'ilay reny; ary izy, amin'ny alàlan'izany, no mampita, ny—ny fifaliana mampita (Takaro aho.), an'ilay fampitàna fiainana ho an'ny zanaka iray. Ary tahaka an'izany no ataon'Andriamanitra, fifaliana amin'ny fampitàna Ny Fiainany ho amin'ny zanaka iray. Hitanareo? Ary amin'izay fotoana izay dia lasa Ampahany ianareo, izany hoe Zoe, Fiainan'Andriamanitra Manokana. “Izaho manome ho . . . ho azy ireo Fiainana Mandrakizay.”

196 “Hanangana azy ireo, amin'ny andro farany.” Izany ilay zavatra tokana izay—izay. . . Manana Fiainana Mandrakizay ianareo. Ary io Fiainana Mandrakizay io dia mahafantatra ny Vatany, ary tsy maintsy mitsangana izany. Ka izany dia afaka. . . Tsy azony atao ny mandry eo. Tahaka ny Fanahin'i Kristy nanomba teo ambonin'ilay vatana, ny Fanahin'Andriamanitra teo ambonin'i Kristy, amin'io andro lehibe io, fantany fa hitsangana indray izy; toy izany koa ireo masina ao amin'ny vatany.

197 Tsarovy ankehitriny. Jesosy, rehefa maty Izy, dia nandeha nankany amin'ny helo Izy. Satria, tsy maintsy nandeha tany Izy; Izy no sakan'ny fahotana. “Ary nitory tamin'ireo fanahy izay tao amin'ny helo Izy, izay tsy nibebaka tamin'ny andron'ny fahari-po, tamin'ny andron'i Noa.” Marina ve izany? Nandeha nankany amin'ny helo Izy ary nitory teny tamin'ireo fanahy, ireo fanahy tafasaraka tamin'Andriamanitra. *Fahafatesana* dia midika hoe “fisarahana.” Ary nisaraka tamin'Andriamanitra izy ireo, tsy afaka niverina intsony mihitsy. Ary nandeha Jesosy mba hanambara fa Izy ilay Anankiray izay noresahina, ilay—ilay Taranaky ny vehivavy.

198 Ilay taranaky ny menarana, hitanareo ve izay nataon'ilay taranaky ny menarana? Antikristy; niafara tao amin'ny fahafatesana, fisarahana, ilay soavaly mena. Ilay Taranaky ny vehivavy, Fiainana, dia miafara eo ambonin'ny soavaly fotsy, Jesosy Kristy. Hitanareo? Inona izany? Ny anankiray manohitra an'ilay hafa; ny taranaky ny menarana manohitra an'ilay Taranaky ny vehivavy. Azonareo ve ilay izy ankehitriny? Oh, afaka mijanona vetivety eo amin'izany isika! Tsy ho tsara ve izany? Saingy ndao isika hijanona eo amin'ity.

**187. Rahalahy Branham, ilay mpitaingin-tsoavaly voalohany ve, Tombokase Voalohany, no manatanteraka ny Tesaloniana Faharoa, “ny fanambarana an'ilay lehilahin'ota”?**

199 Eny. Marina izany. Manatanteraka izany. Mora ity. Manatanteraka izany. Izany ilay lehilahin'ota. Ilay lehilahy iray ihany dia manohy fotsiny, ao amin'ireo dingana, mitaingina mandra-pahatongany eo ambonin'ny soavaly hatsatra iray izay antsoina hoe “Fahafatesana.” Kristy dia manohy midina,

fanamarinana, fanamasinana, hatrany amin'ilay soavaly fotsy, ary izany dia io Fiainana io, hitanareo.

**188. Inona no nitranga tamin'ireo mpino nateraka indray izay any anatin'ireo anaram-piangonana samihafa fa tsy ao anatin'ny Ampakarin'i Kristy? Inona no mitranga amin'izy ireo?**

<sup>200</sup> Eny, heveriko fa efa nazavaintsika izany, vao teo. Hitanareo? Mandeha mankao amin'ny Fahoriambe izy ireo. Atao maritiora ao amin'ny Fahoriambe izy ireo. Mitsangana any amin'ny farany, aorian'ny Arivo taona, ho an'ny fitsarana azy ireo. Hitanareo? Satria, ny Baiboly dia nilaza fa ny sisa amin'ny velona... "Ny sisa amin'ny maty dia tsy velona mandra-pahatapitry ny arivo taona." Avy eo dia nisy fitsanganana iray, ary tamin'izany fotoana izany no nitsangana izy roa, ny marina sy ny tsy marina, ary notsarain'i Kristy sy ny Ampakarina. Tonga eto an-tany Izy miaraka amin'ireo Olo-masiny an'alinalina. Marina ve izany? Ny Ampakariny.

<sup>201</sup> Nipetraka ny fitsarana. Nosokafana ireo Boky. Nosokafana ireo Boky. Ary nisy Boky iray hafa nosokafana, dia ny Bokin'ny Fiainana. Nanavaka Izy, avy teo, an'ireo osy tamin'ny ondry. Marina ve izany? Tsy nisy nidiran'ny Ampakarina tamin'izany. Nitsangana teo mihitsy Izy tao amin'ny fitsarana, niaraka tamin'ny Mpanjakavaviny. . . ny Mpanjakavavy sy ny Mpanjaka, miaraka. "Tonga niaraka tamin'ireo Olo-masiny Izy; an'alinalina no nanompo Azy," ny Vadiny. Avy eo dia nipetraka ny fitsarana, ary tamin'izay fotoana izay dia navahana tamin'ny ondry ny osy. Tsaroanareo ve indray hariva, nitondra an'ilay fisaintsainana kely aho, mba hahazoanareo azy, ilay fisaintsainan'ny cowboy? Hitanareo? Eo ianareo izao.

<sup>202</sup> Tsia, izy ireo, izany dia ireo, ilay—ilay—ilay fiangonana, ireo olona izay ao anatin'ireo anaram-piangonana, izay—izay Kristiana tena izy, izay mandray ny Hafatra nefa tsy habita an'Izany mihitsy. Tsy ho voatory amin'izy ireo mihitsy Izany. Ary ireo ao amin'ny olona marobe mifangaro, izay itoriana an'Izany, dia handeha eo an-tampon'ny lohan'izy ireo avy hatrany Izany, raha tsy hoe eo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anaran'izy ireo. Hia. Saingy ho olona tsara izy ireo.

<sup>203</sup> Ary hitsangana indray izy ireo ka hahazo fizahan-toetra, ary ho tsarain'ilay vondrona izay nitory tamin'izy ireo mihitsy. "Tsy fantatrareo ve fa ireo olo-masina no hitsara ny tany?" Hitoriana izy ireo, hitanareo. Hitoriana izy ireo, amin'ny alàlan'ireo olona iray ihany izay nanambara ny Hafatra tamin'izy ireo mihitsy, hoe "Mivoaha avy ao amin'izany!" Hitanareo? Manantena aho fa izany no manazava an'ilay izy. Manana maro be aho eo, izay. . .

**189. Rahalahy Branham, ilay anjely fahafito ve, miaraka amin'ny fanahin'i Elia, dia ilay lehilahy iray ihany tahaka an'i Elia izay irahina hankany amin'ireo Jiosy efatra arivo**

**amby efatra alina amby iray hetsy mandritry ny telo taona sy tapany aorian'ny Fampakarana? Mikorontana ny sasany aminay, ao amin'io.**

<sup>204</sup> Tsia. Tsy ilay iray ihany izy. Hitanareo, lehilahy roa samihafa ilay izy. Ilay Elisa izay tonga tao amin'ny endrika Elia dia tsy Elia. Ary ny fanahin'i Elia izay tonga teo amin'ny lehilahy iray nantsoina hoe Jaona Mpanao-batista dia tsy Elia. Ary ilay lehilahy an'ny hafatry ny anjely fahafito, amin'ny faran'ny Taona Laodikiana, dia tsy ho Elia ara-bakiteny. Ho Jentilisa iray izy, hankany amin'ny olony.

<sup>205</sup> Elia dia ho, na ilay fanahin'i Elia amin'izay fotoana izay, izay tonga ao amin'ny...sy hankany amin'ireo olona any, dia ho Jiosy iray izy, hitanareo, satria nirahina ho any amin'ny olony manokana izy ireo. Izany no fanambarako. Ny antony izay izaho...Tamin'i Tommy Osborn, rehefa niresaka an'izany izahay, tamin'io fotoana io, izaho sy Tommy, dia tsy nahafantatra mihitsy aho. Nivavaka ho an'ny marary fotsiny aho.

<sup>206</sup> Ary tonga tany aho, ka nisy ramatoa iray tonga avy tany amin'ny Fort Wayne Gospel Tabernacle, misionera iray tany amin'ny saha tany ivelany. Ny nonony dia goavana tahaka an'izao, lanin'ny homamiadana fotsiny. Ary tao amin'ilay trano kely izay nipetrahanay fahiny mihitsy izy, tao amin'ilay lâlana kely eto. Ary nivavaka ho an'ilay anabavy malala aho. Ary sitrana izy, ka niverina nankany amin'ny saha. Ary rehefa... Tonga avy any Afrika izy. Ary namela boky kely iray izy tany, teo amin'ireo asa.

<sup>207</sup> Izaho—nieritreritra aho hoe, “Eny, tsara ny misionera.” Ary izaho dia...Tsy mbola nieritreritra betsaka mikasika ny misionera mihitsy aho. Ary noho izany dia nieritreritra aho hoe, “Eny, asan'Andriamanitra iray any ivelany any fotsiny izy ireo. Koa izany dia...Ity eto ity mihitsy no tena toerako, eto amin'ny Eighth sy Penn Street.” Noho izany dia nanohy fotsiny teo amin'izay tsara indrindra izay vitako aho.

<sup>208</sup> Fa indray andro, nipetraka tao amin'ny birao, dia nalaiko io boky io. Ary izany dia nanana sary iray an'ny—an'ny firazanana Mainty, ray antitra iray azon-taona, ary nanana an'io sisimbolo fotsy kely io izy. Ary teo ambany dia voasoratra tahaka an'izao hoe, “Ry lehilahy fotsy, ry lehilahy fotsy, taiza ny rainao? Hitanao, antitra aho ankehitriny ary donto saina, ka tsy mahazo tsara loatra. Raha nahafantatra an'i Jesosy aho fony aho lehilahy tanora iray, dia ho nitondra Azy teo amin'ny oloko aho.” Eny, novakiako izany.

<sup>209</sup> Ary nisy Zavatra nanohy nilaza fotsiny hoe, “Vakio indray izany. Vakio indray izany.” Nanohy namaky aho. Oh, efa nanana an'izany fotoana izany ianareo. “Vakio hatrany sy hatrany izany. Misy zavatra ao anatiny aho.”

210 Tahaka ny tamin'ilay andro tany amin'ny Green's Mill, rehefa nivoaka avy tao amin'ilay zohy aho. Tsy nety azoko izany, ahoana no ahafahan'ny olona miteny amin'ny fiteny tsy fantatra sy mihiakiaka, ary miaraka amin'ilay Fanahy Masina tena izy, nefa mbola antikristy foana. Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, fiteny amin'ny teny tsy fantatr'ilay Fanahy Masina tena izy, nefa mbola devoly iray foana. Marina izany. Afaka manaporofa an'izany aminareo aho. Eny, tokoa. Ary avy eo dia mariho... rehefa nitsangana teo izy ireo.

211 Noho izany, ny fiteny tsy fantatra dia tsy porofon'ny Fanahy Masina. Iray amin'ireo fanomezan'ny Fanahy Masina izany. Hitanareo? Ary ny devoly dia afaka maka tahaka ny zavatra rehetra izay Ananany, ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra sy ny zavatra hafa rehetra.

Hoy Izy hoe, "Maro no hanatona Ahy amin'izany andro izany, ka hanao hoe, 'Tompo, tsy efa nandroaka devoly ve aho? Izaho ve tsy efa...'" Izany no hoe mitory ny Filazantsara. "'Tsy efa nanao asa lehibe tamin'Ny Anaranao ve aho, ary ireo zavatra rehetra eo ireo?' Hilaza Aho hoe, 'Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka. Tsy nahafantatra anareo akory aza Aho.'"

212 Ny Baiboly dia nilaza, fa, "Ny ranonorana dia milatsaka eo amin'ny marina sy ny tsy marina, mitovy." Ary ilay tsiapolitra iray ihany, izay mitsangana ao amin'ilay tanimbary eo, dia afaka ny ho sambatra sy hikiakiaka, ny amin'ilay rano iray ihany izay nilatsaka teo aminy, raha nalefa ho azy roa ilay ranonorana. "Fa ny voany no hahafantaranareo azy ireo." Afaka mitsangana eo io tsiapolitra antitra kely io, ary sambatra sy mihiakiaka mihitsy arak'izay maha-izy azy, feno an'ilay ranonorana iray ihany mihitsy tahaka an'ilay vary.

213 Eo ianareo izao. Noho izany dia afaka mihiakiaka izy ireo, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ary maka tahaka ny zavatra rehetra izay tian'izy ireo; amin'izany andro izany, ka ho antsoina hoe, "Mpanao meloka."

214 Araka ny noteneniko taminareo, vao teo hoe, henoy izay lazaiko! Henoy tsara. Amarino, diniho amin'ny Teny ny tenanareo dia jereo hoe aiza no misy anareo.

215 Ianareo vehivavy izay manana volo fohy, avelao izy haniry. Ianareo izay manao sorta; esory izy ireny. Mihetseha tahaka ny ramatoa iray. Ianareo lehilahy mbola mifoka sigara foana, sy mandeha any amin'ireo efitra filalaovana billards, ajanòny izany. Tsy ahoako na impiry no ilazanareo. Raha mbola mifikitra foana amin'io rafi-pandaminana io ianareo, ka manao hoe, "*Ity* Izany, ary *ity* Izany," tsaratsara kokoa aminareo ny mijanona. Amarino, diniho amin'ny Teny izany. Isika dia mivoaka tanteraka mihitsy avy ao..."

216 Tokony ho niaina ambonin'ny volo fohy sy ny rehetra isika. *Ity* taona ankehitriny ity, dia ao anatin'ny Zavatra iray

isika ankehitriny, hoe eo am-panambarana an'ireo zava-miafina nafenina Andriamanitra, izay efa napetraka teo amin'ilay Boky talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ary ireo izay nankatò an'ireto zavatra kely ireto, no hahatakatra an'izany ao amin'ireto zavatra hafa ireto. Raha tsy nankatò izy ireo, dia handeha any an-tampon'ny lohan'izy ireo Izany, lavitra tahaka ny atsinanana amin'ny andrefana. Izany fotsiny dia ho . . .

<sup>217</sup> Tahaka an'i Gideona, nanasaraka an'ireo lehilahiny. Nisy an'alinaliny teo. Hoy Andriamanitra hoe, “Be loatra io. Saraho indray izy ireo.” Nanome azy ireo fitsapana iray hafa Izy. Ary, “Saraho indray izy ireo. Saraho indray izy ireo.” Ary nanohy, hany ka nanana eran'ny tana kely iray izy. Hoy Izy hoe, “Io no vondrona izay Tiako hanao an'ilay asa.” Izany marina tokoa no nitranga.

<sup>218</sup> Ireo vehivavy Pentekotista (lasa dia tonga) mipetraka eo, mandre sy mahafantatra, amin'ny alàlan'ny Teny, fa ratsy izany. Mihevitra ve ianareo fa hilefitra amin'izany izy ireo? Tsia, tompoko. Isan-taona, rehefa mandalo aho, dia misy volo tapaka be lavitra noho ny tamin'ny nanombohako.

<sup>219</sup> Nanao hoe, “Inona no idiran'izany . . . Ianao tokony . . .” Hoy ny olona iray hoe, “Nahoana, Rahalahy Branham, ny olona dia mihevitra anao ho mpaminany iray.”

Ankehitriny, tsy milaza aho fa mpaminany iray aho. Tsy misy olona mandre ahy milaza an'izany. Fa hilaza an'izao aho, fa raha—raha nanao an'izany ianareo, raha mihevitra an'izany ianareo . . .

Hoy izy, “Nahoana ianao no tsy mampianatra ny olona hoe ahoana no handraisana ny Fanahy Masina, ary ahoana no hahazoana an'*ity*, ary ahoana no hahazoana an'ireo fanomezana ara-panahy lehibe sy hanampiana ny fiangonana?”

Ahoana no ahafahako mampianatra azy ireo ny alzebra nefa tsy hihaino akory ny ABD-ny aza izy ireo? Marina izany. Ataovy ireo zavatra kely ireo. Midina eto amin'ilay ambany dia borosio izany, ary manomboha tsara. Amena. Eny àry.

<sup>220</sup> Inona no noresahako, na ahoana na ahoana? Ndao isika hijery. Tsy nanao fanahy iniana hiala amin'ilay lohahevitra aho. Mamelà ahy, hitanareo. Eny àry. “Ny sasany amin'ny . . . ny sasany aminay dia mikorontana. Ilay Elia ve dia mitovy amin'ilay . . .” Hia, ah-hah, marina izany.

Tsia. Ity Elia izay ho tonga amin'ny Jentilisa ity, dia ho Jentilisa iray voahosotr'io fanahy io, satria Andriamanitra dia nampiasa an'io fanahy iray io ihany mba hamoaka ny Olony avy ao amin'ireo korontana isan'andro. Ary nahatanteraka ny Tanjony tsara izany, ka mampidina an'izany indray Izy. Satria, hitanareo . . .



Satria, ankehitriny, raha mampiasa mamiratra tsara iray Izy, nianatra, dia izany ilay karazana izay hahazo an'ilay izy.

221 Mitondra lehilahy iray izay zara raha mahafantatra ny ABD-ny Izy, ary tsy afaka manonona tsara an'ireo teniny, sy ny zavatra tahaka an'izany; antitra iray avy any an-efitra any ho any, ka mampiditra an'Izany ary mitsofoka avy hatrany ao amin'io vahoaka tsotra fisainana io. [Manapoapoaka ny rantsan-tàny indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] Ary azon'izy ireo Izany, tahaka an'izany. Azon'izy ireo Izany, hitanareo. Raha tonga Izany, ka tamin'ny vozon'akanjo. . .

222 Tahaka ny nolazain'i Paoly hoe, “Tsy tonga teo aminareo tamin'ny famirapiratan'ny fianarana aho, fa tonga teo aminareo tamin'ny Herin'ny fitsanganana.” Nila telo taona sy tapany izany ho an'Andriamanitra, tany Arabia tany, mba hamoahana an'izany tamin'ny fianarany. Nila—nila efaolo taona Izy mba hamoahana an'izany tao amin'i Mosesy. Hitanareo? Noho izany dia eo ianareo izao. Izany dia. . .

Tsy milaza aho hoe Andriamanitra dia tsy. . . Tsy manohana ny tsy fahaizana mamaky teny aho ankehitriny, fa izaho dia—miezaka miteny aminareo aho fa izany dia tsy mila. . . Ny fianarana dia tsy. . .

223 Ny fahendren'ity izao tontolo izao ity dia mifanohitra. Ny fianarana no efa sakana goavana indrindra izay hany nananan'ny Filazantsara. Raha tsy nanana fianarana isika, dia tsy ho nanana an'ireo seminera goavana rehetra sy ny sisa izay ananantsika ankehitriny ireo. Izany dia ho olona, tsotra fisainana, izay hihaino ny Teny. Fa tena mamiratra sy mikorontana izy ireo, ary voageja any, na izany aza, ireo rafi-pandaminana ireo, hany ka hijanona amin'izany izy ireo. Izay ihany. Mandray an'io fanahy io izy ireo. Efa mba naka vehivavy tsara iray ve ianareo, manambady lehilahy ratsy fanahy iray? Io lehilahy ratsy fanahy io dia na lasa le—lehilahy tsara iray tahaka an'ilay vehivavy, na ilay vehivavy no lasa ratsy fanahy tahaka azy. Hitanareo? Marina izany.

224 Izany no antony Nilazany hoe, “Mivoaha avy eo anivon'izy ireo, fa hivozona ny handray ao amin'io Fampakarana io Aho.” Tsy maintsy manana karazana finoana izay hanala anareo eto ianareo.

### **190. Oviana ilay fifanekena, an'ny Daniela 9:27, no voamarina ho herinandro iray?**

225 Ny antsasak'izany no efa voamarina, ilay fifanekena, rehefa teto an-tany Jesosy Kristy nitony teny tamin'ireo Jiosy. Izy tsy nandeha nankany amin'ny Jentilisa, mihitsy. Ary nitony tamin'ireo Mpianany Izy hoe, “Aza mandeha mankany amin'ny Jentilisa.” Izany dia ho an'ireo Jiosy, irery. Hitanareo? Ary nitony teny nandritry ny telo taona sy tapany Izy. Izany ilay antsasaky

ny faha-fitopolo herinandro, ankehitriny, araka ny nolazain'i Daniela fa Hataony.

<sup>226</sup> Ankehitriny, tsarovy, voamarina mafy teo amin'ny Jiosy Izy. Saingy nohajambaina ny mason'izy ireo, mba hampidirana an'io elanelam-potoan'ny Jentilisa io. Tsy afaka mahita an'ilay fandaharana manontolo ve ianareo? Hitanareo? Ary nanaporofon'ny Tenany Izy, ho mpaminany iray, nanao marina tokoa an'izay hataon'ny mpaminany, naneho tamin'izy ireo ny famantaran'ny mpaminany. “Fa, ny Teninareo manokana no nilaza hoe, ‘Raha misy olona iray milaza fa ara-panahy izy, na mpaminany iray, dia diniho izay lazainy; ka raha miseho izany, dia mitohy miseho fotsiny, izay lazainy, tsy ankitsahatra.’”

<sup>227</sup> Ohatra, mijery ao amin'ny Baiboly ianareo, izao no voalaza hoe, “Mandondona, dia hovohaina izany; mitadiava, dia hahita; mangataha, dia omena.” Ankehitriny, raha hahamarika ianareo, izany dia “mandondona.” Mandondona tsy ankitsahatra fotsiny. [Manomboka mandondona intelo amby roapolo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Mijanona tsara eo. Tahaka an'ilay mpitsara tsy marina, tsy namaly an'ilay vehivavy; nanohy nandondona teo amin'ny varavarany fotsiny izy. Manaova hoe, “Eo an-Tananao aho.” [Mijanona mandondona Rahalahy Branham.] Tsy hoe mitady, manao hoe, “Tampo, tiako ny hahazo an'ity. Amena.” Tsy izany ilay izy. Mijanona tsara eo mandrapahazoanareo an'ilay izy. Fantatrareo fa ho tonga izany. Noho izany, Izy no nampanantena an'izany, noho izany dia mijanona tsara eo mandrapifikitareo eo amin'izany. Hitanareo?

Ankehitriny, ankehitriny, ao amin'ilay ampahany farany, ilay faha-fitopolo herinandro, ilay ampahany faran'izany dia hisy mandritry ny fotoan'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe, aorian'ny Fampakarana an'ilay Fiangonana. Noho izany dia io ilay telo taona sy tapany eo, izay hohamarinin'ireo mpaminany ireo indray, hitanareo, Mosesy sy Elia, Apokalypsy 11. Ankehitriny dia ndao jerentsika hoe inona ity:

**191. Raha anisan'ireo izay Nofidiany ianao, dia hiakatra ao amin'ny Ampakarina ve ianao?** (Eny. Ah-hah. Eny, Tompoko. Mora ity.)

**192. Rahalahy Branham, ny tianao nolazaina ve dia fito arivo no tsy nandohalika teo amin'i Balama, sa fitonjato?**

<sup>228</sup> Fito arivo, no tiako lazaina. Mamelà ahy ny amin'izany, hitanareo. Izao fotsiny ny... Izany fotsiny dia fo—fomba fiteny iray. Izaho fotsiny dia...

Tahaka ny, voalaza vao teo. Efa voamarikareo ve aho nitsangana teto, hoy aho hoe, “Ary—ary nanambara izy ireo, nahita ny Zanak'ondry...”? Hitanareo? Hitanareo? Teto antany ny Zanak'ondry. Hitanareo? “Nanambara, nahita ny Fanahin'Andriamanitra nidina teo amin'ny Zanak'ondry.”

<sup>229</sup> Ankehitriny, amin'io, dia izao no voalaza hoe, “Ity ny Zanako Malalako, ao Aminy no Sitrako tsara.” Hitanareo? Ankehitriny, izany dia voasoratra tao amin'ny endrika Grika tokoa, mametraka ny verba alohan'ny adverba. Fa voamarikareo eo, izao tokoa ilay izy. Ankehitriny dia raiso fotsiny ilay Teny, hitanareo. Ny Baiboly dia milaza, ao amin'ny fandikan'ny Masindahy Jakoba eto hoe, “Ity ny Zanako Malalako, ao Aminy no Sitrako itoerana.” Fa, marina tokoa, raha nolazaintsika tahaka ny ilazantsika azy amin'izao andro izao ilay izy, “Ity ny Zanako Malalako, ao Aminy no Sitrako honenana.” Ampifamadiho izany, hitanareo. Hitanareo? “Ity ny Zanako Malalako, ao Aminy no Sitrako itoerana.” Hitanareo? Ankehitriny, hilaza an'izany isika amin'izao andro izao hoe, “Ity ny Zanako Malalako, ao Aminy no Sitrako honenana.” Hitanareo, teny mitovy, mivadika fotsiny. Hitanareo?

<sup>230</sup> Ankehitriny, eny, ny tiako lazaina . . . Mamelà ahy, azafady. Izaho . . . Ary—ary, rahalahy, ianareo eo amin'ny horonam-peo any ivelany any, sy ireo sakaiza, henoy. Tsy tahaka an'izany no tiako nilazana azy. Izaho—izaho—izaho dia mpitoritenin'ny Filazantsara. Izaho, imbetsaka no efa nitoriako an'izany, fantatro fa fito arivo izany. Sendra nilaza fotsiny aho hoe fitonjato. Tsy fitonjato no tiako nolazaina. Ny tiako nolazaina, ianareo . . . Tsy novakiako avy tao amin'ny Soratra fotsiny ilay izy. Tonga tao an-tsaiko fotsiny ilay izy raha mbola niresaka aho, ary nilaza fotsiny aho hoe fitonjato raha tokony ho fito arivo. Manao an'ireny fahadisoana ireny foana aho. Izaho dia—azoko antoka fa tsy mamiratra iray aho, noho izany dia mamelà ahy. Hitanareo? Tsy fanahy iniako ny nanao an'izany.

### **193. Ny Ampakarin'i Kristy ve, sy ny Vatan'i Kristy, dia iray ihany?**

<sup>231</sup> Eny, tompoko! Hitanareo? Ankehitriny, eto, hitanareo ankehitriny, tsy te-hanomboka eo amin'izany aho, satria izaho dia manana to- . . . hitory toriteny iray eo amin'izany, hitanareo. Fa tsy hanao an'izany aho. Fa te-haneho aminareo aho. Rehefa nomen'Andriamanitra an'i Adama ny ampakariny, avy teo amin'ny lanivohony, dia hoy izy hoe, “Izy no nofon'ny nofoko, sy taolan'ny taolako.” Marina ve izany?

<sup>232</sup> Rehefa nomen'Andriamanitra an'i Kristy Ny Ampakariny, ilay Fanahy no nanome ny nofo an'ilay Ampakarina, dia novelesina Izy, nolefonina tao amin'ny lanivoho teo ambanin'ny Fony, ary rano, Rà, sy Fanahy, no nivoaka; izany dia lasa “nofon'ny Nofony, ary taolan'ny Taolany.” Isika no nofo sy taolana; ny Ampakarina no ho nofo sy taolan'i Kristy, marina tokoa. Izy ireo no . . . Izany Ny Ampakariny.

### **194. Ny Ampakarin'i Kristy ve hanana . . . ? Ny Ampakarin'i Kristy ve hanana asam-panompoana iray alohan'ny Fampakarana?**

<sup>233</sup> Azo antoka. Izany no miseho izao ankehitriny izao, hitanareo, ny Ampakarin'i Kristy. Izany tokoa. Izany no Hafatry ny ora, hitanareo, ny Ampakarin'i Kristy. Azo antoka. Izy dia misy an'ireo apostoly, mpaminany, mpampianatra, evanjelista, ary pasitera. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izany ilay Ampakarin'i Kristy. Azo antoka. Manana asam-panompoana iray Izy, asam-panompoana lehibe, ny asam-panompoan'ilay ora. Ho tena manetry tena izany.

<sup>234</sup> Tsarovy ankehitriny. Firy no teto, tamin'ny voalohany, rehefa izaho. . . ? Tamin'ny Alahady lasa, hitanareo, tsaroanareo ve hoe teo amin'inona no notoriako? Fanetre-tena. Oh, aza adino izany. Hijanona iray minitra aho, mba hampitandrina an'izany indray. Tsarovy, rehefa milaza mialoha zavatra lehibe iray hitranga Andriamanitra, dia mijery lavitra be ny olona, amin'ny alàlan'ny fahendreny, hany ka diso an'izay mitranga izy ireo. Rehefa milaza Andriamanitra fa lehibe ny zavatra iray, dia maneso an'izany izao tontolo izao. "Io andiana tsy mahay io!" Marina izany.

Fa rehefa ilay izao tontolo izao, sy ilay fiangonana malaza be, no nilaza hoe, "Ry tovolahy, be voninahitra izany!" Hoy Andriamanitra hoe, "Andiana tsy mahay iray!" Noho izany, hitanareo, tsy maintsy mitandrina ianareo. Tsy te-hilaza aho angamba hoe amin'izany fomba izany ilay izy, amin'izany fomba izany marina tokoa, fa tahaka an'izany ilay izy.

<sup>235</sup> Jereo! Teto dia nisy fiangonana Ortodoksa malaza, masina iray, "Fantatray ny Teny. Manana sekoly izahay. Manana seminera izahay. Manana ny olonay tena mampiratra izahay! Nahoana, efa nahatoky tamin'i Jehovah nandritry ny anjato taonany izahay. Izahay no ilay Fiangonana. Izahay no Synedriona. Manana an'ilay Fiombonamben'ny Fiangonana izahay eto. Ireo Fariseo sy Sadoseo, ary ireo anaram-piangonana rehetra, miangona miaraka," tahaka ny hananantsika. Hitanareo? "Iray izahay rehetra, ilay-ilay Fiombonamben'ny fiangonana. Izahay no goavana indrindra eto. Fantatray io Soratra io. Inona koa izay zalahy kely, tsy mahay etsy amin'ny renirano etsy io, miaraka amin'ny volombava mihantona eo amin'ny tavany, sy silaka hoditr'ondry iray, no hiteny aminay?" Izany tokoa, tsy hihaino an'izany izy ireo.

<sup>236</sup> Fa ny Baiboly no nilaza, ao amin'ny Malakia ny faha-4 tok-. . . na ny toko faha-3 hoe, "Izaho haniraka ny Irako eo anoloan'ny Tavako, hanamboatra ny lalana ho Ahy." Roa ambin'ny folo sy fitonjato taona talohan'io, Jaona. . . Oh, nitsangana teo ilay Isaia mpaminany lehibe, ka nanao hoe, "Hisy feon'ny anankiray izay miantso any an-efitra hoe, 'Amboary ny lalana ho an'ny Tompo, ary ataovy mahitsy ny Lalany.'" Marina izany. Ary nilaza. . . ary Dav-. . . Oh, maro tamin'izy ireo! Nanao hoe, "Ny toerana avo rehetra dia haetry."

237 Oh, hoy izy ireo hoe, “Hisy ny . . . Rehefa tonga io lehilahy io, dia hanondro amin’ny fanondrony izy, ka hamindra an’ireo tendrombohitra. Oh, ary ny toerana iva rehetra, ireo lavaka, dia hasandratra. Avy eo ny rehetra, izany dia ireo toerana saro-dàlana rehetra, dia halamaina. Rahalahy, hamboly katsaka ao amin’ny saha rehetra manodidina eto isika. Ary, oh, hanao zavatra lehibe isika rehefa tonga io lehilahy io.” Hitanareo?

238 Nanantena an’Andriamanitra handray an’ilay fanodinana izy ireo ka hanodina an’izany, hampidina an’ilay làlantsara, hanao hoe, “Midina, ianao ry mpialoha làlana lehibe an’Ny Mesiako.” Ary avy eo vantany vao lasa izy, dia misintona an’ilay izy hiakatra izy ireo, ka tapitra ny asam-panompoany. Ahodin’izy ireo midina indray izany, ka apetrany eto mihitsy eo akaikin’ilay seminera, ka manao hoe, “Eny àry, ry Zanako Malalako, midina ka teneno izy ireo.” Hitanareo? Oh, oadray!

239 Jereo, rehefa tonga izy. Inona àry no nitranga? Indro tonga ny lehilahy iray izay tsy nahafantatra ny iray tamin’ireo sekoliny. Tsy nanana kara-piombonana iray akory aza. Oh! Tsy nanana taratasy fanendrena. Tsia. Tsy nisy olona nahafantatra mihitsy fa mba nandeha tany an-tsekoly andro iray teo amin’ny fiainany izy. Tsy afaka hiteny an’izany akory amin’ny alàlan’ny firesany aza ianareo. Tsy niresaka akory aza izy tao amin’ireo tenin’ny . . . an’ireo mpitondra fivavahana. Niresaka mikasika an’ireo menarana izy, famaky, ary an-efitra, sy—sy—sy ireo zavatra tahaka an’izany, hitanareo, ireo hazo. Tsy niresaka tamin’ny tenin’ireo vondrona mpitondra fivavahana an’ilay andro izy, na izao andro izao na andro hafa iray.

240 Tonga izy “sassafras,” araka ny iantsoanay azy eto any Indiana. Nivoaka avy tao amin’ireo kirihitra tany ho any izy. Tsy niharatra akory aza, ary ny volo nitsangana teo amin’ny lohany. Tsy mihevitra aho fa mba nandro izy; indray mandeha isaky ny roa na telo volana. Marina. Tsy nanao akanjo mandry mihitsy izy amin’ny alina. Tsy nitaingina fiara iray mihitsy izy. Tsy niborosy ny nifiny mihitsy izy. Oh, oadray! Zalahy iray toy ny inona io! Tsia tokoa.

241 Indro izy tonga, nijadojadona nanerana ny an-efitra, tahaka an’izany, nanao hoe, “Izaho no feon’ny anankiray izay miantso mafy any an-efitra. Amboary ny làlana ho an’ny Tompo, ary ataovy mahitsy ny Làlany!”

242 Nitsangana ny sasany tamin’ireo mpampianatra ka nanao hoe, “Hah! Hono ho’aho, ry sakaiza, ianao ve manana ny . . . ? Tsy afaka miara-miasa aminao izahay ao amin’io asam-pitoriana io. Eto, tsy afaka manao an’io izahay. Eny, aiza ny—aiza ny karatrao? Aiza ny filazana anao?” Tsy noraharahiany fotsiny izy ireo. Nanana hafatra iray izy, noho izany dia nanohy fotsiny niaraka tamin’izany izy, hitanareo, nitory tahaka an’izany fotsiny.

243 Hoy izy ireo hoe, “Eny ankehitriny, andraso! Eny, raha mandeha any izahay, dia ho entinay ny eveka, androany, ka hahita an'izay lazainy mikasika an'izany. Handeha any izahay raha fantatray. Izany ireo lohan'ny fiangonana. Ary fantatray fa tsy maintsy hanaiky an'io izy. Raha avy amin'Andriamanitra izy, dia hanaiky an'ireo evekanay.”

244 Nametraka azy ireo tany tao amin'ny laharana iray, ary nipetraka teo, ireo manan-kaja.

245 Hoy izy hoe, “Ianareo taranaky ny vipera! Ianareo bibilava anaty bozaka!” Ireo vozon'akanjo mivadika, ary “ray masina,” sy ny sisa. “Iza no nampitandrina anareo handositra ny fahatezerana ho avy? Fantatrareo fa antomotra ny oranareo. Aza mihevitra ianareo fa... Hoy ianareo hoe, ‘Eny, izahay mikambana amin'ity, itsy.’ Teneniko aminareo, ilay Andriamanitra izay tompoiko dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto.” Oh, oadray!

246 Ankehitriny dia mandehana raiso ny azy mifamadika, amin'ilay fitenin'ny mpitondra fivavahana. “Milaza aho fa mipetraka eo amin'ny fototry ny hazo ny famaky! Noho izany ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia ho kapaina ka hatsipy any anaty afo! Oh, hanao batisa anareo amin'ny rano tokoa aho, ho amin'ny fibebahana, saingy ho avy aoriako Izy. Ny volana hivadika rà! Ary ianareo dia... oh, oadray, hanadio tsara tokoa ny Gorodony Izy! Ary Izy haka ny—ny mololo ka handoro an'izany amin'ny afo tsy mety maty, ka hitondra ny vary hankany an-tsompitra Izy. Hanavaka ny ahi-dratsy sy ny vary Izy.” Oh, oadray! Hafatra iray toy ny inona!

247 Hoy izy ireo hoe, “To zalahy io ve? Hah! Inona no nolazainy, inona—inona—oran'ny inona ilay izy? Oh, tsy fahaizana! Manana an'ilay tena lehilahy izahay any, Rahalahy Jones. Izy no ilay zalahy izay hanao an'io, raha misy olona iray ao amin'ity taona ity. Eveka *Ranona-sy-ranona* no hanao an'izany; Ray Masina *Ranona-sy-ranona*.” Oh, oadray! Hitanareo?

Andriamanitra ao amin'ny fahatsorana, hitanareo, miasa ao amin'ny fahatsorana.

248 Avy eo, ny zavatra voalohany fantatrareo, nitsangana teo izy indray andro, ka hoy izy hoe, “Eny, mitsangana eo anivonareo Izy!” Tena nahazo antoka izy fa izy io mpialoha lâlana io. Fantany hoe iza izy. Izany no antony nahafahany namaofy ny hoditr'izy ireo. Hoy izy, “Ankehitriny, aza mangovitra, fa mandrosoa fotsiny ary manohiza. Ianareo miaramila, ankatoavy ny tomponareo. Ary raha nanao ratsy ianareo, dia ento izany...”

249 “Inona no hataonay? Hitsahatra tsy hanao an'ity ve izahay? Hijanona tsy hanao an'ity ve izahay?”

250 Hoy izy hoe, “Mandehana fotsiny tahaka ny ataonareo. Manohiza. Manohiza. Mandrosoa. Raha mamboly ovy ianareo,

dia amboleo izy ireo. Hitanareo? Ianareo miaramila, aza manao herisetra. Ary—ary ataovy ity. Ary na ho inona na inona, dia manohiza fotsiny tahaka ny ataonareo. Ankatoavy ny tomponareo, sy ny sisa.”

“Raby, inona no tokony hataonay?”

251 “Manohiza fotsiny tahaka ny ataonareo, hitanareo. Fa misy Anankiray eo anivonareo, izay tsy fantatrareo.” Fantany izany, ilay oran’ny hafany. Fantany fa izy no tsy maintsy hampiditra an’io Olona io. Fantany fa teo Izy. “Anankiray eo anivonareo! Tsy hitanareo Izy. Mandeha ireo zavatra, tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an’izany ianareo.” Ka noho izany, àry, “Misy—misy zavatra hitranga,” hoy izy, “hitanareo, ary ho eto Izy. Ary ho fantatro Izy.”

252 Ary farany, indray andro, hoy izy hoe, “Indro, io Izy! Io ny Zanak’ondrin’Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan’izao tontolo izao!” Hoy izy, “Ary tapitra ny fotoako ankehitriny. Efa nampiditra anareo Taminy aho. Tsy maintsy mihena aho ankehitriny. Tsy maintsy miala amin’ny sehatra aho. Izy no handimby manomboka eto.”

“Hanomboka ny Arivo taona, izao ankehitriny izao, hitanareo, ary ny—antomotra ny fotoana.” Noho izany rehefa tonga Izy, rehefa . . .

253 Na dia i Jaona aza dia nanao hoe, “Izy dia, oh, Izy dia hamaofy ny hoditra hiala. Izy dia—Izy dia hanavaka ny vary amin’ny—amin’ny mololo, ary Izy dia handoro an’izany. Ary Izy dia hanadio marina tokoa ny Gorodony, ary eny an-Tànany ny Fikororohany!” Saingy inona Izy? Kely, bitika . . .

254 Ankehitriny, izy ireo dia efa nahavita sary an’izany tanteraka hoe, “Oh, ry lehilahy! Hanana lefona iray Izy izay hahatakatra mailly iray ny halavany. Hitsangana eto Palestina Izy, hitsangana eo mihitsy ary izao fotsiny . . . eo ambonin’ny iray amin’ireo rahona fotsy ireo, ka hibata an’ireo Romana rehetra ireo, tahaka an’izao, ary hanipy azy ireo ao amin’ny helo. Manohy fotsiny manao tahaka an’izao, hitanareo, mandra-Pahatapiny azy rehetra.” Nahoana, efa nanana an’izany rehetra izany voamboatra izy ireo.

Ary rehefa tonga ny fotoana, dia Zanak’ondry kely iray no tonga nivoaka avy teo anivon’izy ireo, malemy fanahy sy mora fanahy, voatosika tamin’ity ilany ity sy *itsy* ilany itsy.

255 Na dia i Jaona aza dia nilaza. Ankehitriny dia jereo i Jaona, ilay mpaminany; hoy izy hoe, “Mandehana anontanio Izy. Izy tokoa ve ilay Anankiray?” Tena manetry tena, hany ka diso an’izany ilay mpaminany. Hoy izy, “Izy ve ilay Anankiray, sa mbola hiandry iray hafa isika?”

<sup>256</sup> Ankehitriny, tsy nanome azy boky iray ho an'ireo mpianatra ireo mihitsy Izy, ao—ao amin'ny Matio 11. Tonga ka nanontany Azy, rehefa ireo mpianatr'i Jaona . . .

Tao an-tranomaizina i Jaona. Noho izany dia efa tena nikorontana izy hany izy . . . Mino aho fa i Pember no nanao hoe, “Efa nisy voaly ny masom-boromaheriny, tany,” hitanareo. Izy dia afaka . . . Izy—niverina teto an-tany izy; efa teny amin'ny habakabaka ambony teny izy. Fa rehefa tapitra ny faminaniany, dia nilatsaka teto an-tany indray izy, hitanareo, satria, nametraka azy tao an-tranomaizina, hitanareo. Tsy nila nampiasa an'ireo elatra goavana intsony izy, noho izany dia nipetraka teo fotsiny izy. Fa efa nanidina avo kokoa noho ny sisa tamin'izy ireo izy.

<sup>257</sup> Mamelà ahy haneho zavatra iray aminareo. Nampiasa azy Andriamanitra. Ary Jesosy dia nahafantatra, hitanareo, satria izany no ilay—izany no ilay Andriamanitra nitsofoka teo. Hitanareo? Izy dia . . . Noho izany, Izy—Izy dia nilaza teo, Izy dia nilaza . . .

Ankehitriny, tsy nanome azy boky iray mihitsy Izy ny amin'ny hoe ahoana no hitondrana ny tenany ao amin'ny fonja; hoy Izy hoe, “Andraso iray minitra ankehitriny. Hanoratra fanandramana kely iray Aho eto, ka ento miverina ary teneno amin'i Jaona hoe ahoana no hitondrany ny tenany rehefa ao amponja izy, nohon'ny Amiko.” Hitanareo? Tsia, tsy nilaza an'izany mihitsy Izy.

<sup>258</sup> Tsy nilaza Izy hoe, “Mandehana teneno amin'i Jaona fa tokony nanana ny diplaoman'ny Ph.D.-ny izy talohan'ny nivoahany.” Hitanareo? Raha nanana izy, dia ho efa niaraka tamin'ny sisa tamin'izy ireo; ho efa mpandà iray izy.

Nahitsy fo i Jaona ka nametraka an'ilay fanontaniana.

<sup>259</sup> Ary hoy Izy hoe, “Miandrasa fotsiny mandra-pahatapitry ny fivoriana, ary avy eo dia mandehana aseho an'i Jaona izay nitranga, amin'izay fotoana izay dia ho fantany. Raha teneninareo aminy izay miseho, amin'izay fotoana izay dia ho fantany.” Hitanareo? Hitanareo? “Mandehana avelao fotsiny izy . . . Teneno aminy. Teneno aminy fa izany dia . . . Ao an-tranomaizina izy ka tsy afaka ny ho eto. Fa—fa ianareo no nipetraka tao amin'ny fivoriana, ka hitanareo izay nitranga. Mandehana teneno aminy.”

Koa, noho izany, hoy ireo mpianatra hoe, “Tena tsara, ry Mpampianatra.”

<sup>260</sup> Ary nandeha teny amin'ny havoana izy ireo. Jesosy izay nipetraka teo ambonin'io vatolampy io, dia nandinika fotsiny azy ireo mandra-piampitan'izy ireo sy niakarany teo amin'ny havoana.



261 Nitodika nankany amin'ny fiangonana Izy, nanao hoe, “Iza—nivoaka hijery an'iza ianareo, tamin'ny andron'i Jaona?” Hitanareo? Hoy Izy, “Hijery inona no nivoahanareo? Nivoaka mba hijery lehilahy iray izay manana ny vozon'akanjony mivadika ve ianareo, sy akanjo tsara, ary mangirana tsara sy nianatra. Izany ve no karazana lehilahy izay nivoahanareo ho jerena?” Hoy Izy, “Tsia. Fantatrareo ve hoe inona ireny karazany ireny? Manoroka zazakely izy ireo, ary, fantatrareo, miasa ao an-dapan'ny mpanjaka. Izy ireo, izany—tsy izany no karazan'i Jaona.”

262 “Eny,” hoy Izy, “noho izany, nahoana no nandeha ianareo? Mba hijery lehilahy iray izay nomena asam-panompoana iray ve ka hampifikitra an'izany avy hatrany ao amin'ny rafipandaminana iray, na zavatra tahaka an'izany? Ahozongozon'ny rehetra ve... Amin'izay fotoana izay, raha ny—raha tsy mila azy ny an'ny Tokana, dia handeha hankany amin'ny Trinite izy? Ary raha tsy mila azy ny Trinite, dia handeha hankany amin'ny Fiangonan'Andriamanitra izy, na aiza na aiza? Izany ve no karazan-dehilahy nivoahanareo mba ho jerena, ahozongozon'ny zozoro rehetra? Oh, tsia. Tsy i Jaona.”

263 Hoy Izy hoe, “Koa nandeha hijery inona ianareo? Mpaminany iray?” Hoy Izy hoe, “Ary Lazaiko fa marina izany. Fa hiteny zavatra iray aminareo izay tsy fantatrareo Aho; mihoatra noho ny mpaminany iray izy. Mihoatra izy. Raha afaka mandray azy ianareo, dia io ilay voasoratra, ao amin'ny Baiboly, hitanareo, tamin'izany, ny Soratra hoe, ‘Izaho haniraka ny Irako eo anoloan'ny Tavako,’ Malakia 3, hitanareo, ‘ary izy no hanamboatra ny lalana eo Alohako.’” Hitanareo?

264 Ary tsy nahazo izy ireo. Na dia ireo mpianatra aza dia tsy nahazo an'izany, hitanareo. Marina izany. Oh, oadray! Fahatsorana! Aoka hanetry tena, hitanareo. Miete mihitsy... Rehefa mampanantena zavatra iray goavana Andriamanitra, hitanareo, dia goavana eo Imasony izany.

265 Ankehitriny, raha te-hihazona an'ity ao an-tsaina foana ianareo, dia tiako ianareo mba... Hazony ao an-tsaina ity. Ary rehefa mitranga ity, amin'izay fotoana izay dia afaka manova azy ianareo. Atsory ny tanaanareo ka alaivo ny iray amin'ireo voninkazo kelin'ny lohataona izay ho tonga amin'ity taona ity, na alaivo ny singan'ahitra tsotra iray ary hazony eo an-tanaanareo izany, ka manaova hoe, “Hihazona an'ity aho ankehitriny, ka hijery fa zavatra iray, tena tsotra, no nanao an'ity. Ary tiako ny hahita an'ilay ati-doha, izay afaka mandefa balafomanga mankeny amin'ny volana, hanamboatra an'ity singan'ahitra ity.” Hahazo an'izany foana ianareo. Afaka mijanona hahazo antoka ianareo eo amin'izany. Hahazo an'izany foana ianareo. Hitanareo? Manana aina ao anatin'ny ilay singan'ahitra, hitanareo. Tena tsotra sy manetry tena izany.

<sup>266</sup> Hitanareo, raha olona goavana ny olona iray, mety tsara, saingy raha tena goavana izy mba afaka ho lasa tsotra, hitanareo. Hahita an'Andriamanitra izy. Fa raha tsy lasa tsotra izy, dia tsy hahita Azy mihitsy. Noho izany dia tokony ho lasa tsotra ianareo. Ankehitriny ny andininy . . .

**195. Ao amin'ny Apokalypsy, andininy 5:9, iza ireo hita nihira—mihira rehefa mandray ny Boky ny Zanak'ondry avy teo amin'ny—avy teo amin'ny . . . mandray ny Boky? Ireo—ireo ve no ireo olo-masina nakarina?**

<sup>267</sup> Tsia. Apokalypsy 6 . . . 5:9, raha ny marina. Tsia. Raha mahamarika ianareo, dia tsy ireo olo-masina ireo. Izy ireo dia nanana . . . Izy dia tsy mbola nitaky ny Fananany mihitsy. Hitanareo? Tsy ireo masina io. Raha mahamarika ianareo, dia izy ireo no ireo loholona sy Zava-manan'aina, ary mihira izy ireo.

<sup>268</sup> Ndao isika hamaky an'izany, mba ahafahan'ity olona ity . . . Ary avy eo dia hiezaka aho . . . Mbola manana eo amin'ny antsasaky ny roa ambin'ny folo aho eto, ka heveriko fa afaka mamaly azy ireo ao anatin'ny minitra vitsy aho. Ndao isika hijery. Apokalypsy 5:9. Ndao isika hamaky aloha kely fotsiny ankehitriny. Noho izany, ilay olona, ankehitriny, dia mahitsy fo mikasika an'ity, ary te-hahafantatra izy ireo. Diniho.

*Ary rehefa noraisiny ny—noraisiny ny boky, ireo zava-manan'aina efatra sy ireo loholona efatra amby roapolo dia niankohoka teo anatrehan'ny Zanak'ondry, ny tsirairay tamin'izy ireo dia nanana harpa, . . . lovia volamena feno ditin-kazo manitra, dia ny vavak'ireo olo-masina.*

*Ary izy ireo nihira hira vaovao, (hitanareo, hitanareo,) nanao hoe, Ianao no mendrika haka ny boky, sy hamaha Azy, (hitanareo,) . . . ianao no nanavotra anay . . .*

*Ary . . . nanao anay ho mpisorona sy mpanjaka . . .*

<sup>269</sup> Izany dia ilay vondron'ny Lanitra, izay tsy mbola navotana. Eny àry, ankehitriny.

**Rahalahy Branham, raha ny rehetra . . .**

Vetivety fotsiny ankehitriny. [Miato Rahalahy Branham—Mpand.] Ataoko, inona . . . Mamela ahy.

**Rahalahy Branham, raha—raha ny masina rehetra, (hia), masina no noraisina tao amin'ny Fampakarana, dia ho avy aiza i Elia sy ny . . . sy Mosesy no ho tonga?**

<sup>270</sup> Misy zavatra tsy mety eo. Misy zavatra tsy mety eo. Izay fotsiny ihany ny amin'ilay izy. Misy—misy zavatra mitranga eo. Hitanareo? Misy zavatra izay tsy nety any ho any. Mahatsapa ho mety tsara ve ny olona rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy misy . . . Tsy misy aretina, na inona na inona ve?

[Hoy ny rahalahy iray ao amin'ny fiangonana hoe, “Vakio indray io andininy faha-9 io, ao amin'ny Apokalypsy 5.”] Ndao jerentsika, Apokalypsy . . . Taiza ilay izy, rahalahy? [“5.”] 5. [“5.”]

Oh, ilay fanontaniana! Oh, ilay fanontaniana izay vao avy novaliako. Ankehitriny ndao jerentsika. “Ianao . . .” Ilay tena toerana:

*Ary izy rehefa na- . . . ny boky, ireo zava-manan'aina efatra sy ireo loholona efatra amby roapolo dia niankohoka teo anatrehan'ny Zanak'ondry, ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia nanana harpa, sy lovia volamena feno ditin-kazo manitra, dia ny vavak'ireo olo-masina.*

*Ary izy ireo nihira hira vaovao, nanao hoe, Ianao no mendrika haka ny boky, sy hamaha ny tombokase eo aminy: fa ianao dia . . . efa voavono, ary . . .*

Ity ilay izy! Ity ilay izy! Diso aho teo amin'izany. Hitanareo?

*. . . ianao no nanavotra anay ho an'Andriamanitra tamin'ny rà . . . ny fokom-pirenena rehetra . . .*

<sup>271</sup> Marina izany. Ankehitriny, inona no heverinareo mikasika an'izany? Oh, raha tsy eto ny Fanatrehan'ny Fanahy Masina, dia inona izany? Izy tsy namela . . . Hitanareo, namaky an'ilay ampahany voalohany an'io andininy io fotsiny aho. Hitanareo, izany dia—izany fotsiny dia ny and- . . . na zavatra iray izay voasoratra eto, ka niezaka aho ny hamarana, nijery an'io famantaranandro io. Saingy hitanareo ve Izy nanajanona ahy teo amin'izany? Voninahitra! Hitanareo, tsy namaky an'ilay ampahany hafa an'izany mihitsy aho. Hitanareo, noraisiko teto, “Ary . . .” Jereo eto, “Ary izy ireo—ary nihira hira vaovao izy ireo,” dia nijanona aho, hitanareo. Fa, jereo eto, “Ilay hira izay nohirain'izy ireo, nanao hoe, ‘Ianao no nanavotra anay avy tamin'ny fokom-pirenena rehetra, fiteny, ary firenena.’” Azo antoka, izy ireo izany. Oadray! Oh, oadray! Oh, oadray! Hitanareo ve ilay izy? Ary, eo amin'izay ihany, dia misy fanontaniana iray hafa eto ambany eto, ihany koa.

**196. Afaka ve ianao (h-a-n-a-m-a- . . .) hanamarina ireo nomena . . . ? Eny, hanamarina “ireo nomena akanjo fotsy,” an'ny Apokalypsy 6:11, amin'ny “ireo izay nanasa ny akanjony tamin'ny Ràn'ny Zanak'ondry?”**

<sup>272</sup> Ankehitriny dia ndao jerentsika, Apokalypsy 6. Tsy afaka handeha haingana eo amin'ity mihitsy aho, ry havana, tahaka an'ity eto ity, hitanareo, satria izany dia . . . hamaly zavatra diso aho. Ankehitriny, Izy dia tsy tia—tsy Tiany hanao an'izany aho. Izany no fahamarinana, mianiana aho. Ny Fanahy Masin'Andriamanitra dia mahafantatra fa izany no fahamarinana. Hitanareo? Izaho fotsiny . . . Misy zavatra fotsiny . . . Izaho—mijery fotsiny an'ilay izy aho . . . Nijery ny famantaranandro aho, amin'ny iraika ambin'ny folo sy sasany,

dia nieritreritra aho hoe, “Raha tsy mandeha haingana aho ankehitriny, dia tsy ho afaka hivavaka ho an’ny marary.” Ary miezaka aho ny hahavita an’izany. Satria aho. . . Ary ny saiko dia tena. . . Tsy afaka aho. . .

<sup>273</sup> Tsarovy, tsy maintsy mahazo mihitsy ianareo ankehitriny, fa izaho dia—izaho dia olombelona iray, hitanareo. Ary izaho—efa tany aho nandritry ny fito andro, ary ny. . . Ary mbola manana zavatra iray aho, amin’ity tolakandro ity, tsy maintsy mahita avy amin’Andriamanitra aho.

<sup>274</sup> Fa, efa tena nanapa-kevitra Izy mba tsy hanaovako an’io fahadisoana io, niantso ahy hiverina hamaky ny sisa tamin’ily andininy izy ireo. Izaho fotsiny. . . Izany dia toy ny hoe nisy Zavatra nihorona nanerana ahy fotsiny teo, ka nanao hoe, “Miverena! Miverena!”

Nieritreritra aho hoe, “Miverena”? Inona? Mijanona izao ankehitriny izao ve ka manomboka mivavaka ho an’ny marary? Fa inona—inona izany? Inona no nataoko?”

Ary nanomboka naninji-tànana ho an’io mihitsy aho, dia nisy olona nanao hoe, “Ivereno vakio indray ilay andininy.” Dia niverenako novakiana izany. Ary teo, teo amin’ny faran’ity fanontaniana ity, teo ilay izy, hitanareo, “Apokalypsy 6.”

<sup>275</sup> Hitanareo, namaky ny voalohany aho. Toa mitovy amin’izany ilay izy, ilay voalohany, hitanareo, “Ary nihira hira vaovao izy ireo.”

Fa teto ambany teto, hitanareo ve hoe inona ilay izy? Ilay manaraka, nanohy nidina, “No nanavotra anay.” Azo antoka, ny Ampakarina izany, ireo masina nampakarina. “Afaka ve ianao. . .?” Ary eto, izany tokoa, ny—ny Zanak’ondry no nanana ny Boky teny an-Tànany. Efa niala teo amin’ily Seza fiandrianan’ny fahasoavan’ny fanelanelanana Izy. Hitanareo? Hitanareo ve hoe toy ny ahoana no itandreman’ny Fanahy Masina an’izany? Satria, marina tokoa, izany ilay zavatra iray izay nolazaiko indray hariva.

<sup>276</sup> Rehefa niresaka tamiko Izy tao amin’ny efitra, ka tonga teto aho ary nitory taminareo rehetra, hoe, “Rehefa niala tamin’ily toerana ny Zanak’ondry.” Oh, oadray! Ankehitriny dia mino aho fa haka lahateny iray mihitsy isika. Hitanareo, “Niala teo amin’ny Fitoerany ny Zanak’ondry ka nandroso,” hitanareo, araka ny azoko tany rehefa nanatrika Izy, io Hazavana io, izay Kristy; rehefa nanatrika Izy, niteny an’izany. Rehefa miala eo amin’io fitoeran’ny Seza fiandrianana io ny Zanak’ondry, avy tamin’ny maha-Mpanelanelana iray, dia lasa Izy eto, ary tapitra ny Andron’ny Fanavotana ho an’ily Fiangonana.

<sup>277</sup> Misokatra ny fanavotana manaraka, dia ho an’ireo Jiosy, ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy. Marina ve izany? Satria Izy no nampanantena fa hanapaka an’ily hazo Izy, fantatrareo.

<sup>278</sup> Ankehitriny, eto, ankehitriny dia indro Izy tonga, ilay Zanak'ondry, ary amin'izay fotoana izay dia tapitra ny Andron'ny Fanavotana. Ary ny rehetra izay havotana, dia efa navotana ka natao teo amin'ny Boky, ary eto Izy eo ampanokafana ny Boky. Marina!

<sup>279</sup> Oh, misaotra Anao, Tompo. Hitanareo? Mamelà ny Mpanomponao mikorontan-tsaina nohon'ny fiezahana handeha haingana eo amin'ny zavatra iray.

**Ankehitriny, azonao leferina ve “ireo nomena akanjo fotsy,” an'ny Apokalypsy 6:11 . . .**

<sup>280</sup> Ankehitriny ndao jerentsika, 6:11. Eny àry. Aiza no misy antsika eo amin'ity ankehitriny? “Akanjo fotsy,” hia, izany dia ireo—ireo voahombo, teo ambanin'ny alitara. Ireo—ireo Jiosy, eo anelanelan'io fotoana io, “Nomena akanjo fotsy izy ireo.”

**. . . amin'ny “ireo izay nanasa ny akanjony tamin'ny Ràn'ny Zanak'ondry,” an'ny Apokalypsy 7:14?**

<sup>281</sup> Tsia. Ankehitriny, samihafa izany, tena azo antoka. Satria, hitanareo, eto, mahita isika *eto*, fa “ireo dia nomena akanjo fotsy,” tamin'io fotoana eto io. “Nomena akanjo fotsy izy ireo,” ny tenan'izy ireo, nohon'ny fahasoavana. Ary ireto *eto* ireto, “Efa nanasa ny akanjony tamin'ny Ràn'ny Zanak'ondry,” ary ao amin'ny Apokalypsy eto, ity dia ilay “olona betsaka izay nitsangana teo anatrehan'Andriamanitra, avy tamin'ny fokom-pirenena rehetra, fiteny, ary firenena.” Ary *ireto* dia ireo maritiora marina tanteraka tokoa, ireo Jiosy, hitanareo. Ankehitriny, ankehitriny marina izany, ankehitriny.

**197. Rahalahy Branham, raha ny masina rehetra no noraisina tao amin'ny Fampakarana, dia avy aiza no hihavian'i Elia sy Mosesy? Ho Jiosy ve izy ireo? Sa ho ny Eliantsika, nomena antsika, no—no hiaraka amin'izy ireo?**

<sup>282</sup> Tsia. Ny—ny Jentilisa izay ho voahosotr'io fanahy io, mba hiantso an'ireo Jentilisa hivoaka, no hesorina. Satria, hitanareo, ilay Fiangonana manontolo, ny rehetra, dia efa nakarina. Ary ireto mpaminany roa ireto, an'ny—an'ny toko faha-11, dia midina. Ary ny androm-pahasoavana dia mifarana miaraka amin'ny Jentilisa, ary nalefa nankany amin'ireo Jiosy. Tsia, tsy ho ilay lehilahy iray ihany izany. Ankehitriny, izaho dia—tena mahazo antoka an'izany aho. Tsarovy ankehitriny, ireto dia ny tsara indrindra amin'ny fahalalako fotsiny.

Ndao jerentsika hoe inona ity, voalaza eto ity. Fanontaniana, “Ny vary sy ny divay ve . . .?” Oh, “Ny . . .?” V-a-r-y. Tsia, heveriko fa izany—ny tiany lazaina dia hoe, “Inona no . . .?” Tsy misy “inona” iray eo. Milaza fotsiny hoe:

**198. Ny inona sy ny divay ve, na ny vary sy ny divay, inona ny . . . an'ny Apokalypsy 6:6?**

Ndao jerentsika hoe inona izany, rehefa tonga eto aho ankehitriny, ity eto ity.

*Ary nandre feo iray teo afovoan'ny zava-manan'aina efatra aho nanao hoe, Venty ny vary tritika iray fatra, ary venty ny vary hordea iray fatra iray. . . jereo ka aza manimba ny divay sy. . . diloilo.*

<sup>283</sup> Heveriko fa izany no dikany hoe “ny vary sy ny divay.” Izany dia ilay anankiray, ho amin'ny ilay hafa.

**Raha ny marina, dia mari-pamantarana iray ve izany, ilay divay izay raisina eo amin'ny labatry ny fandraisana, an'ny Apo- . . . an'ny Korintiana Voalohany 11:24?**

<sup>284</sup> “Ilay divay ve—ilay divay. . . ?” Tsia. ny iray amin'izy ireo dia mari-pamantarana ara-panahy, hitanareo. Ary ilay iray hafa dia tena ny—ny fanambaran'ny Teny tokoa.

**199. Mety izany ve no antony mampisy betsaka ny marary, satria tsy namantatra ny Tenan'ny Tompo isika? (Marina!)**

**. . . saingy voambara ankehitriny tamin'ny fanokafana ny Tombokase Fahenina?**

<sup>285</sup> Ankehitriny, ndao jerentsika. Mamelà ahy hijery fotsiny raha mety ho azoko izany ankehitriny. Raha tsy ianareo ilay izy; dia izaho izany. Ianareo tsy. . . Mety tsara ny nanoratanareo azy; izaho mihitsy ilay izy.

**Mety izany ve ny antony mampisy betsaka ny marary, satria tsy mamantatra ny Tenan'ny Tompo isika? (Misy baraingo iray, eo amin'ny faran'izany.)**

<sup>286</sup> Eny, ny Soratra dia milaza, fa, “Maro no marary sy marofy eo anivonareo, nohon'ny famantarana ny Tenan'ny Tompo.” Marina tokoa izany. Satria, hitanareo, ny Tenan'ny Tompo dia ny Ampakarina. Ary maro amin'izy ireo no mivily làlana, ka tsy mandeha miaraka amin'Izany izy ireo. Marina izany. Hitanareo, tsy fantatr'izy ireo hoe ahoana no hitondrana ny tenany. Miaina amin'ny karazam-piainana iray; nefa mandray ny fandraisana sy ny sisa. Tsy tsara izany. Hitanareo? Rehefa mandray ny fandraisana ny olona, izay mandainga sy mangalatra sy misotro, ary, izany—izany dia—mahatsiravina izany. Tsy tokony hanao an'izany ianareo. Hitanareo?

**. . . fa voambara ankehitriny tamin'ny fanokafana ny Tombokase Fahenina?**

<sup>287</sup> “Ny fanokafana ny Tombokase Fahenina.” Ndao jerentsika ankehitriny. Tsia. Ankehitriny, mahita ianareo, ny fanokafana ny Tombokase Fahenina eto, dia ho an'ireo Jiosy. Hitanareo, ilay—ilay Fiangonana dia efa lasa. Ity dia ny vanim-potoan'ny Fahoriambe, noho izany dia tsy hitovy ilay izy. Tsia. Tsia. Tsy izany ilay izy.

<sup>288</sup> Ny iray amin'izy ireo dia divay ara-panahy, izany dia ny fanambarana ny Teny, noho izany ilay—ilay mpino dia lasa ampientanin'ny fanambarana ny Teny. Ary ilay iray hafa dia mari-pamantarana iray an'ny Ràn'i Jesosy, izay raisina eo amin'ny latabatry ny Tompo. Ankehitriny, izany no tsara indrindra amin'ny fahazoako azy.

**200. Hisy amin'ireo izay tsy voafidy mialoha ve hanaiky ny Tompo? Raha manaiky izy ireo, dia ho lavo ve izy ireo?**

Tsia raha voafidy mialoha izy ireo. Tsia. Hitanareo, tsy afaka izy ireo.

**201. Aiza ny Soratra izay maneho fa ny . . . fa ny Katolisisma no hamitaka ny Jiosy sy haka ny harenan'izy ireo?**

<sup>289</sup> Ankehitriny, “Aiza marina no ilazana fa—fa—fa ny bibidia no hamitaka ho an'ny harena?” Tsy izany no voalazany. Fa manombatombana isika hoe izany dia . . . Ankehitriny, ilay indray hariva, tsaroanareo. Afaka mijery an'ilay horonampeo tsara mihitsy ianareo. Tsy nilaza mihitsy aho hoe izany no hataon'izy ireo. Nilaza aho . . . Hitanareo, ireo Katolika no vondrona manan-karena indrindra eto amin'izao tontolo izao. Tsy misy olona tahaka azy ireo. Ary izay tsy ananan'izy ireo, dia ireo Jiosy no manana ny sisa.

<sup>290</sup> Eo no misy an'ireo toe-karenan'ity firenena ity ankehitriny . . . Mivelona amin'ny volan'ny hetra isika izao ankehitriny izao, araka ny *Lifeline*, izay avy amin'ny hetra (izany dia avy any Washington mihitsy, DC) izay haloa ao anatin'ny efaolo taona manomboka androany. Izany no laniantisika ankehitriny. Izany dia hoe any aoriana lavitra toy ny ahoana isika, manao trosa, hitanareo, eo amin'ny hetra izay haloa ao anatin'ny efaolo taona manomboka izao. Rava ny firenena. Vita ny aminy.

<sup>291</sup> Ankehitriny, Castro, ilay zavatra tokana matotra izay hany nataony, dia rehefa nanao vola sandoka izy ka nandoa an'ireo trosa, ireo tarata-sin-trosa, ka nandoro azy ireo, ary—ary nanova ny vola. Izany ihany no zavatra tokana azon'ny natao.

Ary zavatra tokana ihany no tavela hataon'ity Etazonia ity. Tsarovy ankehitriny, ity dia William Branham, hitanareo, no miteny. Ity dia ny hevitra. Fanombatombanana fotsiny ihany ilay izy, eo am-pijerena an'ilay izy ao amin'ny fomba fijery ara-boajanahary, izay mety any amin'ny iray tapitrisa mailly lavitra. Tena mino aho fa eo mihitsy izany, ao amin'io vola . . . “Ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra.” Ary mino aho fa eo mihitsy no hanomboka hampikodia ny baolina.

<sup>292</sup> Ankehitriny, ny fiangonana Katolika any, amin'ny fampandoavam-bola ho an'ny lamesa, sy ny sisa, no mihazona ny harenan'izao tontolo izao. Tsaroanareo, hoy ny Baiboly hoe, “Nanan-karena izy,” ary toy ny ahoana izy. Ary, tsarovy, tsy eo amin'ny firenena anankiray fotsiny ihany. Manan-karena izy

eo amin'ny firenena rehetra izay misy eo ambanin'ny Lanitra. Maninji-tànana izy. Izy no manana ny vola. Ankehitriny, izay tsy ananan'izy ireo, dia ananan'ny Wall Street, izay feheziny Jiosy.

<sup>293</sup> Ankehitriny, ary tsaroanareo, izy no nanana ny vola rehefa niverina i Jakoba (hitantsika izany omaly hariva) ka lasa Isiraely. Nanana ny vola marina tokoa izy. Saingy tsy nividy na inona na inona ho azy ny volany, hitanareo, tamin'i Esao. Esao dia efa nanana an'izany, ihany koa. Hitanareo, anti roa, ka—ka ny iray. . . . Hitanareo, tena tanteraka mihitsy ilay izy.

<sup>294</sup> Ankehitriny dia diniho eto. Nilaza aho fa mety te-hikambana miaraka izy ireo eo amin'ny vola, ary ilay—ary ilay hery Romana no maka ny hery Jiosy, sy ny vola, amin'ny fanapahana an'ilay fifanekena. Mety tsy ho izany ilay izy. Hitanareo, fantatro fa hanapaka an'izany izy ireo, saingy izaho—tsy fantatro hoe inona ny antony, satria tsy voambara tamiko ny mikasika an'izay hataon'izy ireo.

<sup>295</sup> Fa jereo. Ankehitriny, raha androany, ankehitriny ahoana moa raha androany, ny zavatra tokana azontsika atao, dia ny hanao? Raha raisintsika ireo hetra (raha marina io fanambarana io) avy amin'ny vola, avy amin'ny volan'ny hetra an'ny efaolo taona manomboka izao, hitanareo, ny volamenantsika dia. . . . Efa lanintsika izany. Rava isika. Tsy manam-bola isika. Ary mivelona fotsiny amin'ny lazantsika efa lasa isika.

<sup>296</sup> Izany no ataon'ny fiangonana amin'izao andro izao, ny fiangonana; fa tsy ny Ampakarina. Ny fiangonana dia mivelona amin'ny laza efa lasa izay nananany tany aoriana tany teo ambanin'ny asam-panompoana tamin'ny andron'ny liona. “Izahay no ilay Fiangonana! Izahay no renin'ny Fiangonana! Izahay dia nanomboka. . . .” Marina izany. Hitanareo? Mivelona amin'ny laza izy!

<sup>297</sup> Ny Metodista dia mivelona amin'ny lazany. Ny Batista dia mivelona amin'ny lazany. Ary ny Pentekosta dia mivelona amin'ny azy. “Voninahitra ho an'Andriamanitra! Efa ela be izay, rehefa nandihy tao amin'ny Fanahy ireo olo-masina fahiny, ary ahoana izy ireo. . . . Ny Tompo nanao an'*ity sy itsy*.” Izany, zavatra efa lasa izany. “Lasa goavana izahay rehetra ankehitriny, rahalahy.” Oh, oadray! Hitanareo? Ny laza lasa rehetra!

<sup>298</sup> Ity firenena ity dia mivelona—mivelona amin'ny laza lasa ny amin'ireo razambe, hitanareo, ary izany no antony iheverantsika fa ho voavonjy isika. Tsy nanaja ny Isiraely teo amin'izay naha-izy azy ireo mihitsy Andriamanitra, izay efa naha-izy azy ireo; izay naha-izy azy ireo tamin'izany! Mariho.

<sup>299</sup> Fa, ankehitriny, ity no heveriko, izay izaho—heveriko fa hiseho. Ankehitriny, mety tsy ho tahaka an'izany ilay izy. Mino aho fa ho avy ny fotoana izay hanerena antsika haka fanapahan-kevitra. Ary rehefa ho tonga izany, dia, raha tokony hanova



ny vola isika . . . Inona no hataon'izany amin'ny Philip Morris? Inona no hataon'izany amin'ireo—ireo orinasan'ny whisky? Inona no hataon'izany amin'ny indostrian'ny vy? Inona no hataon'izany amin'ny varotra rehetra? Inona no hataon'izany? Handrava azy ireo izany. Ho rava izy ireo. Fa, raha, “Afaka mindrana an'io vola io izahay.” Hitanareo ve hoe manan-tsaina toy ny ahoana izy?

<sup>300</sup> Amin'izay fotoana izay dia hivarotra ny tenany amin'ny fiangonana ny firenena. Ary amin'izay fotoana izay dia mikambana indray ny fiangonana sy ny fanjakana, ary eo no ahatongavany. Hitanareo? Izay ilay izy. Mariho. Eny àry. Ankehitriny, ao amin'ity:

**202. Raha misy anankiray ao anatin'ny fikambanan'ny rafi-pandaminana iray eken'ny governemantatsika, ka afaka miteny an'ireo tononin'ny fony manokana, na ao amin'ilay Fahamarinan'ny andro farany, heverina ho toy ny iray amin'ireo “mpijangajanga” ve izy?**

<sup>301</sup> Ndao jerentsika. “Raha misy anankiray ao anatin'ny fikambanan'ny rafi-pandaminana . . .?” Eny, jereo, ny fikambanan'ny rafi-pandaminana; ny—ny rafi-pandaminana, nomen'ny governemanta zò izy, mba hiteny. Hitanareo, tsy misy idiran'izany amin'ny fony. Hitanareo? Ankehitriny, raha tena mpino iray izy, ary nateraky ny Fanahin'Andriamanitra, na ho ela na ho haingana dia ho voasakana izy. Hitanareo? Tsy mety tena hazava tahaka an'izany ilay izy ary avy eo tsy ho hitany.

<sup>302</sup> Ankehitriny, tiako ianareo . . . Hitanareo, te-hahatsiaro an'ity ianareo, ry sakaiza, hoe Andriamanitra—Andriamanitra tsy manao an'izany mihitsy, na nanao tamin'ny fotoana rehetra, araka ny mety tsaroako, hitanareo, afa-tsy izay . . .

<sup>303</sup> Jereo, Jesosy no ilay—no ilay fototr'izany rehetra izany, satria Andriamanitra Izy, Imanoela, tonga nofo. Ankehitriny, jereo ity—ity Lehilahy ity, Jesosy. Rehefa . . . Efa fantatrarao ve, fa rehefa tonga teto an-tany Izy, dia tsy nisy, heveriko, iray ampahafolon'izao tontolo izao no nahafantatra fa teto Izy?

Fantatrarao ve, fa rehefa tonga io mpialoha làlana io, rehefa “ireo tendrombohitra” rehetra, sy ny sisa dia hiseho, dia tsy nisy iray ampahazaton'ny mponin'Isiraely, heveriko, no mba nahafantatra an'izany? Tsy hafahafa ve izany?

<sup>304</sup> Nahoana, teo ireo Jiosy sy ny sisa, ary ireo olona nanerana an'izao tontolo izao. Ankehitriny, tsarovy, Jesosy dia tonga mba ho Vavolombelona iray, ho Mpamonjy iray an'izao tontolo izao. Marina ve izany? Nahoana, nisy olona fotsiny, sy olona, sy olona, sy firazanana, sy olona, izay tsy nahafantatra na inona na inona akory aza mikasika an'izany. Niseho fotsiny, toy ny hoe tsy nahafantatra na inona na inona fotsiny mikasika an'izany izao tontolo izao; nefa, tamin'ny fotoana rehetra, dia niseho teto amin'izao tontolo izao izany. Hitanareo?

<sup>305</sup> Nahoana Izy no tsy namela azy ireo hahafantatra? Tonga Izy, ary ireo izay voafidy mialoha ho amin'ny Fiaianana Mandrakizay no hany nandray Azy. Tsy nahasoa ny nilazana zavatra tamin'ny sisa tamin'izy ireo, satria tsy afaka nanavotra azy ireo Izy, satria tsy azo navotana akory aza izy ireo. Nahoana no izany ilay izy, nefa nitsangana teo ireo mpisorona ireo? Fa, tsy maintsy tonga teo amin'io toerana io Izy satria natsofoka tao anatin'ny tao ilay voafidy mialoha, nanodidina rehetra, noho izany dia tsy maintsy nitory tamin'izy ireo toy ny vondrona iray Izy.

<sup>306</sup> Ary ireo mahay malaza izay tokony ho nahafantatra Azy, dia nanao hoe, “Belzeboba io Lehilahy io. Tsy hamela an'io Lehilahy io hanapaka anay izahay, sy ny sisa, hitanareo. Tsy hanao an'izany izahay.”

Fa mpijangajanga ratsy kely iray, niaraka tamin'ny Fiaianana tao anatin'ny, voafidy mialoha ho amin'ny Fiaianana Mandrakizay, ka ny anarany dia tsy mety maty ato amin'ity Tenin'Andriamanitra eto ity. Nanatona teo, ary, ny fotoana voalohany izay nandonan'ilay Hazavana an'io voa kely io, dia fantany haingana mihitsy izany. [Nanapoapoaka ny rantsantànany indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.]

<sup>307</sup> Jereo, nandalo teo ny mpanjono antitra iray. Indro Izy nitsangana teo, nanao an'ireo famantarana sy fahagagana, ary—ary niteny tamin'ny olona samihafa an'ireo tsiambaratelon'ny fony, ka nanambara ny Tenany.

Ary, oadray, indro nitsangana teo ireo Fariseo, ka nanao hoe, “Belzeboba io lehilahy io.” Tsy maintsy namaly ho an'ny fiangonany izy ireo.

<sup>308</sup> Izy rehetra ireo dia nitsangana nanodidina, “Dr. Jones, handeha any ve ianao ka hihaino an'io Lehilahy io? Izy—Izy dia toy ny hoe mahafantatra an'izay Resahany Izy. Tsy miresaka tahaka an'ireo lehilahy tsotra Izy.”

<sup>309</sup> “Handre azy aho.” Nandeha tany, hitanareo. Hia, Andriamanitra—tsy afaka nahazo azy mihitsy Andriamanitra.

Ary indro Izy nitsangana tany, ary nilaza Izy . . .

Hoy izy ireo hoe, “Jereo eo ankehitriny. Jereo eo. Indro tonga eo ny lehilahy iray. Indro ny iray tamin'ireo Mpianany. Indro manatona ny lehilahy iray ankehitriny. Ankehitriny, ny anaran'io zalahy io, Andrea izany. Tsaroanareo. Oh, tsaroanareo ve ireo antitra—ireo mpanjono antitra eto? Izy ireo izany. Hia, indro—indro i Simona, ny rahalahiny. Hitanareo? Ary izany dia—izany dia ireo zanak'i Jonasy. Ankehitriny indro izy ireo . . . Jereo, izy—mitondra olona iray mankeo Aminy izy. Iza io? Hia, jereo izay Hataony ankehitriny. Izy no—izy no manaraka teo.” Ary manatona izy.

Dia hoy Izy hoe, “Ny anaranao dia Simona, ary ianao dia zanak'i Jonasy.”

310 “Belzeboba ity lehilahy ity! Hitanareo, manana karazana fanahy iray izy eo aminy. Izy dia lehilahy iray mahatsikaiky. Hitanareo? Manohiza hatrany, aza mihaino na inona na inona tahaka an’izany ianareo rehetra, hitanareo. Mialà lavitra eo. Izaho tsy hanatrika an’ireo fivoriana ireo intsony, mihitsy, hitanareo. Vantany vao tapitra fotsiny io zavatra io, dia hivoaka eto izahay. Tsy handehandeha intsony izahay, manodidina eto indray.” Hitanareo? Nahoana? Ankehitriny, izany no noheveriny, kanefa natao ho azy izany. Jereo, ireo izay Ahatongavany mihitsy no hany nanohombo Azy. Hitanareo?

311 Fa nisy mpivarotena kely iray izay nolavin’ny olona rehetra! Tsy manohana ny fivarotan-tena aho. Tsia, tokoa! Fa maneho fotsiny aminareo an’ily Taranaka voafidy mialoha aho.

312 Jereo ity zalahy eto ity, ity mpanjono antitra ity, tsy afaka izy. . . Ny Baiboly no nilaza fa tsy nampianarina izy. Marina ve izany? Tsy izany ihany, fa tsy mahay izy. Ankehitriny, marina ve izany sa diso? Oh, raha afaka fotsiny ho lasa tsy mahay amin’ireo zavatra betsaka izay heverintsika fa fantatsika mantsy isika. Hitanareo? Eny àry. Hitanareo, sady tsy mahay izy no tsy nampianarina. Ary noho izany dia nandroso teo izy tao amin’ny Fanatrehan’ny Tompo Jesosy, ka Noteneniny taminy hoe iza izy. Teo no ho eo dia nilamina hatreo izany.

313 Ankehitriny, inona no adi-hevitry ity lehilahy hafa ity nanohitra an’izany? “Eny, jereo, nino an’izany izy. Jereo hoe iza io. Fantatrareo hoe iza izany. Eny, io lehilahy io dia tsy mihitsy. . . Nahoana—nahoana, mpanjono iray izy. Nahoana, tsy mahafantatra ny ABD-ny izy. Nividy trondro taminy aho; tsy afaka nanasonia rosia iray ho ahy akory aza izy. Izany, hitanareo, izany ilay karazan-javatra! Izay ilay karazan’olona izay mihaino zavatra tahaka an’izany.” Misaotra ny Tompo. Amena. Hitanareo? “Nahoana—nahoana, izy tsy. . . Jereo ny dadany; tsy mahay izy. Tsy nandefa azy ireo tany an-tsekoly akory aza izy.” Saingy izany ilay anankiray izay Nalefany tany an-tsekoly; nampianatra arak’izay Nilàny azy.

314 Tsy manohana ny tsy fandehanana any an-tsekoly aho, ankehitriny. Manantena aho fa mahazo ianareo. Fa io ilay karazany iray fotsiny, hitanareo, izay azonareo ao anatin’izany. Izany ilay karazana, sy ny antony andehanan’ily izy any antampon’ny lohan’izy ireo.

315 Ary mba fantatrareo moa? Tsy nisy iray. . . Izaho dia, hilaza fa tsy nisy iray ampahatelon’ireo Jiosy rehetra tao amin’ily firenena no mba hany nahafantatra zavatra mikasika ny hoe tonga Izy. Ary—ary, avy eo, ny iray—ny iray ampahadimin’ily iray ampahatelon’ny no nihaino Azy. Ary, avy eo, ny iray ampahazon’ily iray ampahadiminy no nandray an’izany. Fantatrareo hoe firy no Nananany. Nanana roa ambin’ny folo Izy nitsangana teo amin’ny hazo fijaliana, avy tamin’ily andiany

manontolo. Taiza ny sisa tamin'izy ireo? Hitanareo? Lasa ilay fitopolo.

<sup>316</sup> Ankehitriny, raha mbola nanasitrana ny marary Izy, ary nandeha fotsiny, tsy nilaza na inona na inona mikasika Ny Foto-pampianarany; Izy dia nandroso fotsiny, nanasitrana ny marary sy ny sisa. Oh, oadray! Izany, izany no Fanahin'Andriamanitra teo Aminy. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Rehefa nanasitrana ny marary Izy, mahafinaritra! "Raby lehibe iray izany. Hono ho'aho, ianareo rahalahy rehetra, tokony hanasa Azy ao amin'ny fiangonanareo ianareo rehetra. Ry tovolahy, miresaka ny amin'ny hery ianareo, afaka manasitrana ny marary marina tokoa io Zalahy io! Tokony hijery ianareo. Manana fanomezam-pahasoavana iray an'ny fanasitrana Izy."

<sup>317</sup> Eny, mazava ho azy, hanana fakan-tahaka vitsivitsy ny amin'izany izy ireo. Indro tonga izy ireo, satria ny vondrona tsirairay dia tsy maintsy manana ny olony manokana.

Indro tonga Izy. Ary avy eo, ny zavatra voalohany fantatrareo, indray andro dia nipetraka Izy.

"Oh, azo antoka, Raby, handeha hiaraka Aminao izahay."

<sup>318</sup> "Eny àry, mipetraka. Ndao isika handeha." Eny àry, naniraka an'ilay fitopolo, sy ny sisa.

Avy eo indray andro, taorian'ny nahavitan'ny fahagagana lehibe iray, dia nipetraka Izy ary nanomboka niteny ny Teny tamin'izy ireo, hitanareo. "Amin'ny fiandohan'ny fitsofan'ny. . ." Eny àry. Nanomboka niteny ny Teny tamin'izy ireo Izy, ny Fahamarinana.

Hoy izy ireo hoe, "Ah, ankehitriny, andraso iray minitra! Ham! Tsy fantatro ny mikasika an'*ity*." Nifanohitra tamin'ny foto-pampianaran'izy ireo izany. Hoy izy ireo, "Eny, fantatro fa nialantsika ilay synagoga sy ny zavatra rehetra tahaka an'izany, saingy angamba isika—diso isika, rahalahy. Tsaratsara kokoa amintsika ny miverina, satria miresaka amin'ny ankamantatra io lehilahy io. Izy dia karazan'ny lehilahy iray mahatsikaiky. Tsy mety azoko *izany*." Hitanareo? Inona izany? Tsy voafidy mialoha hatrany am-piandohana ilay voa.

<sup>319</sup> Avy eo, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia naka vondron'ny mpitoriteny kely iray Izy, ary niresaka tamin'ireo mpitoriteny. Hoy izy ireo hoe, "Ah! Ham! Tsaratsara kokoa amintsika ny miverina, ihany koa, ary miverina ka miditra ao amin'ilay rafi-pandaminana, maka an'ireo taratasintsika indray, hitanareo. Satria, io zalahy io, nahoana, iza no afaka hahazo lehilahy iray tahaka an'izany? Milaza an'*ity* izy eto, ary milaza an'*ity* izy eto. Ah!"

<sup>320</sup> Ireo hafa dia tsy nahazo Azy tahaka an'izany. Naneho ankamantatra Izy tamin'ny sasany tamin'izy ireo, fa tsy nanao tamin'ireo hafa.

Noho izany dia lasa izy ireo. Avy eo dia nitodika Izy, nijery an'ireo roa ambin'ny folo nitsangana teo. Hoy Izy, “Ianareo ve te-handeha, ihany koa?” Hitanareo?

<sup>321</sup> Diniho ankehitriny. Hoy i Petera hoe, “Mba Fantatrao moa? Nandeha tao amin'io toerana tranainy any io aho hatramin'izay. Aiza marina no halehako? Aiza no halehako? Aiza—aiza no azoko haleha? Rehefa izaho—nanao asa iray aho teto. . . Ary tsy afaka hiverina hankany amin'io daban-jaoridira io indray aho, izay itoeran'ny karazan'ny loto rehetra eto amin'izao tontolo izao. Hitanao? Izaho—izaho. . . Aiza no halehako? Izaho—tsy afaka manao an'izany mihitsy aho.”

<sup>322</sup> Hoy Izy hoe, “Noho izany, eny àry, ndao, avia.” Ankehitriny, eo ianareo izao. Hitanareo? Toy ny ahoana izany, tamin'izany? Roa ambin'ny folo avy tamin'ny roa tapitrisa sy sasany. Ary ilay Mpamonjin'izao tontolo izao, avy amin'ny an-davitrisany, kanefa manetry tena, hitanareo. Mijanona manetry tena fotsiny. Diniho.

Ankehitriny, miaraka amin'ireo Fariseo rehetra ireo; fa io mpivarotena kely io no nanatona teo. Hoy izy hoe, “Hono ho'aho, tsy maintsy mpaminany iray Ianao! Ankehitriny, fantatray fa ho avy ny Mesia, ary rehefa tonga Izy dia Izy no hanao an'izao.”

Hoy Izy hoe, “Izaho no Izy.”

<sup>323</sup> Hoy izy hoe, “Izay ilay izy,” ary lasa izy. Manandrana hanajanona azy indray mandeha ve ianareo? Tsy afaka manao an'izany ianareo.

**203. Rahalahy Branham, miarahaba amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Azavao azafady hoe iza ilay lehilahy, ao amin'ny Matio 22:11, ilay lehilahy izay tsy nanao akanjo fitondra amin'ny mariazy, nanao akanjo fitondra amin'ny mariazy. Fantatro fa io lehilahy io dia afaka—tsy afaka niditra tany An-danitra raha tsy manao an'ilay akanjo fitondra amin'ny mariazy. Nasaina iray io, fantatro, fa tsy ny Ampakarina.**

<sup>324</sup> Eny, marina izany. Izy dia ho. . . Hia, nitsofoka fotsiny izy. Hitanareo? Jereo ankehitriny. Ankehitriny, izaho. . . Mety hila toriteny iray manontolo ilay izy eo amin'io.

Ankehitriny dia manana folo minitra aho, hivavahana ho an'ny marary sy hamaranana an'ity. Ary ny antsasak'izy ireo no vitako, heveriko. Mariho. Fa izaho dia—handeha haingana aho, marina, tena azo antoka, aorian'ity anankiray ity. Hitanareo?

<sup>325</sup> Ity no niseho, raha mahafantatra ny fomba fanao tatsinanana ianareo. Hitanareo? Rehefa mizara fanasana ho an'ny mariazy ny mpampakatra iray, dia mizara fanasana maro be fotsiny izy. Ary ho an'ny fanasana tsirairay izay alefany,

dia nanana mpiandry varavarana iray izy nitsangana teo am-baravarana, mba hametraka akanjo iray eo aminy. Na mahantra izy, na inona izy, izy dia nanana . . . raha manan-karena izy na mahantra, na inona izy, izy, ny rehetra, dia tsy maintsy manao an'io akanjo fitondra amin'ny mariazy io.

<sup>326</sup> Rehefa nitsangana teo am-baravarana izy ireo, dia nampanaovin'izy ireo azy io, izany no nanarona an'izay naha-izy azy ivelany. Nasaina izy, na mpanapitrisa iray izy na mpangataka iray, na tantsaha iray izy, mpangady lavaka, na inona izy, na mpanefoefo iray, izy dia—eo izy manao an'ilay akanjo ankehitriny. Satria, ampanaovina azy eo am-baravarana ilay akanjo, rehefa miditra eo amin'ny varavarana izy.

<sup>327</sup> Ankehitriny, raiso ny Masindahy Jaona 10, mino aho fa izay ilay izy, hoy Izy hoe, “Izaho no varavarana.” Hitanareo? “Izaho no varavarana izay idirana . . . izay idiranareo.” Ankehitriny mitsangana eo amin'ny varavarana eo izy, ary eto ilay Lehilahy mampanao azy an'ilay akanjo, ny Fanahy Masina, manome azy ny akanjon'ny fahamarinana rehefa miditra izy.

<sup>328</sup> Ankehitriny, ity lehilahy ity dia tonga tamin'ny alàlan'ny rafi-pandaminana iray, teo amin'ilay varavarankely teto aoriana teto, lavaka fitsofohana iray. Ary tonga teo amin'ny latabatra izy ka nipetraka. Ary avy eo rehefa tonga ny Mpampakatra ka nijery manodidina Izy, izy dia . . . izy . . . Ireto no ganagana hafahafa, taloha, ankehitriny dia izy no ganagana hafahafa. Hitanareo? “Inona no ataonao eto tahaka an'izao, tsy manana ny batisan'ny Fanahy Masina sy ireo zavatra rehetra ireo? Ahoana no mba nahatafiditra anao tato?” Eny, niditra tany ho any izy fa tsy teo amin'ny varavarana. Ary tonga tsy nanana an'ilay fanasana marina izy. Hitanareo? Tonga tamin'ny alàlan'ny rafitra ara-pampianarana iray izy, hitanareo, na zavatra tahaka an'izany. Tafiditra izy.

<sup>329</sup> Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe, “Fatory izy, ny tongotra sy tànana; atsipazo eo ivelany eo izy, ao amin'ny aizina, izay hisy fitomaniana, sy fidradradradrana, ary fikitroha-nify.” Hitanareo? Lasa nankao amin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe izy. Hitanareo? Tsy niditra avy teo amin'ny varavarana izy. Noho izany, eny àry. Fanontaniana:

**204. Ilay Elia an'ny Malakia 4 ve dia ho ilay Elia iray ihany izay voalaza ao amin'ny Apokalypsy 11:3? Ary ireo vavolombelona hafa ve sa- . . . Ireo vavolombelona roa hafa ve isam-batan'olona samihafa, samihafa?**

<sup>330</sup> Eny. Ilay Elia an'ny Malakia 4 dia tsy ho ilay Elia an'ny Malakia 3. Efa hitantsika izany, omaly hariva. “Ary samihafa ve ilay vavolombelona hafa, izy roa ireo?” Eny, tompoko, Mosesy sy Elia; araka ny fanambarantsika. Ankehitriny, tsy te-hihazona anareo ela loatra eto aho.

**205. Mpanjaka Voalohany 19, Rahalahy Branham, mino aho fa ny isan'ireo tsy nandohalika dia fi...**

<sup>331</sup> Hia, marina izany. Fitonjato raha tokony ho... Misaotra anao. Marina tokoa izany. Ilay izy dia fitonjato raha tokony ho fito arivo... "Rahalahy Branham..." Fito arivo fa tsy fitonjato. Ankehitriny, hitanareo ve izany?

<sup>332</sup> Fantatrareo, marina tokoa, rehefa tonga tahaka an'izao ny olona iray, mba—mba hitory teny... Te-hanontany zavatra iray aminareo aho, ankehitriny, mba hahazoanareo.

Rehefa tonga avy tany an-efitra ilay Elia, dia nanana hafatra anankiray izy. Nijadojadona nivoaka avy tany amin'io an-efitra io izy, ka nandeha avy hatrany ary niteny tamin'io mpanjaka io hoe, "Ny ando aza dia tsy hilatsaka akory avy any an-danitra raha tsy izaho no miantso azy." Izany ireo teny izay nananany. Ary nijadojadona niverina nivoaka avy hatrany izy, ary tsy nilaza na inona na inona tamin'ny olona. Hitanareo?

<sup>333</sup> Rehefa nanana hafatra iray hafa izy, dia tonga avy hatrany izy ka nilaza an'io hafatra io. Dia nihodina avy hatrany izy, niverina niditra nankany an-efitra. Hitanareo?

<sup>334</sup> Ankehitriny, raha handinika ianareo, rehefa nametraka an'ilay vato fehizoro tao ambanin'ity tabernakla ity aho, dia hoy Izy hoe, "Ataovy ny asan'ny evanjelista." Ary ankehitriny dia tonga ny ora izay hisarahan'io asa io. Misy zavatra hafa miseho. Noho izany aho dia tena... Hitanareo, tonga eto aho ary miezaka manao evanjelista sy zavatra hafa, dia hitanareo ve hoe aiza no misy anareo? Hitanareo? Ianareo dia... Oh, izaho—manantena ny fiangonana ho tena ara-panahy aho mba hahazo.

**206. Rahalahy Branham, azoko fa tsy maintsy tonga intelo i Elias. Miteny aminay ianao fa efa tonga indroa izy, ary hiverina indray. Ankehitriny, ilay olona ve, izay hilatsahan'ny fanahin'i Elias, dia ho isan'ireo vavolombelona roa Mosesy sy Elias any?**

<sup>335</sup> Tsia. Tsia. Ho Jentilisa iray izy, hitanareo, ho an'ilay Fiangonana Jentilisa. Andriamanitra dia mandefa, isan'andro, mankany amin'ireo olony manokana, hitanareo. "Tonga tamin'ny Azy Manokana Izy; ny Azy Manokana tsy nandray Azy." Mandefa ny Azy foana Izy, ilay Hafatry ny ora.

<sup>336</sup> Rehefa nifanaraka tamin'ireo Jiosy Andriamanitra, dia tsy nisy mpaminany Jentilisa tonga. Rehefa mifanaraka amin'ny Jentilisa Andriamanitra, dia tsy misy mpaminany Jiosy. Rehefa mitodika indray any amin'ny Jiosy Andriamanitra, dia tsy hisy mpaminany Jentilisa. Hitanareo? Hitanareo ve izay tiako lazaina? Eny àry.

**Aorian'ny isehoan'ny Fampakarana...**

<sup>337</sup> Ankehitriny, hisy fifanindriam-potoana iray, mazava ho azy, Hafatra anankiray mankeo amin'ny iray hafa. Izany dia tsy

maintsy miditra tahaka an'izao, hitanareo, araka ny nanazavako an'izany, hitanareo; tahaka an'i Paoly ho an'ny Jentilisa, sy ny sisa. Eny àry.

**207. Aorian'ny isehoan'ny Fampakarana, hisy anankiray avy amin'ny fiangonana ve ho voavonjy amin'ny farany, izay tsy voaray tao amin'ny Fampakarana?**

<sup>338</sup> Tsia. Hah-ah. Satria, efa niala ilay Rà. Hitanareo, tsy hisy fanelanelanana intsony. Tapitra ny taonan'ny Jentilisa. Tsy hisy anankiray ho voavonjy aorian'ny Fampakarana, na anankiray avy amin'ny fiangonana, hah-ah, ny fiangonana. “Aoka izay maloto, mbola haloto foana; izay masina, mbola ho masina foana.” Hitanareo? Tsy hiseho izany, hitanareo, tsy aorian'ny ahalasanan'ilay Fiangonana.

**208. Rahalahy Branham, voamariko fa ianao, ny fitodihanao tamin'ny fitopolo herinandron'i Daniela teo amin'ny Hafatry ny Tombokase Voalohany. Azoko, ao amin'ny Daniela, eo amin'ilay horonam-peon'i Daniela, rehefa miverina any amin'ny Jiosy ny Filazantsara, dia hanomboka ireo fitopolo herinandro. Misy fitopolo iray ve . . . herinandro iray, fito taona, tavela ho an'ny Jiosy? Sa, mbola, misy antsasaky ny herinandro anankiray fotsiny, telo taona sy tapany anankiray ho azy ireo?**

<sup>339</sup> Antsasaky ny herinandro anankiray ihany. Jesosy dia naminany, ny antsasaky ny herinandro voalohany, araka ny voalaza mialoha. Antsasaky ny herinandro anankiray ihany no tavela ho azy ireo.

**Rahalahy Branham, satria tsy nivavaka ho an'ny marary ianao nandritry ny herinandro, ianao ve . . . ?** (Fangatahana iray ho an'izany fotsiny ity.)

**Rahalahy Branham, hijery ahy ve ianao aorian'ny fot- . . . ?** (Fangatahana iray ity, hitanareo, eo.)

**209. Afaka hazavainao ve azafady ny mikasika an'i Satana izay hofatorana mandritry ny arivo taona, ary hovahana ho an'ilay adin'ny—adin'ny Apokalypsy 20:8? Inona no ifandraisan'io amin'ny Adin'ny Haramagedona araka ny voalaza ao amin'ny Tombokase Fahefatra? Hiangona avy ao amin'ny olon'ilay tany vaovao ve ny Goga sy Magoga?**

<sup>340</sup> Eny, anankiray lava ity, ary izaho—tsy maintsy hikasika fotsiny an'ilay zava-dehibe amin'izany aho, hitanareo. Ankehitriny, ny zavatra voalohany, “Ho . . . ?” Ankehitriny, angamba tsy afaka hanazava an'ilay izy aho. Hanao ny tsara indrindrako aho.

**Hazavainao ve azafady hoe ahoana fa hofatorana i Satana mandritry ny arivo taona, ary hovahana indray ho an'ilay adin'ny Apokalypsy 20:8?**



<sup>341</sup> Tsy ilay Adin'ny Haramagedona io. Ilay Adin'ny Haramagedona dia miseho eo amin'ity ilany ity, hitanareo, eny àry, amin'ny fiafaran'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe.

**Ankehitriny, inona no ifandraisan'io amin'ny Adin'i Goga sy Magoga?**

<sup>342</sup> Tsy misy. Ny anankiray dia ity arivo taona ity, ary ilay iray hafa dia amin'ny fiafaran'ny—fiafaran'ny arivo taona.

**. . . araka ny voalaza ao amin'ny Tombokase Fahefatra? Ny Goga sy—ny Goga sy Magoga ve hiangona avy ao amin'ireo olona ao amin'ilay tany vaovao?**

<sup>343</sup> Novahana avy tao amin'ny tranomaiziny i Satana, ary lasa nanangona ny olona rehetra, ilay ratsy fanahy, mba hitondra azy ireo ho eo amin'io toerana io. Ary mandatsaka afo sy solifara avy any an-danitra Andriamanitra, ka levona izy ireo, hitanareo. Ady anankiroa, miavaka. Fanontaniana:

**210. Mikasika an'ireo valo amby enimpolo tapitrisa novonoin'ny fiangonana Katolika Romana, tamin'ny fotoana inona tao amin'ny tantara no nisehoan'io? Ary hafiriana ny vanim-potoana nisehoan'io?**

<sup>344</sup> Alaivo ny *Glorious Reformation* an'i Schmucker. Ataoko fa manana an'izany ny sasany amin'ireo mahay ireo. Ary izany dia ny tantaran'ny fiangonana. Ary adinoko ankehitriny hoe inona no pejy misy azy, fa izany dia niseho nanomboka tamin'ny fotoan'ny—ny. . . ilay zavatra dia novokarina, na nomena ny fiangonana, tamin'ny alàlan'i Masindahy Augustin d'Hippone, Afrika. Izany dia tamin'ny A.D. 354. Ary izany dia naharitra hatramin'ny 1850, ilay famonoan'olona an'i Irlande, hitanareo. Noho izany io fotoana io dia hatramin'ny A.D. 33 na A.D. 30. . . 354. Mamelà ahy hilaza an'ilay izy tsara, ankehitriny, hitanareo. Nanomboka tamin'ny A.D. 3-5-4 hatramin'ny—hatramin'ny A.D. 1-8-5-0, 1850, araka ny tantara, dia nisy Protestanta valo amby enimpolo tapitrisa novonoina ho faty, voarakitra ao amin'ny tantaran'ny maritiora Romana, nohon'ny tsy fanekena an'ilay papan'i Roma. Tantara izany. Raha te-hilaza ianareo fa diso izany, eny, amin'izay fotoana izay, angamba tsy teto i George Washington, na Lincoln. Fantatrareo, tsy nisy iray tamintsika velona tamin'izany mba hahita an'ilay izy. Fa mino aho fa teto izy ireo, na ahoana na ahoana. Hitako ireo famantarana fa teto izy ireo.

**211. Rahalahy Branham, ny toko faha-19-n'ny. . . sy ny andininy faha-18, “Kanefa Aho efa nitahiray fito arivo tamin'ny Israely, fito arivo tao Israely, ireo rehetra izay tsy niankohoka tamin'ny. . . niankohoka tamin'i Bala, ary ny vava rehetra. . . na—na niankohoka tamin'i Bala, ary ny rehetra. . . izay tsy nanoroka azy, ny vava izay tsy nanoroka azy.” Azafady azavao amiko io, ny amin'ireo—ny amin'ireo fitonjato.**

<sup>345</sup> Fito arivo ilay izy. Hitanareo? Ary ny hoe, “manoroka an'i Bala,” tsy fantatrareo ve... Firy eto no efa Katolika iringiriny? Azo antoka. Hitanareo? Manoroka sarivongana ianareo. Hitanareo?

<sup>346</sup> Ary, tsarovy, tamin'ny andron'i Babylona sy Nebokadnezara, rehefa voatokana ilay fanjakana Jentilisa, hitanareo; rehefa voatokana ilay fanjakana Jentilisa, dia niditra tamin'ny alàlan'ny fivavahana tamin'ny olona iray izany. Nanamboatra sarivongan'olona iray i Nebokadnezara. Ary raha manana fisainana ara-panahy iray ianareo, dia henoy ity fanambarana ity ankehitriny. Io fanahy io, io olona izay nanaovany fanambarana iray io, na, nanaovany sarivongana iray, tamin'ny alàlan'ny fanambarany, dia i Daniela, lehilahy mpivavaka iray nivavahana. Hitanareo ve izany? Satria, nomeny anarana hoe Beltesazara izy, sa tsy izany? Na, Beltesazara, izay anaran'ny andriamaniny. Ary nanamboatra sarivongana iray an'io andriamanitra io izy, izay ny sarivongan'i Daniela. Ary nandà ny hiankohoka teo amin'ny sarivongany manokana i Daniela. Hitanareo? Hitanareo?

<sup>347</sup> Ary indro eto indray izany, hitanareo. Diniho ankehitriny. Voatokana ilay fanjakana Jentilisa, tamin'ny andron'i Babylona, tamin'ny alàlan'i Nebokadnezara Mpanjaka; mpanjaka Jentilisa iray, nanakambana ny fiangonana sy ny fanjakana niaraka, tamin'ny fandraisana masina iray sa...na sarivongan'ny lehilahy masina iray, ary nanery hivavaka amin'izany. Mifarana eo amin'ny tongotra ilay fanjakana Jentilisa, niaraka tamin'ilay sora-tànana teo amin'ny rindrina, tamin'ny alàlan'ny hery ara-politika iray izay nampiray ny fiangonana sy ny fanjakana niaraka; mba hanery hanoroka an'ireo sarivongana indray, hitanareo, mitovy ihany, sarivongan'ny lehilahy masina iray. Azo antoka.

**212. Rahalahy Branham, rehefa miseho io Fampakarana io— rehefa miseho io Fampakarana io, dia handeha ao amin'ny Fampakarana ve ireo ankizy tanora izay tsy mahafantatra ny tsara sy ny ratsy?**

Raha eo amin'ilay Boky ny anaran'izy ireo. Hia. Marina izany. Hitanareo? Eny ary.

**213. Rahalahy Branham, nilaza ianao omany hariva fa ireo... nisy olona fitonjato voavonjy, hovanjena eo ambanin'ny toritenin'i Elia. Ny tianao ho lazaina ve dia fito ari-...?**

<sup>348</sup> Hia. Marina izany. Mamelà ahy azafady ny amin'izany, hitanareo. Marina mihitsy izany, hitanareo, nilaza aho.

**Rahalahy Branham, hadikanao ve ny...? Rehefa avy nanokatra ianao... Rahalahy Branham, ho ny—ny (f-i-z-a-r-a-...) fizaram-potoana...**

Mamelà ahy. “Ho ny fizara-...?” Ankehitriny, tsy ianareo ilay izy. Izaho ilay izy, hitanareo.

## 214. Ho tapitra ve ny fizaram-potoan'ny fahasoavana, aorian'ny anokafanao ny Tombokase Fahafito?

349 Antenaiko fa tsy. Tsia. Tsia. Ry sakaiza, aza atao ao an-tsainareo izany ankehitriny, hitanareo. Manohiza fotsiny ianareo. Angadio ny ovy, ary mandehana any am-piangonana, ary manohiza fotsiny. Raha miseho amin'ny maraina izany, dia ho hita manao marina tokoa an'izay nasaina nataonareo ianareo. Aza—aza manomboka . . .

350 Hitanareo, raha manao ianareo, dia mampivily an'ilay tena zavatra ho lavitr'ilay—ilay tanjona izay nikasana azy. Manao fisainana kely manokana ianareo, ary manao an'ireo hevitrareo manokana mikasika an'ilay zavatra. Aza maka ny hevitrareo manokana. Rehefa mipetraka fotsiny ianareo ka mihaino an'ireo zavatra tahaka an'izany, dia manaova hoe, “Misaotra Anao, Tompo. Handeha akaiky Anao kokoa fotsiny aho.” Hitanareo? “Handeha aho. . .” Aza mijanona tsy miasa ka manao hoe, “Hamidiko ny zavatra rehetra.”

351 Nihazakazaka ny lehilahy iray, teto, indray andro, avy tany Carolina Avaratra, talohan'ny nialanay mihitsy. Dia hoy izy hoe, “Voninahitra ho an'Andriamanitra! Afaka miteny amiko ve ianao hoe aiza no misy an'ilay *olona* iray malaza?”

Dia hoy aho hoe, “Tsia.”

352 “Oh, eny, tompoko,” hoy izy, “io zalahy io dia manana ny . . .” Hoy izy, “Io zalahy io no filohan'ny Audio Mission.”

Hoy aho hoe, “Ny inona?”

Hoy izy, “Audio Mission.”

Hoy aho hoe, “Tsy azoko.”

Dia hoy izy hoe, “Oh,” hoy izy, “io zalahy io no filoha.”

Hoy aho hoe, “Iza no nolazainao fa anarany?”

353 Hoy izy hoe, “Branham, mino aho. Zavatra tahaka an'izany, Brown na Branham.”

Hoy aho hoe, “Eny, ny anarako dia Branham.”

Hoy izy hoe, “Ianao ve no filohan'ilay Audio Mission?”

Hoy aho hoe, “Tsia, tompoko.”

Hoy izy hoe, “Eny, aiza no misy an'ilay Arivo taona?”

Hoy aho hoe, “Tsy fantatro.”

354 Hoy izy hoe, “Nahoana, ianao no . . . Ianao—ny tianao lazaina ve dia hoe izany—izany—izany—miseho eto mihitsy izany, nefa tsy mahafantatra an'izany ianao?”

Hoy aho hoe, “Tsia, tompoko, tsy fantatro.”

355 Hoy izy hoe, “Eny, voninahitra ho an'Andriamanitra!” Hoy izy, “Izaho manana ny sasany—sakaiza sasany izay tonga niteny tamiko,” ary hoy izy hoe, “nijanona tsy niasa aho.” Mbola nanao

ny akanjony fitondra miasa. Hoy izy, “Rahalahy, mila ny Arivo taona aho.”

356 Dia hoy aho hoe, “Eny, izaho—mino aho fa mifanjevo kely fotsiny ianao, sa tsy izany, rahalahy?”

357 Saiky tamin'io fotoana io dia tonga ny fiara iray, fiara taxi iray. Hoy izy hoe, “Vetivety! Vetivety! Vetivety!” Tonga teo ny vehivavy kely iray, nanao hoe, “Ankehitriny hivavaka ho an'ny vadiko ianao.”

Hoy aho hoe, “Eny, madama. Inona—inona ny amin'ilay izy?”

358 Hoy izy hoe, “Eny, azoko fa tsy maintsy miandry iray volana ianao ho an'ny fifampiresahana iray, hitanao, mba hivavahana.”

Dia hoy aho hoe, “Inona?”

359 Dia hoy izy hoe, “Eny, tompoko.” Hoy izy, “Fa mamoy fo aho. Tsy maintsy mivavaka ho an'ny vadiko ianao.”

Hoy aho hoe, “Azo antoka. Aiza izy? Ento izy.”

360 Nitsangana teo io zalahy io, nanara-maso, nanao hoe, “Ianao ve mivavaka ho an'ny marary, ihany koa?”

Hoy aho hoe, “Eny, tompoko.”

361 Hoy izy, “Iza no lazainao fa anaranao, Branham?” Hoy aho hoe. . . “Nefa tsy mahafantatra na inona na inona mikasika ny Arivo taona ve ianao?”

362 Hoy aho hoe, “Eny, izaho. . . Tsia, tsy mahafantatra aho.” Hoy aho hoe, “Izaho—tsy azoko ilay izy. Izay ao anatin'ny Baiboly fotsiny ihany.”

363 Hoy izy hoe, “Tsia, izao ankehitriny izao izany. Tonga avy hatraiza hatraiza ny olona.”

Hoy aho hoe, “Aiza izany?”

Hoy izy hoe, “Jeffersonville, Indiana, eo ambanin'ilay tetezana mihitsy.”

364 Hoy aho hoe, “Tompoko, ianao dia manao ahy, tsy ao intsony.” Dia hoy aho hoe, “Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany aho.” Hoy aho hoe, “Ndao isika hiditra dia hipetraka. Angamba afaka hiara-hiresaka an'izany zavatra izany isika.” Niditra izahay, hitanareo.

365 Aza, aza, hitanareo, ry sakaiza, aza maniry asampanompoana iray mihitsy. Fantatrareo izay tiako lazaina. Hitanareo? Ho sambatra kokoa ianareo eo amin'izay misy anareo fotsiny. Hitanareo? Manohiza fotsiny.

**215. Aorian'ny Fampakarana ny Ampakarina, dia rahoviana ilay fiangonana, izay tsy maintsy nandalo ny vanim-potoan'ny Fahoriambe, no hiatrika fitsarana? (Tsy miatrika fitsarana izy. . . ) Ilay izy ve aloha sa aorian'ny Arivo taona?**

Ho an'ny “ilay fiangonana.” Oh, mamelà ahy. Mamelà ahy, na iza na iza nanoratra an'ity. “Rahoviana ilay fiangonana izay...?”

**Aorian'ny Fampakarana ny Ampakarina, dia rahoviana ilay fiangonana, izay tsy maintsy nandalo ny vanimpotoan'ny Fahoriambe, no hitsangana eo amin'ny fitsarana? Ilay izy ve aoriana sa aloha...?**

<sup>366</sup> Aoriana! “Ny sisa amin'ny maty dia tsy velona nandritry ny arivo taona,” izay tsy nandeha niaraka tamin'ny Ampakarina. Ndao jerentsika:

**216. Nilaza imbetsaka ianao fa ny kominisma dia natsangan'Andriamanitra, mba hanatanteraka ny Tanjony, tahaka an'i Nebokadnezara Mpanjaka. Ankehitriny dia aiza no ametrahana ny kominisma ao amin'ilay sary izay ho...amin'ny farany izy...izay hataony amin'ny farany? Ahoana no hiafaran'izany? Mahay maro no mino fa ao amin'ny fanjakan'ny avaratra, i Goga sy Magoga izay voalaza ao amin'ny Soratra, dia midina manohitra ny Isiraely ao amin'ny—ao amin'ny... (Tsy mety voavakiko tsara hoe inona ity. Hia. Hia.) Mino aho, tamin'ireo...ny sasany tamin'ireo horonam-peo voaray, dia nilaza, nilaza ianao fa izany amin'ny farany dia handefa ny...fa ny kominisma amin'ny farany no handrava ny Katolisisma, na ny Vatican, amin'ny fipoahana iray. Marina ve izany?**

<sup>367</sup> Eny. Apokalypsy 16, no hahitanareo an'izany, ary Apokalypsy 18:8 sy 12. Raha eto ilay olona, te-haka an'ity silan-taratasy ity, eo amin'izany, dia afaka manamarina an'izany avy hatrany ianareo. Hia. Hitanareo, “Indrisy, indrisy ilay tanàna lehibe! Fa tao anatin'ny ora iray dia tonga teo amin'ny fiafarany izy.” Hitanareo, ireo mpivarotra, sy ny zavatra hafa rehetra, izay nitondra ny entany. Izany no hisy. Marina izany. Ary aza...

<sup>368</sup> Atsaharo fotsiny, adinoy fotsiny ny mikasika ny kominisma. Hitanareo? Izany dia tsy inona mihitsy afa-tsy andian'ny—an'olona izay tsy inona fa barbariana fotsiny izay—izay tsy masina. Rafitra iray izany. Mamelà ahy haneho zavatra iray aminareo, haneho aminareo fotsiny hoe tsotra toy ny ahoana ilay izy. Nahoana, iray isan-jaton'ny Rosia rehetra fotsiny no kominisma. Mila iraka iray izy ireo. Hitanareo? Iray isan-jato; noho izany, ny sivy amby sivifolo isan-jaton'izy ireo dia mbola eo amin'ilay lafiny Kristiana. Iray isan-jato, ka ahoana no ahafahan'ny iray isan-jato hifehy ny sivy amby sivifolo isan-jato? Izany no tokony hanazava an'ilay izy aminareo, eo no ho eo. Raha tsy navelan'Andriamanitra izany, nahoana, eny, dia ho efa voaroaka ela be izy ireo. Hitanareo? Azo antoka.

**217. Rahalahy Branham, nilaza ianao fa i Roma no hitondra ny governemantan'ny Jiosy amin'ilay telo taona sy tapany farany. Izany ve dia ho ny—ny telo taona sy tapany**

**voalohany an'ny Fahoriambe, sa ho ilay telo taona sy tapany farany izany? Marina ve izany?**

<sup>369</sup> Ho ilay telo taona sy tapany farany izany. Marina izany. Tsy ilay voalohany, satria efa lasa izany.

Mbola manana anankiray amboniny aorian'ity anankiray ity:

**218. Ry rahalahy malalako, handeha any an-efitra ve ilay Elia an'ny Malakia 4:5, araka ny tenenin'ny Mpanjaka Voalohany 17 amintsika fa nataon'ilay Elia hafa?**

<sup>370</sup> Eny, tsy nilaza marina tokoa aho fa izy dia, fa handeha any an-efitra izy. Fa ho izany io, hitanareo, izy dia . . . Elisa sy Elia, efa voamarikareo ve? Ny ankamaroan'ireo lehilahy tahaka an'izany dia lehilahy izay mitoka-monina; izy ireo, miala lavitra ny olona izy ireo. Tena mahatsikaiky izy ireo. Tsy mikambana be loatra amin'ny olona izy ireo.

<sup>371</sup> Voamarikareo hoe ahoana i Elisa, sy Elia, ary Jaona Mpanao-batista, sy ilay natioran'io fanahy io, hitanareo. Ary izy ireo tsy . . . Izy—izy, mino aho fa ho mpitia ny an-efitra ilay lehilahy, ary angamba hijanona any an-efitra. Fa, ankehitriny, ny milaza fotsiny hoe ho mpitoka-monina iray izy ary hipetraka any an-efitra, tsy fantatro ny mikasika an'izany. Matetika izy ireo dia nanao. Elisa tsy nanao, fa Elia no nanao. Ary avy eo, Jaona, izy—izy dia nipetraka tany an-efitra.

<sup>372</sup> Ary, sarotra ny miteny, ireto mpaminany hafa ireto, rehefa hivoaka avy any Jodia any izy ireo, dia tsy fantatro hoe aiza izy ireo no hipetraka. Mety hitoby eny ambonin'ny havoana any ho any izy ireo. Na—na, izay hataon'izy ireo amin'ireo andron'ny faminaniany, izaho—tsy fantatro izay hataon'izy ireo.

Fa ianareo . . . Ny ezahako ho lazaina dia ity. “Izy ireo, izy ireo ve, izy ireo ve dia ho—ho—ho. . . ?” Miezaka manontany izy ireo hoe, “Ho mpitoetra any an-efitra fotsiny ve izy ireo?”

<sup>373</sup> Eny, tsy maintsy handeha any British Columbia avaratra izy ireo mba hahita an-efitra betsaka hitoerana ankehitriny, any ho any, hitanareo. Koa izany dia ho olona iray. . . Voajinja ny an-efitra rehetra. Hitanareo? Tsy misy an-efitra betsaka intsony tavela. Hitanareo? Noho izany, ny zavatra tokana, izy ireo—mety ho mpitia ny an-efitra izy ireo, hitanareo, ary angamba hipetraka betsaka any an-efitra, ary izy ireo dia ho . . . Afaka mahamarika ny natioran'izy ireo ianareo, tsy fanaovana marimaritra iraisana izany, hitanareo, ary ianareo dia—ho fantatrareo izany rehefa tonga. Hitanareo? Ho hitanareo izany; ianareo dia—mifoha tsara ianareo.

<sup>374</sup> Ankehitriny, ity ny anankiray, tsy fantatro hoe ahoana no hikasohana azy. Ary manana iray hafa aho alohan'ity, ary avy eo dia hangataka amin'izy ireo aho hanapaka an'ilay horonam-peo iray minitra fotsiny.

**219. Raha maha-olona anankiray Andriamanitra, nahoana na ahoana no Nahafahany niresaka tamin'ny Tenany teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy?**

<sup>375</sup> Eny, vao avy nazavaiko izany, hitanareo. Hitanareo? Tahanontany an'ity aminareo aho. Izaho dia... Rehefa nivavaka tamin'ny Ray Jesosy, hitanareo.

[Manomboka miresaka amin'ny rahalahy iray ao amin'ny fiangonana Rahalahy Branham—Mpand.] Mino aho fa manana ny batisan'ny Fanahy Masina ianao. Sa tsy izany, rahalahy? Hitsangana iray minitra fotsiny ve ianao. Milaza ianao fa manana ny batisan'ny Fanahy Masina? [Hoy ilay rahalahy hoe, “Eny, tompoko.”] Izaho, ihany koa. Noho izany, dia inona izany? Noho izany dia tsy mihambo aho fa izaho dia manana an'ireo—izaho dia manana an'ireo hery rehetra ato anatin'ny tenako hanambara an'ireo zava-miafina. Tsy manana hery hanasitrana ny marary aho. Andriamanitra izany.

<sup>376</sup> [Manohy miresaka amin'ilay rahalahy ao amin'ny fiangonana Rahalahy Branham—Mpand.] Mino aho fa mpitoriteny iray ianao. Raha tsy diso aho, dia avy any Arkansas ianao. Eny àry, ankehitriny. Ary ao anatinao, ianao dia manana, dia—dia ny hitory ny Filazantsara. Ny mahazatra, dia notezaina teo amin'ny toeram-piompiana iray ianao ary teo amin'ny manodidina tahaka an'izany. Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany mihitsy ianao; fa nisy Zavatra niditra tao anatinao, mba hitory ny Filazantsara. Tsy mihambo ianao fa izany dia avy amin'ny tenanao, mihitsy. Olona iray hafa izany, antsoina hoe ny Fanahy Masina. Marina ve izany? [“Eny, tompoko.”] Eka.

<sup>377</sup> [Manohy miresaka amin'ilay rahalahy ao amin'ny fiangonana Rahalahy Branham—Mpand.] Ankehitriny dia tahanontany anao aho. Ny... Mitoetra ao anatinao io Fanahy Masina io. Marina ve izany? [Hoy ilay rahalahy hoe, “Marina izany.”] Miresaka Aminy ve ianao? [“Eny, tompoko.”] Miteny Aminy? Mivavaka Aminy? Eny àry. Izay ihany no ilaiko. Misaotra anao, betsaka.

Hitanareo? Azonareo ve ilay izy ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

<sup>378</sup> Hanontany anankiray aminareo aho. Ahoana mihitsy moa fa rehefa... Jesosy, ao amin'ny Masindahy Jaona 3, hoy Izy hoe, “Rehefa ny Zanak'olona no, izay any An-danitra ankehitriny.” Hitanareo? “Any An-danitra ankehitriny; dia hi... ho tonga eto an-tany.” Hitanareo? “Ny Zanak'olona izay any An-danitra ankehitriny,” nefa teo Izy nitsangana teo mihitsy niresaka tamin'ilay olona. Ankehitriny dia valio aho amin'io anankiray io. Jesosy sy ny Ray dia ilay Olona iray mitovy ihany.

<sup>379</sup> Mitovy mihitsy tahaka ny Fanahy Masina ato amiko; mijery ahy mitovy teny ianareo, fa tsy izaho izany.

Tsy izaho no afaka miteny teny iray izay afaka hamokatra, araka ny fantatrareo, biby iray; mipetraka tany sy nijery an'izany, ary namono an'ilay biby ka nihinana azy. Ny hery mamorona izany. Tsy mipetraka ao anatin'ny olombelona iray izany.

<sup>380</sup> Tsy izaho no afaka naka zazalahy kely iray teto, nandry . . . Ireo dokotera no nampandry azy tamin'ny lamosiny, niaraka tamin'ny aretim-po, izao hariva izao. Ka hanao ve hoe, “Hoy William Branham”? Tsia. “HOY NY TOMPO HOE, tapitra ilay izy.” Ary nitondra azy nankany amin'ilay dokotera, ny ampitso, ka lasa ny rehetra.

<sup>381</sup> Ankizy iray niaraka tamin'ny leucémie, hany ka nibontsina nivoaka ny masonry, ary mavo manerana ny rehetra, ilay vavony; hany ka nentin'izy ireo nankany amin'ny hopitaly izy, mba hanomezana rà azy sy ny sisa, mba hitondra azy eto mihitsy aza. Ary tao anatin'ny fotoana dimy minitra, dia nitaky hamburger iray! Ary nitondra azy niverina nankany amin'ilay dokotera, ny ampitso, ka tsy afaka nahita marika iray an'izany akory aza. Izany ve no “Hoy William Branham”? Izany no “HOY NY TOMPO HOE!” Kanefa, Izy dia isam-batan'olona iray samihafa amiko, saingy ny fomba tokana Hisehoany dia amin'ny alàlako. Hitanareo?

<sup>382</sup> Tahaka an'izany Jesosy sy ny Ray. Hoy Jesosy hoe, “Tsy Izaho no manao an'ireo asa; izany dia Ny Raiko izay mitoetra ato Amiko.”

Ankehitriny, “Ny Zanak'olona dia hiakatra any An-danitra, izay any An-danitra ankehitriny.” Hitanareo? Inona izany? Manerana Izy satria Andriamanitra Izy.

<sup>383</sup> Ankehitriny, ity anankiray hafa ity, izaho . . . [Manapoapoaka ny rantsan-tànany indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] Te-hilaza an'ireto teny ireto aho.

### **Azavao izay noresahanao mikasika . . .**

[Elanelana tsy voaraki-peo. Miresaka ao amin'ny fiangonana ny rahalahy iray.—Mpand.]

Misaotra Anao, Andriamanitra Ray. Misaotra Anao izahay nohon'ny Fanahy, ny maha-eto Anao. Ary notenenina taminay, Ray, fa indray mandeha, rehefa, tany, tonga ilay fahavalo, ka nilatsaka teo amin'ny lehilahy iray ny Fanahy ary naminany tamin'ny alàlany, ka niteny taminy. Izany no nandamina an'ilay zavatra, satria fantatr'izy ireo hoe ahoana no handehanana sy handresena an'ilay fahavalo, ary aiza no ahitana an'ilay fahavalo.

<sup>384</sup> Ary misaotra Anao aho, Ray, fa Ianao dia mijanona ho ilay Andriamanitra iray ihany izay efa naha-izy Anao hatramin'izay. Mbola tsy miova mihitsy Ianao. Izahay no miova, ary ny taona no miova, ary ny fotoana no miova, sy ny olona. Fa Ianao tsy miova mihitsy. Ireo Rafitrao dia tsy miova. Ny Fahasoavanao dia tsy



miova. Ireo Asanao dia tsy miova, satria mahagaga izy ireo, ary any ankoatra lavitry ny fahalalan'ny olona ny mba hahazo.

<sup>385</sup> Noho izany dia mankasitraka izahay, Tompo, fa miafina ao anatin'ireo Mpanomponao ireo Tsiambaratelonao. Ary tena faly izahay ny amin'ity, Tompo. Ary enga anie izahay handroso toy ny Hazavana mamiratra, mba... hitety toerana, ka miezaka, amin'ny fitiavana, ny—ny hampiditra an'ireo hafa; mba ahafahanay manarato amin'ny zorony kely rehetra, ka manipy ny harato, mba hahazo antoka fa mahazo ny trondro tsirairay izay Anao izahay. Ary amin'izay fotoana izay dia haka Ny Ampakariny ny Zanak'ondry, ho eo Anilany mandrakariva. Miandry an'izany fotoana izany izahay, amin'ny alàlan'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

<sup>386</sup> Firy no marary ato? Aoka ho hita ny tanaanareo. Eny, ilay izy dia toy ny hoe eo... Atsangano indray ny tanaanareo. Eo amin'ny iray, roa, telo, efatra, dimy, enina, fito, valo, sivy, folo, iraika ambin'ny folo, roa ambin'ny folo, telo ambin'ny folo, efatra ambin'ny folo, dimy ambin'ny folo, enina ambin'ny folo, fito ambin'ny folo, valo ambin'ny folo, sivy ambin'ny folo, roapolo... [Manohy manisa moramora an'ireo tàna mitsangana Rahalahy Branham sy olon-kafa iray—Mpand.] Fito amby efapolo, eo amin'ny fito amby efapolo. Eny àry.

<sup>387</sup> Amin'ny iraika ambin'ny folo sy sasany izao. Afaka mivavaka ho an'ny marary isika izao ankehitriny izao; apetratsika rahariva ho an'ny—ho an'ny... Sitrakareo ve, ho tianareo ve ny hanao an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

<sup>388</sup> Mino aho fa izao ankehitriny izao no ho fotoana tsara iray hanaovana an'izany. Teneniko aminareo hoe nahoana: ny Fanahy Masina, izay mitsangana ato mihitsy, dia eo ampanosorana. Ankehitriny, araka ny iakarantsika ao amin'io Fanahy io ankehitriny, hitanareo, ka mahita Zavatra ianareo, dia fantatrareo fa misy Zavatra—Zavatra manatrika, hitanareo. Ary raha mba afaka hino ianareo, dia tokony hino an'izany ianareo izao ankehitriny izao. Hitanareo? Raha mba hino ianareo, dia izao izany.

<sup>389</sup> Ankehitriny, tianay fotsiny ianareo hanatona tena moramora. Ary aoka ireo izay eo amin'io làlantsara *etsy* io, izay nanangana ny tånany, hivoaka amin'ity làlantsara ity, ary avy eo dia midina amin'ity làlana ity. Ary avy eo dia raisinay izy ireo, isaky ny làlantsara. Ary dimy amby efapolo fotsiny—dimy amby efapolo, fito amby efapolo amin'izy ireo; tsy hila be loatra izany.

<sup>390</sup> Hangataka an-dRahalahy Neville aho raha ho avy izy, handroso eto miaraka amiko, ary hivavaka ho azy ireo izahay.

<sup>391</sup> Voalohany, ireo izay mandroso ao amin'ilay làlantsara, mitsangana iray minitra fotsiny ankehitriny, mba ahafahanay

mivavaka ho anareo eto sy hametra-tànana eo amin'ny olona rehetra. Ankehitriny, marina izany, ny olona rehetra izay ho tonga ao amin'ny laharam-bavaka fotsiny, hitanareo, ireo izay ho tonga ao amin'ny laharam-bavaka. Hitanareo? Ankehitriny— ankehitriny, hitanareo, mba hihazonana ny fotoana, mba hahazoantsika antoka hanaovana an'ilay izy, dia hivavaka ho anareo izahay ankehitriny.

<sup>392</sup> Jereo, ry sakaiza. Mamelà ahy ankehitriny hanazava an'ilay izy aminareo. Jesosy Kristy dia nilaza an'izao, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Diniho ankehitriny. Tsy nilaza mihitsy Izy hoe, "Raha mivavaka ho azy izy ireo." "Raha mametraka ny tànany eo amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny!" Ary raha afaka naka toe-javatra mahafaty iray an'ny leucémie Andriamanitra, ary zazavavy kely iray izay tsy afaka manana finoana ho an'ny tenany, ka nanao an'ilay zavatra ho sitrana tanteraka; raha afaka maka an'ilay toe-javatra manaraka Izy, zazalahy antitra kely iray, ary tena nanasitrana azy hany ka tsy afaka mahita aretin-kozatra mahery mihitsy tao amin'ny ràny akory aza ireo dokotera na zavatra hafa; dia inona no Azony atao ho anareo? Ankehitriny, ireo ankizy kely ireo, tsy azony hoe inona ny vavaka. Fa nametra-tànana teo amin'izy ireo fotsiny, dia izay no izy. Isika no afaka mahazo an'izany.

Ankehitriny, raha mbola mitsangana ianareo, mba hivavaka ankehitriny.

<sup>393</sup> Ray any An-danitra, miaraka amin'Ny Fanatrehanao lehibe mipetraka eto, ilay Fanahy Masina lehibe, ilay Anankiray izay anananay ny sariny, ilay Anankiray izay vakianay ao amin'ny Baiboly, manatrika eto mihitsy Izy ankehitriny. Manambara ny Tenany amin'ny alàlan'ny nofon'olombelona Izy.

<sup>394</sup> Toy ny ahoana no nahitanay Azy tsy diso na indray mandeha aza, nandritr'ireo taona, afaka manambara an'ireo fisainan'ny fon'olombelona mihitsy, manambara ny fahotana izay nataon'izy ireo, niteny tamin'izy ireo marina tokoa an'izay nitranga sy izay hisy, tsy diso na indray mandeha aza! Noho izany, dia fantatray fa ilay Andriamanitr'i Abrahama, Isaka, ary Isiraely, dia mbola mijanona ho Andriamanitra foana, ao amin'ny Jesosy Kristy Olona.

<sup>395</sup> Ary ankehitriny amin'ny alàlan'Ny Fanahiny midina avy any An-danitra, teo ambanin'ilay Rà izay nalatsaka teo Kalvary, nidina teo anivon'ny olona, mba hampahafantatra ny Tenany tao amin'ny nofon'olombelona nialoha indrindra ny fandorana an'izao tontolo izao; ilay Fanahy Masina lehibe voaseho tao amin'ny nofon'olombelona. Ireto olona sarobidy ireto dia nanaiky ny Rà fanaovam-panavotana, ary ny Fanahy Masina no miditra ao amin'ny vatan'izy ireo; Andriamanitra, voaseho ao amin'ny nofon'olombelona.

<sup>396</sup> Noho izany, dia tsy ho ilay nofon'olombelona izany, manao an'ilay hetsika fotsiny, tahaka ny amin'ny batisa na sy ny sisa, miaraka amin'ny fanirahana iray, hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Amin'ny fametrahan-tànana eo amin'ny marary, dia ny Fanahy Masina no hikarakara an'izany hoe sitrana izy ireo, raha hino izy ireo. Ankehitriny, Ray, fantatray fa marina ireo zavatra ireo.

<sup>397</sup> Ireto olona izay mitsangana ireto, dia handalo eo ambanin'ny tanaan'ireo mpitoriteny izay naharay an'io Fanahy Masina io, ary vonona izy ireo, Tompo, ny hametra-tànana eo amin'ny marary. Ary fantatray, Ray, fa raha hino fotsiny ireto olona ireto! Tahaka ny Teny tsirairay izay Nampanantenainao mihitsy, tsy maintsy mitranga izany, dia toy izany koa. . . Ary tsy afaka mitranga izany raha tsy misy finoana, satria tsy azo atao ny hahafaly an'Andriamanitra raha tsy amin'ny finoana. Tsy afaka manao an'izany fotsiny izahay.

<sup>398</sup> Ary ankehitriny miaraka amin'ny finoana, mino, miaraka amin'ity teny fikasana mipetraka eo anoloanay ity, miaraka amin'ireo Tombokase an'ny Baiboly nosokafana ho anay, hoe mihazona Ny Teniny Andriamanitra! Enga anie ireto olona sarobidy ireto, izay marary, Tompo, . . . sy ny fihetseham-poko ho azy ireo, amin'ny maha-olombelona ao anatin'ny vatana mety maty tahaka ny azy ireo. Ary ankehitriny ny. . . ilay Fanahy Masina iray ihany izay mitoetra ato anatinay, Tompo, no mitoetra ao amin'izy ireo. Ary samy mahatsapa malahelo izahay. Ary eo am-pahafantarana fa ilay Fanekena vaovao ao amin'ilay Rà vaovao. . . Raha nanolotra fanasitranana ilay anankiray fahiny, dia tsy mihoatra noho izany ve no hataon'io "vaovao sy tsaratsara kokoa" io? Ray, ho tanteraka anie izany, mba tsy hahadiso an'ireto olona ireto, fa handray ny fahasitranany raha mandalo eo amin'ny tanaan'ireo Mpanomponao izy ireo, amin'ny alàlan'ny Anaran'i Jesusy Kristy. Amena.

<sup>399</sup> Ankehitriny—ankehitriny, izahay dia, *ity* ilany ity dia hipetraka, raha mandalo *ity* ilany ity. Ary avy eo dia hiverina *ity* ilany ity, ary ilay ilany hafa. . . Ankehitriny, ny sasany aminareo rahalahy eto, izay hitsangana. Mino aho fa mpitoriteny ianareo eto, ianareo rehetra eo.

Aiza i Dokotera, Rahalahy Ned? Hiditra ao amin'ilay laharam-bavaka ve ianao, Rahalahy Ned? [Hoy Rahalahy Ned Iverson hoe, "Eny. Mitsangana ho an'ny olon-kafa iray aho."—Mpand.] Eny àry, Rahalahy Ned. Eny àry. Vantany vao avy ivavahana ianao, dia midira avy hatrany ao amin'ilay laharana.

<sup>400</sup> Ankehitriny aoka ireto eo amin'ity ilany *eto* ity, hipetraka vetivety fotsiny, ary haka an'ireo izay amin'*ity* ilany ity aho. Avy eo, avy eo dia hidina izahay ka haka an'ilay lalantsara afovoany, ka handefa azy ireo hiverina amin'*ity* lalana ity. Avy eo dia haka

an'*ity* lâlantsara ity, ary handefa azy ireo handalo amin'*ity* lâlana ity, dia hivavaka ho an'ny olona rehetra izahay.

<sup>401</sup> Hangataka an-dRahalahy Teddy aho...Aiza izy? [Hoy Rahalahy Teddy Arnold hoe, "Eto mihitsy."—Mpand.] Eny àry. Tiako ianao hitendry eo, "Ilay Mpitsabo lehibe dia akaiky ankehitriny." Ary ilay mpitendry piano, na aiza no misy azy, araho izy, raha sitrakao.

<sup>402</sup> Henoy, tsaroanareo ve ilay fotoana izay nitendrena an'izany, ka nentina teto amin'ny lampihazo ny zazalahy kely iray? Ilay zazavavy kely Amish no nitendry ny, "Ilay Mpitsabo lehibe dia akaiky ankehitriny." Izany dia nanana volo lava, mainty, na—na volo mavo mena, raha ny marina, Mennonite iray na zazavavy Amish iray, ny anankiray, nihorona teo ambonin'ny lohany.

<sup>403</sup> Ary nandona an'ilay zazalahy kely ny Fanahy Masina, tamin'ny alàlan'ny fametrahan-tànana fotsiny; kilemaina teo amin'ny tongony. Ary nitsambikina niala tamin'ny sandriko izy, ka nihazakazaka nanerana ny lampihazo. Nitsangana ny reniny, ary torana; Mennonite iray, mino aho, eo am-piandohana.

<sup>404</sup> Ary nandona an'io zazavavy kely Mennonite io ny Fanahin'Andriamanitra, na Amish, na inona izy na inona. Nipetraka teo ny dadany sy izy ireo, niaraka tamin'ny... nanao ny akanjony, amin'ny maha-Mennonite, na inona ilay izy na inona. Ary nitsambikina niala teo amin'ilay piano izy, niaraka tamin'ny tânany nitsangana. Ary nirotsaka nanerana ny volony tsara tarehy; toy ny Anjely iray izy. Nanomboka nihira tao amin'ny Fanahy; ary raha nanao an'izany izy, dia nitendry tsy ankitsahatra ilay piano, "Ilay Mpitsabo lehibe dia akaiky ankehitriny, ilay Jesosy mangoraka."

<sup>405</sup> Nitsangana teo ny olona rehetra, an'arivony, nijery an'ireo fitendrena nihetsika ambony sy ambany, "Ilay Mpitsabo lehibe dia akaiky ankehitriny, ilay Jesosy mangoraka." Nitsangana avy tamin'ireo seza misy kodiara na ny olona, niala tamin'ireo fitondrana marary, tehina, nanohy namindra.

<sup>406</sup> Eto mihitsy io Tompo Jesosy tsy miova io, izao maraina izao, ilay tsy miova mihitsy tahaka Azy tamin'io fotoana io. Minoa fotsiny ankehitriny.

Tendreo izany hira izany, raha sitrakareo, *Ilay Mpitsabo Lehibe*.

Ankehitriny dia aoka hivavaka ny olona rehetra.

Aoka izy ireo handeha avy hatrany manerana ny efitra, midina avy hatrany amin'*ity* lâlana ity, ary mankeny amin'ny sezanareo avy hatrany na any amin'izay tianareo handehanana, raha manao ny lâlanao ianareo. Vitanareo malalaka ve ny etsy? Eny àry. Noho izany, mandehana avy hatrany miverina amin'ny seza iray, avy eo dia hitsangana isika.

407 Henoy ankehitriny. Raha mbola ivavahana ireto, dia mivavaha ianareo ho azy ireo. Avy eo rehefa ivavahana ianareo, dia hivavaka ho anareo izy ireo.

Ankehitriny, ianareo mpitoriteny eto, mitsangàna. Ary tiako ianareo hametra-tànana eo amin'ireo raha mandalo izy ireo.

408 Ankehitriny, ny olona rehetra, ny loha miondrika, ary hazòny miondrika ny lohanareo. Manohiza mivavaka. Ary rehefa mandalo ianareo, amin'izay fotoana izay dia apetraho...hipetraka eo aminareo ireo tànana. Tsarovy, izany dia teny fikasan'Andriamanitra iray izay manambara an'ireo tsiambaratelon'Ny Bokiny, ireo tsiambaratelon'ny fon'olombelona. Izy no Andriamanitra izay hanamarina an'izany, raha hino an'izany ianareo. Hitanareo? Ankehitriny ny olona rehetra ao amin'ny vavaka.

Ankehitriny ianareo rahalahy mpitoriteny mitsangàna eto, raha sitrakareo.

Eny àry, ndao isika hanondrika ny lohantsika.

409 Ankehitriny, Tompo Jesosy, raha tonga ireto olona ireto, dia enga anie ny Herin'Andriamanitra Tsi-toha hamelombelona ny finoan'izy ireo eo no ho eo raha mandalo izy ireo, ny rehetra amin'ny Anaran'i Jesosy.

410 Ankehitriny, eny àry, aoka ilay laharana hanomboka an'ity làlana ity. Mangataka amin'ny tsirairay avy aho, ametraho tànana eo amin'izy ireo, ianareo mpitoriteny, raha mandalo izy ireo.

411 [Manomboka mivavaka sy mametraka ny tànany eo amin'ny olona tsirairay izay tonga mandalo eo amin'ny laharam-bavaka Rahalahy Branham sy ireo mpitoriteny, raha mitendry tsy ankitsahatra ny *Ilay Mpitsabo Lehibe* ny mpitendry orga—Mpand.]

Amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy!

Mametraka ny tànako aho, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, ry rahalahiko.

Amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy!

Andriamanitra, ekeo izany ho an'ny anabaviko, Rosella, amin'ny Anaran'i Jesosy.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy!

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy!

412 Mijanòna ianao; araho maso io mandra-pifaran'ilay laharana.

Amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy! . . . ? . . .

Tsarovy, manetry tena Izy. Tongava am-panetre-tena.

413 [Amin'ny ampahany fotsiny eto no re ireo tenin-dRahalahy Branham, ka tsy ampy hanaovana printy an'ilay

fisainana manontolo voaseho. Eto no mitohy ny laharam-bavaka mandritry ny enina minitra sy dimy amby roapolo segondra—Mpand.]

<sup>414</sup> [Elanelana tsy voaraki-peo. Mankeo amin'ny fanamafisampeo Rahalahy Billy Paul Branham ka manao hoe, “Afaka hikisaka mankany aoriana ve ianareo olona, azafady? Afaka ve ianareo olona izay mitsangana ao amin'itsy lâlantsara itsy, hiala amin'ny lâlantsara ka handeha hankany aoriana? Manohiza mandeha mankany aoriana, azafady. Misaoitra anareo. Ianareo olona ato amin'ny lâlantsara afovoany, ianareo ve handeha, ihany koa?”—Mpand.]

<sup>415</sup> [Amin'ny ampahany fotsiny eto no re ireo tenin-dRahalahy Branham, ka tsy ampy hanaovana printy an'ilay fisainana manontolo voaseho. Eto no mitohy ny laharam-bavaka mandritry ny roa minitra sy roapolo segondra—Mpand.]

Raiso ny fanasitrananao, rahalahy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, Rahalahy Mitchell.

Raiso ny fanasitrananao, rahalahy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, ranabavy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, ranabavy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, ranabavy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, rahalahy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, ranabavy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, ranabavy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, rahalahy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, rahalahy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, rahalahy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, ranabavy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, ranabavy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, ry rahalahiko, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, ranabavy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, ranabavy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, ry rahalahiko.

Raiso ny fanasitrananao avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, rahalahy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, rahalahy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, rahalahy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao.

Raiso ny fanasitrananao, ranabavy, avy amin'i Jesosy Kristy.

- Raiso ny fanasitranana, ranabavy.  
 Raiso ny fanasitranana, ranabavy, avy amin'i Jesosy Kristy.  
 Raiso ny fanasitrananao, ranabavy, avy amin'i Jesosy Kristy.  
 Raiso ny fanasitrananao, rahalahy, avy amin'i Jesosy Kristy.  
 Raiso ny fanasitrananao, ranabaviko.  
 Raiso ny fanasitranana, rahalahy.  
 Raiso ny fanasitrananao, ranabavy...?...  
 Raiso ny fanasitrananao, ranabavy...?...  
 Raiso ny fanasitrananao, rahalahy.  
 Raiso ny fanasitrananao.  
 Raiso ny fanasitrananao, rahalahy...?...  
 Raiso ny fanasitrananao, ranabavy...?...  
 Raiso ny fanasitrananao avy amin'i Jesosy Kristy.  
 Raiso ny fanasitrananao.  
 Raiso ny fanasitranana, ranabavy...?..., avy amin'i Jesosy Kristy.  
 Raiso ny fanasitranana.  
 Raiso ny fanasitranana...?...  
 Raiso ny fanasitranana, ry rahalahiko, avy amin'i Jesosy Kristy.  
 Raiso ny fanasitranana.  
 Raiso ny fanasitranana, ranabavy...?...  
 Raiso ny fanasitranana, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.  
 Raiso ny fanasitranana, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.  
 Raiso ny fanasitranana.  
 Raiso ny fanasitranana.  
 Raiso ny fanasitrananao.  
 Raiso ny fanasitrananao.  
 Raiso ny fanasitrananao avy amin'i Jesosy Kristy.
- <sup>416</sup> [Mankeo amin'ny fanamafisam-peo Rahalahy Billy Paul Branham ka manao hoe, "Misy olon-kafa ve te-ho ao amin'ny laharam-bavaka? Hiditra ve ianareo, azafady. Raha misy olon-kafa te-ho ao amin'ny laharam-bavaka, dia hiditra ve ianareo, azafady."—Mpand.]
- Raiso ny fanasitrananao, ry rahalahiko, avy amin'i Jesosy Kristy.  
 Raiso ny fanasitrananao, ranabavy, avy amin'i Jesosy Kristy.  
 Raiso ny fanasitrananao, rahalahy, avy amin'i Jesosy Kristy.
- <sup>417</sup> Raiso ny fanasitrananao, Ranabavy Wood, avy amin'ny tànan'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao...?...?

Raiso ny fanasitranana...?...?

<sup>418</sup> Raiso ny fanasitranana, Ranabavy Roberson, amin'ny alàlan'ny tanaan'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitranana, ry rahalahiko, amin'ny alàlan'ny tanaan'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitranana, ranabavy...?...?, avy amin'ny tanaan'i Jesosy Kristy.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, raiso ny fanasitrananao.

Sitrano izy, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitranana, ranabavy...?...?

Raiso ny fanasitrananao, anaka, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, ranabavy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, rahalahy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Rahalahy Weerts, raiso ny fanasitrananao, rahalahy, avy amin'i Jesosy Kristy.

Ranabavy, raiso ny fanasitrananao avy amin'i Jesosy Kristy.

Raiso ny fanasitrananao, rahalahy...?...?

Rahalahy, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, raiso...?...?

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy...?...?

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy...?...?

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika, raiso ny fanasitrananao.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, raiso ny fanasitrananao, ry rahalahiko.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy...?...?

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, raiso ny fanasitrananao, ranabavy.

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy...?...?

<sup>419</sup> [Mankeo amin'ny fanamafisam-peo Rahalahy Billy Paul Branham ka manao hoe, "Izay ihany ve no nila nivavahana ankehitriny?"—Mpand.]

<sup>420</sup> [Miresaka amin-dRahalahy Branham Rahalahy Lee Vayle—Mpand.] Enga anie ny tanaan'ny Tompo Jesosy hanaiky ho anao, Rahalahy Vayle, an'izany fangatahana ho an'ny malalanao izany, amin'ny Anaran'i Jesosy.

<sup>421</sup> [Miresaka amin-dRahalahy Branham Rahalahy Billy Paul Branham—Mpand.] Billy Paul, satria maro ny karatra izay nozarainao, dia raiso ankehitriny ny fanasitrananao, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.



Ilay Mpitsabo lehibe dia akaiky ankehitriny,  
 Ilay Jesosy mangoraka,  
 Miresaka amin'ny fo miondrika mba hifaly Izy,  
 Oh, henoy ny feon'i Jesosy.

Ny rehetra miaraka:

Anarana mamy indrindra amin'ny hiran'ny  
 serafima,  
 Anarana mamy indrindra eo amin'ny fitenin'ny  
 mety maty,  
 Hira mamy indrindra hany nohiraina,

<sup>422</sup> Andriamanitra, eo amin'ity mpivady kely maha-te-ho  
 tia izay niteraka ity, eto amin'izao tontolo izao, ny iray  
 amin'ny...?...Enga anie izy ireo hahazo ny fangatahany,  
 Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

<sup>423</sup> ...?...an'i Jesosy Kristy, enga ny olon'ny anabavinay  
 izay ao an-tsainy izao ankehitriny izao, enga anie ny  
 herin'Andriamanitra handeha hiaraka amin'izany fangatahana  
 izany. Enga anie ho afaka izy. Ekeo izany, Tompo. Amena.

<sup>424</sup> Tompo Andriamanitra, amin'ny Anaran'i Jesosy, ekeo ny  
 fangatahan'ity lehilahy ity. Mivavaka ho azy aho, Tompo,  
 amin'ny fivavako. Amena.

<sup>425</sup> Oh, tsy mahafinaritra ve izao! [Mifaly ny fiangonana ka  
 manao hoe, "Amena."—Mpand.] Mino aho fa raha ny olona  
 tsirairay izay nandalo teto, izao maraina izao, teo ambanin'ity  
 hosotra goavana ity, izaho—mino aho fa raha ianareo fotsiny  
 no...Aza mikaroka zavatra goavana be iray ankehitriny.  
 Tsarovy fotsiny ilay zavatra tsotra amin'ny finoana an'izay  
 Nampanantenainy.

<sup>426</sup> Ankehitriny ndao isika rehetra hilaza an'izany miaraka.  
 [Mamerina aorian-dRahalahy Branham ny fiangonana—Mpand.]  
 Tsy mitady zavatra goavana isika, fa amin'ny Anaran'i Jesosy, no  
 andraisantsika ny Fampanantenany.

<sup>427</sup> Milamina hatreo izany. Izany no mahavita an'ilay izy. [Hoy  
 ny fiangonana hoe, "Amena," ary mifaly mafy—Mpand.] Amena!  
 Andriamanitra hitahy anareo!



*FANONTANIANA SY VALINY MIKASIKA AN'IREO TOMBOKASE* MAG63-0324M  
(Questions And Answers On The Seals)

ANDIAN'NY FANAMBARANA AN'IREO TOMBOKASE FITO

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady maraina, 24 Marsa, 1963, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2019 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)